# *NY TOMBOKASE VOALOHANY*

Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny ho an'ny vavaka. Rainay any An-danitra, misaotra Anao izahay izao hariva izao ho an'ity, fanararaotra iray hafa hahatongavana hanompo Anao ity. Mankasitraka izahay fa velona ka manana an'ity fanambarana lehibe an'ny Fiainana Mandrakizay mitoetra ao anatinay ity. Ary tonga izahay, izao hariva izao, Ray, mba hianatra Ny Teninao, miaraka, ireto zava-miafina lehibe miafina ireto izay nafenina hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ny Zanak'ondry irery ihany no Anankiray izay afaka manambara an'Izany aminay. Mivavaka aho mba ho tonga eto anivonay Izy, izao hariva izao, ka handray Ny Teniny ary hanambara an'Izany aminay, mba ahafahanay mahafantatra hoe ahoana no haha-mpanompo tsaratsara kokoa ho Azy, ao amin'ity andro farany ity. O Andriamanitra, satria hitanay fa ao amin'ny andro farany izahay ankehitriny, dia ampio izahay hahafantatra ny toeranay, Tompo, sy ny tenanay malemy, ary ny tena fahamarinan'ny Fihavian'ny Tompo, tsy ho ela. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

2 Mino aho fa Davida, no nilaza hoe, "Faly aho raha hoy izy ireo tamiko, ndao isika handeha ho any an-tranon'ny Tompo." Tombontsoa lehibe foana ny tonga. Ary—ary ny fianarana ny Teny, miaraka, no manome antsika an'izao fanantenana lehibe izao.

3 Ankehitriny dia maro no mitsangana, ary handeha haingana mihitsy arak'izay azo atao fotsiny aho. Fa matoky aho fa nankasitraka ny Fanatrehan'ny Fanahy Masina ianareo, tahaka ny nankasitrahako, tao amin'ireo andro vitsy lasa ireo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

4 Ary, androany, dia nanana zavatra iray nitranga aho izay tsy mbola nananako nandritry ny ela. Nianatra teo amin'ity aho, teo amin'ity fanambarana ity, teo amin'ny fanokafana ny Tombokase.

5 Taona maro lasa no niresahako Azy haingana teto, teo amin'ny roapolo taona mahery teo, heveriko, na zavatra tahaka an'izany, fa na inona na inona na hafa dia tsy tena afa-po marina mihitsy tokoa aho. Toy ny hoe nisy zavatra sasantsasany, indrindra ao amin'ireto Tombokase ireto, satria ireo Tombokase ireo dia ny Boky manontolo. Hitanareo? Izany ilay Boky. Ilay Boky manontolo dia Boky anankiray, voaisy tombokase. Izany dia manomboka . . .

6 Ohatra, raha nanana zavatra iray aho teto, dia ho nasehoko aminareo izay tiako lazaina. [Manao kisarisary ny fanoronana

sy ny fanisiana tombokase ny horonana iray Rahalahy Branham, amin'ny fampiasana ravin-taratasy—Mpand.] *Ity* ny tombokase iray. Iray izay, ary ahoronareo tahaka an'*izao* izy, tahaka an'izany no nanoronana azy. Ary amin'izao fanao izao no anoronanareo azy. Ary, eo amin'ny tendrony, dia misy ambiny kely mivoaka, tahaka an'*izao*. Io ilay tombokase voalohany. Eny àry, noho izany, io no ampahany voalohany an'ilay boky. Avy eo, ny tombokase manaraka dia voahorona amin'*izao* fanao izao, eo akaikiny mihitsy. Ary voahorona amin'izao fanao izao izany, tahaka an'*ity*. Ary avy eo, eo amin'ny tendrony, *eto* mihitsy, dia misy hafa mivoaka. Midika hoe, tombokase roa.

7 Ary tahaka an'izany no nanoratana ny Baiboly manontolo, tao anaty horonana. [Mangorona an'ireo ravin-taratasy izay nampiasainy ho an'ny kisarisary Rahalahy Branham—Mpand.] Ary, noho izany, ny . . . ny mamaha an'ireto Tombokase ireto, izany no manokatra an'ireo zava-miafin'ilay Boky.

8 Efa mba nianatra tao amin'ny Jeremia ve ianareo, hoe ahoana no nanoratany an'izany, maro taminareo no nandray naoty an'izany omaly hariva? Toy ny ahoana no nanoratana sy nanokanana an'ireo tombokase ireo, mba hotehirizina, mandrapiverina afaka fitopolo taona, avy tamin'ny fahababoana. Niverina izy ary nitaky ny fananany.

9 Ary tiako tokoa ny mianatra an'Izany. Ianareo tsy afaka . . . Tsy misy fomba hanehoana an'Izany mihitsy, satria Teny Mandrakizay Izany. Ary Izany dia Boky Mandrakizay, noho izany dia somary mikasika an'ireo toerana avo fotsiny isika. Ary androany, teo am-pianarana, dia nanoratra Soratra maro aho mba ahafahako mianatra Azy. Ary koa . . . Ary hanambara betsaka ny amin'Izany ireo horonam-peo, arakaraky ny ianaranareo. Ary misy zavatra marobe ao!

10 Raha afaka nitsangana teo amin'ny lampihazo fotsiny aho ka hanambara an'Izany aminareo, ny fomba nahavoambara an'Izany tamiko tao amin'ny efitra, oadray, dia ho mahafinaritra izany. Fa, rehefa tonga eto ianareo, dia maika ianareo, ka somary mandingana fotsiny an'ireo zavatra, ary miezaka mitondra fotsiny an'ilay ampahany lehibe amin'ny olona, mba ahafahan'izy ireo mahita an'Izany.

11 Mankasitraka tokoa an'ilay hira vao nohirain-dRahalahy Ungren aho; *Nidina Avy Tamin'Ny Voninahiny*. Raha tsy avy tany amin'Ny Voninahiny Izy, dia ho taiza isika rehetra izao hariva izao? Noho izany dia mankasitraka isika fa nidina Izy mba hanampy antsika.

12 Ankehitriny, miaraka amin'ny maro mitsangana, dia hamita haingana mihitsy isika eto, ny—ny tsara indrindra izay vitako. Tsy milaza aho hoe hamita haingana mihitsy isika, fa ny tiako lazaina dia hoe hanomboka haingana arak'izay azo atao

isika. Ary ankehitriny dia ndao isika hamadika, ankehitriny, aorian'ny . . .

13 Nanana ny toko faha-1 isika, ny faha-2, ny faha-3, ary ny faha-4. Ary ny faha-5, omaly hariva. Ary izao hariva izao dia hanomboka amin'ny toko faha-6-n'ny Apokalypsy isika.

14 Ankehitriny, raha mianatra an'ity toko ity isika, dia hitodika amin'ny toerana maro, hatrany amin'ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao mihitsy aza, mitovy, satria ilay Boky manontolo dia ny fanambaran'i Jesosy Kristy. Hitanareo? Izany no fanambarana manontolo an'ny—an'ny Tompo Jesosy, ny fanambaran'i Jesosy Kristy. Izany no Andriamanitra, manambara ny Tenany ao amin'ilay Boky; manambara ny Tenany, amin'ny alàlan'i Kristy, ao amin'ilay Boky. Ary i Kristy no fanambaran'Andriamanitra. Tonga Izy mba hanambara an'Andriamanitra, satria Izy sy Andriamanitra dia iray ihany. "Andriamanitra dia tao amin'i Kristy, mampihavana an'izao tontolo izao amin'ny Tenany." Amin'ny teny hafa, dia tsy ho nahafantatra mihitsy ianareo hoe inona marina Andriamanitra raha tsy nanambara ny Tenany tamin'ny alàlan'i Kristy Izy; amin'izay fotoana izay vao afaka mahita ianareo.

15 Nieritreritra aho taloha, taona maro lasa izay, hoe angamba tezitra tamiko Andriamanitra, fa Kristy kosa tia ahy. Hitako fa, ilay izy dia Olona iray ihany, hitanareo. Ary Kristy no tena fon'Andriamanitra.

16 Ary ankehitriny raha mianatra an'ity isika, dia mampitaha an'izany ankehitriny. Ireo boky telo voalohany an'ny Baiboly, an'ny Apokalypsy, fa tena nodinihantsika akaiky marina mihitsy izany, dia ireo taom-piangonana, ireo—ireo taona fiton'ny fiangonana. Ankehitriny dia misy ny taona fiton'ny fiangonana, Tombokase Fito, Trompetra Fito, ary ireo Lovia, sy—sy ireo fanahy maloto tahaka ny sahona, ary mandeha miaraka io rehetra io.

17 Oadray, toy ny ahoana no hitiavako hanana ta—tabilao goavana be iray, ka hanao sary an'izany manerana, araka ny ahitako azy, fantatrareo, toy ny ahoana fotsiny no andraisan'ny anankiray ny toerany. Nanao sary an'izany teo amin'ny ravin-taratasy kely iray aho, saingy izaho . . . Fantatrareo izany. Ary ny zavatra rehetra, hatreto, dia mandeha tsara marina tokoa. Ary miaraka amin'ny fotoana sy ireo taona, raha tonga sy lasa izy ireo, ary ny zavatra rehetra dia nifamatotra tanteraka mihitsy. Noho izany, mety tsy marina manontolo ilay izy, saingy izay no tsara indrindra izay fantatro mikasika an'izany, na ahoana na ahoana. Ary fantatro, raha—raha manao ny tsarako indrindra aho, ka manao fahadisoana amin'ny fiezahana manao ny tsarako indrindra, sy ny tsara indrindra izay fantatro, dia azo antoka fa hamela ahy Andriamanitra amin'ny fanaovana . . . ho an'ny fahadisoana raha diso ny nataoko.

18 Fa, ankehitriny, ireo boky telo voalohany no voalohany, ireo Taona Fiton'ny Fiangonana. Ary avy eo dia hitantsika, ao amin'ny toko faha-4-n'ny Apokalypsy, fa nakarina i Jaona. Hitanareo? Hitantsika ireo fiangonana. Tsy misy betsaka voalaza mikasika an'ireo taom-piangonana. Eo no heveriko fa hahatonga ny olona ho tena gaga. Izy ireo dia—izy ireo dia—izy ireo dia mametraka an'ilay Fiangonana any ao anatin'ny Fahoriambe, ao amin'ireo zavatra izay hitranga. Ary araka ny nolazaiko, tamin'ny Alahady, omaly: ny zavatra voalohany fantatrareo, hiditra ireo fahoriambe ireo, ka hanontany ianareo hoe nahoana no tsy ny. . . Ny tonga voalohany dia ny Fampakarana. Ary ho tahaka ny efa naha-izy azy izany: efa nandalo izany fa ianareo no tsy nahafantatra azy. Hitanareo?

19 Ankehitriny, tsy betsaka no nampanantenaina an'io Fiangonana io, io Fiangonan'ny Jentilisa io, ny Ampakarina. Ankehitriny, tiako ianareo hihazona ao an-tsaina, fa misy ny fiangonana iray ary Ampakarina iray. Hitanareo?

20 Tsy maintsy manao azy handeha ao amin'ny telo foana ianareo; ny efatra dia diso. Ireo telo! Ireo telo, ireo fito, ireo folo, ireo roa ambin'ny folo, sy ireo efatra amby roapolo, sy ireo efapolo, ireo dimampolo, ireo isa tsy mivaky. Ny Baiboly dia . . . ary Andriamanitra dia mitondra Ny Hafany ao—ao amin'ny isa- . . . ireo isan'ny Baiboly, ao amin'ireo isa ireo. Ary raha mahita zavatra iray izay mihataka amin'ny iray amin'ireo isa ireo ianareo, dia tsaratsara kokoa aminareo ny mitandrina. Tsy hety tsara izany, eo amin'ilay zavatra manaraka. Tsy maintsy mitondra azy miverina eto amin'izay anombohanareo ianareo.

21 Rahalahy Vayle, Rahalahy Lee Vayle, izy—izy . . . heveriko fa eto izy. Niresaka izahay indray andro mikasika an'ireo olona izay miala amin'ny làlana. Izany dia tahaka ny mitifitra fikendry iray fotsiny. Raha mifandanja tanteraka io basy io, voamboatra sy voatondro tanteraka, dia tsy maintsy mahavoa an'ilay fikendry izy; raha tsy hoe mihetsika ilay vavabasy, na mihodina, na fangovitana no mampivilana azy, ary na aiza na aiza . . . na rivotra mitsoka. Na aiza na aiza anombohany, dia fomba anankiray ihany no atao, dia ny miverina eo amin'izay nialany an'ilay làlana, ary manomboka indray, raha hahavoa an'ilay fikendry izy. Raha tsy izany, nahoana, dia tsy mahavoa an'ilay fikendry mihitsy izy.

22 Ary tahaka an'izany ny fianarana ny Soratra, mino aho. Raha hitantsika fa manomboka zavatra iray isika eto, ka tsy mivoaka tsara ilay izy, hitanareo fa ilay izy dia tsy, hia, nanao fahadisoana iray isika tany ho any, dia tsy maintsy miverina ianareo. Tsy ho voavahanareo amin'ny sainareo mihitsy Izany. Izany fotsiny dia tsy . . .

23 Vao avy nahita isika, tamin'ny alàlan'ny Soratra, fa tsy nisy olona tany An-danitra, na teto an-tany, na tany ambanin'ny

tany, na hany nisy, na hany hisy, izay afaka mahavita an'ilay izy. Ny Zanak'ondry irery ihany no afaka mahavita an'ilay izy. Noho izany, ireo tabataban'ny seminera, na mety ho inona ilay izy, dia tsinontsinona fotsiny. Hitanareo? Mila ny Zanak'ondry hanambara Azy, izay ihany, noho izany dia matoky isika fa hanampy antsika Izy.

24 Jaona, nakarina, ao amin'ny toko faha-4, mba hahita an'ireo zavatra "izay nisy, izay misy, ary izay ho avy." Fa mifarana eo amin'ny toko faha-4 ilay Fiangonana. Ary mampakatra an'ilay Fiangonana Kristy, nakarina eny amin'ny habakabaka, mba hihaona Aminy, ary tsy miseho indray hatrany amin'ny toko faha-19, rehefa miverina Izy miaraka . . . amin'ny maha-Mpanjakan'ny mpanjaka sy Tompon'ny tompo, miaraka amin'ilay Fiangonana. Ary ankehitriny, oh, manantena aho fa afaka hahavita an'izany rehetra izany isika indray andro any, angamba alohan'ny Ihaviany. Raha tsy izany, dia ho hitantsika ilay izy, na ahoana na ahoana, noho izany dia tsy mampaninona izany.

25 Ankehitriny, tao amin'ity toko faha-5 ity, ny famahana an'ireto Tombokase ireto, ary ankehitriny dia ilay Boky voaisy tombokase fito. Voalohany, dia te-hamaky ny Tombokase Voalohany isika.

26 Omaly hariva, mba hanampy foto-kevitra amboniny kely fotsiny an'izany, dia mahita isika, fa, rehefa nijery i Jaona ka nahita an'io Boky io mbola teny an-tànan'ilay Tompony tany am-boalohany, Andriamanitra. Tsaroanareo ve hoe toy ny ahoana no nahavery Azy? Tamin'ny alàlan'i Adama. Nariany ilay Bokin'ny Fiainana, ho an'ny fahalalan'i Satana, ary veriny ny lovany, veriny ny zavatra rehetra; ka tsy nisy fomba ho an'ny fanavotana. Noho izany, Andriamanitra, dia natao tamin'ny fitoviana amin'ny olona, nidina ary lasa Havana iray ho antsika, mba hanavotra antsika.

27 Ary ankehitriny dia hitantsika fa, tamin'ireo andro lasa, ireo zavatra izay mahagaga ireo dia tsy maintsy sokafana ho antsika amin'ny andro farany.

28 Ankehitriny dia hitantsika, ihany koa, ao amin'ity, fa, vantany vao nandre an'io filazana io i Jaona ho an'ilay—ilay Havana Mahavotra mba handroso sy hitaky ny Fananany, dia tsy nisy olona izay afaka nanao an'izany; tsy nisy olona tany An-danitra, tsy nisy olona teto an-tany, tsy nisy olona tany ambanin'ny tany. Tsy nisy anankiray mendrika na dia hijery an'ilay Boky aza. Eritrereto fotsiny izany. Tsy nisy olona, mihitsy, mendrika na dia ny hijery Azy aza.

29 Ary nanomboka nitomany i Jaona. Fantany fa, oh, tsy nisy anjara ho an'ny fanavotana intsony tamin'io fotoana io. Ny zavatra rehetra dia tsy nahomby.

30 Ary hitantsika fa nijanona haingana ny tomaniny, haingana, satria nolazain'ny iray tamin'ireo Zava-manan'aina ilay izy, na ireo loholona, raha ny marina. Ny iray tamin'ireo—ireo loholona dia nanao hoe, "Aza mitomany, ry Jaona, fa ny Lionan'ny fokon'i Joda no naharesy," amin'ny teny hafa, "nandresy, ary efa nandresy."

31 Jaona, nihodina, dia nahita Zanak'ondry iray nivoaka izy. Tsy maintsy ho efa nandeha rà Izy sy voadidy ary naratra. Efa voavono Izany, ilay . . . nilaza, hoe, "Zanak'ondry iray izay efa voavono." Ary, mazava ho azy, efa nandeha rà izany; raha nandidy ny zanak'ondry ianareo ary—ary namono azy tahaka ny namonoana an'io Zanak'ondry io, na ahoana na ahoana. Voakapakapa potipotika teo amin'ny hazo fijaliana iray Izy, lefona no teo amin'ny valahana, ary fantsika no teo amin'ny tànana sy tongotra, ary tsilo no teo amin'ny handrina. Izy dia tao anatin'ny toerana iray nampalahelo. Ary nandroso ity Zanak'ondry ity, ka nanatona an'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana, izay nihazona an'ilay filazam-pananana feno an'ny Fanavotana. Ary mandeha ilay Zanak'ondry ka mandray an'ilay Boky avy eo an-tànan'Ilay nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana, ary nandray, sy nanokatra an'ireo Tombokase ka nanokatra an'ilay Boky.

32 Ary avy eo rehefa nitranga izany, dia hitantsika fa tsy maintsy nisy za—zavatra lehibe iray niseho tany An-danitra. Satria, ireo loholona, sy ireo loholona efatra amby roapolo, sy ireo Zava-manan'aina, ary—ary ny zavatra rehetra tany An-danitra, dia nanomboka niantsoantso hoe, "Mendrika!" Dia indro tonga ireo Anjely, ka nandraraka an'ireo Lovian'ny vavak'ireo olo-masina. Ireo olo-masina teo ambanin'ny alitara dia nihiakiaka hoe, "Mendrika Ianao, O ry Zanak'ondry, satria Ianao no nanavotra anay, ary ankehitriny Ianao dia nanao anay ho mpanjaka sy mpisorona, ka hanjaka eny ambonin'ny tany izahay." Oh, oadray! Ary izany ilay izy, rehefa Nosokafany io Boky io.

33 Hitanareo, ilay Boky dia efa voakasa sy voasoratra tokoa talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ity Boky ity, ny Baiboly, dia voasoratra marina tokoa talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary Kristy, satria ny Zanak'ondry, dia efa voavono talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary ireo—ireo mambran'Ny Ampakariny, ny anaran'izy ireo dia efa napetraka tao anatin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Fa, efa voaisy tombokase Izany, ary ankehitriny dia voambara Izany; ireo manana anarana ao anatiny ao, ny rehetra mikasika an'Izany, ary zavatra iray lehibe toy ny inona.

34 Ary Jaona, rehefa hitany izany, izy—hoy izy hoe, "Ny zavatra rehetra tany An-danitra, ny zavatra rehetra tany ambanin'ny tany . . ." Ny zavatra rehetra dia nandre azy nanao hoe, "Amena,

ny saotra, sy haja!" Vao avy nanana fotoana iray lehibe marina tokoa izy, ary, satria, "Ny Zanak'ondry no mendrika."

35 Ary mitsangana ilay Zanak'ondry ankehitriny. Ankehitriny, izao hariva izao, raha miditra ao amin'ity toko faha-6 ity isika, dia manana an'ilay Boky eny an-Tànany Izy, ary manomboka manambara Azy.

36 Ary, oh, hanana tokoa aho androany . . . Ary manantena aho fa ara-panahy ny olona. Mety ho nahavita fahadisoana iray mampahatahotra teo amin'Izany aho, raha tsy efa tamin'ny, teo amin'ny roa ambin'ny folo ora teo ilay izy androany, rehefa niditra tao amin'ny efitra ny Fanahy Masina ka nanitsy ahy teo amin'ny zavatra iray izay nosoratako mba ho lazaina.

37 Naka an'Izany avy tao amin'ny lohahevitra tranainy iray aho. Tsy nanana na inona na inona teo amin'Izany aho. Tsy fantatro hoe inona ny Tombokase Faharoa, tsy nisy na inona na inona mihitsy. Fa naka lohahevitra tranainy iray avy tamin'ny zavatra iray izay noresahako taona maro lasa aho, ary nandray naoty an'izany. Ary nangoniko io lohahevitra io, lohahevitra avy tamin'i Dr. Smith, ireo mpampianatra lehibe maro, malaza izay izaho—nanangonako azy. Ary izy rehetra ireo dia nino an'izany, noho izany dia noraisiko naoty izany. Ary nivonona aho ny hilaza hoe, "Eny, ankehitriny dia hianatra Azy avy amin'ity fotokevitra ity aho."

38 Ary tany, teo amin'ny roa ambin'ny folo ora antoandro teo, dia nidina tao amin'ilay efitra avy hatrany mihitsy ny Fanahy Masina, ka nisokatra tamiko fotsiny ilay zavatra manontolo, ary teo Izany, hitanareo, noho izany . . . ny amin'ity—ny amin'ity Tombokase Voalohany izay nisokatra ity. Pozitifa tahaka ny itsanganako eto izao hariva izao aho, fa izao no Fahamarinan'ny Filazantsara izay ho lazaiko eto. Izaho—fantatro mihitsy fa izany no izy.

39 Satria, raha mifanohitra amin'ny Teny ny fanambarana iray, amin'izay fotoana izay dia tsy Fanambarana ilay izy. Ary, fantatrareo, fa misy karazan-javatra izay toy ny hoe tena marina tokoa, kanefa tsy marina. Hitanareo? Toy ny hoe izany ilay izy, nefa tsy izany.

40 Ankehitriny, hitantsika, ny Zanak'ondry miaraka amin'ilay Boky, ankehitriny. Ary ankehitriny ao amin'ny toko faha-6 no vakiantsika.

> *Ary nahita aho rehefa nanokatra ny anankiray tamin'ireo tombokase ny Zanak'ondry, ary reko, tahaka ny fikotroky* ny *kotrokorana,* ary *ny anankiray tamin'ireo zava-manan'aina efatra nanao hoe, Avia ka jereo.*
>
> *Ary nahita aho, ka indro soavaly fotsy iray: ary izay nipetraka teo amboniny dia nanana tsipìka iray; ary*

*nomena satroboninahitra iray izy: ary nivoaka izy ka naharesy, ary mbola haharesy.*

41 Ankehitriny, izany no Tombokase Voalohany, ilay anankiray izay ho ezahantsika, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, ny hanazava an'Izany izao hariva izao. Amin'ny tena tsara indrindra . . . Ary fantatro fa ny olona iray, izay miezaka manazava an'Izany, dia mandeha eo amin'ny tany mampididoza raha tsy fantatrareo izay ataonareo. Hitanareo? Noho izany raha tonga amiko amin'ny alàlan'ny fanambarana izany, dia ho teneniko aminareo koa. Raha tsy maintsy handray an'izany amin'ny alàlan'ny saiko manokana fotsiny aho, amin'izay fotoana izay aho dia—dia ho teneniko aminareo izany alohan'ny hiresahako mikasika azy. Fa pozitifa fotsiny aho, tahaka ny itsanganako eto izao hariva izao, fa vao tonga tamiko Izany, androany, avy tamin'ny Tsitoha. Tsy mirona hilaza zavatra tahaka an'izao fotsiny aho, rehefa tonga eto amin'ity ampahan'ny Soratra ity izany. Izaho—izaho dia . . .

42 Manantena aho fa fantatrareo izay resahako ankehitriny, hitanareo. Ankehitriny, fantatrareo, ary ianareo tsy afaka milaza zavatra . . . Raha zavatra natao hipetraka *eto* ny zavatra iray alohan'ny hitrangany, ianareo—tsy afaka hilaza an'izany ianareo raha tsy misy zavatra iray mametraka azy eo. Hitanareo? Mamaky ve ianareo? Mihaino zavatra ve ianareo? Hitanareo?

43 Ankehitriny, ny Tombokase Fito, vahan'ny Zanak'ondry ny Boky nihorona ankehitriny. Manatona an'io toerana io isika izao hariva izao. Andriamanitra, ampio izahay. Arakaraky ny isokafan'ireo Tombokase sy ivahany, no maha-voambara an'ireo zava-miafin'ny Boky.

44 Ankehitriny, hitanareo, *Ity* dia Boky iray voaisy tombokase. Ankehitriny, mino an'izany isika. Sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mino isika fa Boky iray voaisy tombokase Izany. Ankehitriny, tsy nahafantatra an'izany mihitsy isika tany aloha, fa izany Izy. Voaisy tombokase amin'ny Tombokase Fito Izy. Izany hoe, eo ivohon'ilay Boky, ilay Boky dia voaisy tombokase amin'ny Tombokase Fito.

45 Raha niresaka mikasika an'*ity* karazana boky ity isika, dia ho toy ny mametraka fehy hoditra manerana azy izany, fehy hoditra fito. [Mampiseho boky iray ho fanoharana iray Rahalahy Branham—Mpand.] Fa tsy *ity* karazana boky ity ilay izy.

46 Izany dia horonana iray. Ary amin'izay fotoana izay rehefa vahana ilay horonana, dia iray izay; avy eo mipetraka ao anatin'ilay horonana mihitsy ny nomerao roa. Ary *eto* mihitsy no Ilazany izay maha-izy Azy, saingy zava-miafina iray Izany. Fa, kanefa, nofotopotorantsika Izany; fa, tsarovy, ilay Boky dia voaisy tombokase. Ary ilay Boky dia ny Bokin'ny zava-miafina, an'ny fanambarana. Izany no fanambaran'i Jesosy Kristy, hitanareo, Boky iray an'ny fanambarana. Ary fantatrareo

ankehitriny, nandritry ny taona, fa namotopototra sy niezaka hiditra tao anatin'Izany ny olona. Isika rehetra dia niezaka.

47 Ary, kanefa, indray mandeha, dia tsaroako . . . Raha—raha sendra manatrika Atoa. Bohanon, na—na ny sasany amin'ny havany, izaho—tsy milaza an'izany amin'ny faniratsirana mihitsy aho. Atoa. Bohanon dia sakaizako akaiky, ary izy no mpanara-maso ambony an'ny Public Service fony aho niasa tany. Rehefa voavonjy voalohany aho, dia niteny taminy mikasika ny famakiana teo amin'ny Bokin'ny Apokalypsy. Hoy izy hoe, "Efa niezaka namaky an'ilay zavatra aho," hoy izy. Ary Atoa. Bohanon dia lehilahy iray mahafinaritra, ary izy—izy dia mambram-piangonana iray. Ary—ary tsy fantatro hoe inona daholo no nikambanany, fa hoy izy hoe, "Heveriko fa tsy maintsy nihinana sakafo hariva nisy sakay mena i Jaona tamin'io hariva io, ary nandeha natory tamin'ny kibo iray feno."

48 Nilaza taminy aho, na dia mety ny asako aza no ho sarany, hoy aho hoe, "Tsy menatra ve ianao milaza an'izany?" Ary zazalahy iray fotsiny aho. Saingy hoy aho hoe, "Tsy menatra ve ianao milaza an'izany mikasika ny Tenin'Andriamanitra?" Hitanareo? Kanefa, ary ankizy iray fotsiny, tsy mihoatra ny . . . angamba iraika amby roapolo, roa amby roapolo taona; fa nahalana ny asa, ary nisy ny krizy. Fa, kanefa, nisy tahotra tao anatiny tao, rehefa izaho . . . nanamavo, nandre fanamavoina ny Tenin'Andriamanitra. Izy no Fahamarinana; Fahamarinana rehetra. Noho izany, ilay izy dia tsy nofy iray akory aza na nofy ratsy; izany dia tsy hoe nihinana i Jaona.

49 Tany amin'ny Nosy Patmo izy satria niezaka ny hanao ny Tenin'Andriamanitra tao anaty endrika boky iray, ary nataon'ny governemanta Romana sesitany tany izy. Ary teo amin'ilay nosy izy, tamin'ny Andron'ny Tompo. Ary nandre Feon'ny ranobe izy taoriany, dia nitodika izy hijery, ka nahita Fanaovan-jiro Volamena Fito. Ary nitsangana teo ny Zanak'Andriamanitra, teo anelanelan'izy ireo, ankehitriny.

50 Ary, noho izany, ilay Boky dia fanambarana iray. Noho izany, ny fanambarana iray dia zavatra izay nampahafantarina mikasika zavatra iray, zavatra izay voambara. Ary ankehitriny, mariho, mba tsy hanadinoanareo azy, izany dia "nikatona hatramin'ny andro farany." Hitanareo? Ilay zava-miafin'Izany manontolo dia "nikatona hatramin'ny andro farany." Hitantsika ao amin'ny Soratra eto izany.

51 Ankehitriny, ny zava-miafin'ilay Boky dia voambara rehefa mivaha ireo Tombokase. Ary rehefa mivaha tanteraka ireo Tombokase, dia tapitra ny fotoan'ny fanavotana; satria niala teo amin'ilay efitra kelin'ny fanelanelanana ny Zanak'ondry, mba handeha hitaky an'ireo Fananany. Mpanelanelana iray Izy, teo anelanelan'izany. Fa rehefa mitranga eo amin'ireo Tombokase ilay tena fanambarana, raha manomboka mivaha Izy ireo, dia

mandroso avy ao amin'ilay toerana masina ny Zanak'ondry. Araka ny Teny izany. Namaky an'izany isika omaly hariva. Nivoaka Izy avy tao. . . avy teo afovoany, ka nandray ny Boky, noho izany dia tsy Mpanelanelana intsony Izy. Satria, izy ireo aza dia niantso Azy hoe Liona iray, ary izany no—izany no Mpanjaka, ary tsy Mpanelanelana iray Izy amin'izay fotoana izay.

52 Na dia, efa nanomboka tao amin'ny taom-piangonana voalohany aza ireo mpiantsehatr'ireto Tombokase ireto. Tsarovy ankehitriny, mba ianareo—hahazoanareo ny foto-kevitr'izany marina mihitsy, raha vitantsika, na marina mihitsy arak'izay azo atao. Ireo "mpiantsehatra," hapetrako tahaka an'izany ilay izy satria ny mpiantsehatra iray dia olona iray izay miova saron-tava. Hitanareo?

53 Ary ao amin'ity tantara an-tsehatra ity, izao hariva izao, dia ho hitantsika fa Satana manova ny saron-tavany izany. Ary, ny rehetra, dia mpiantsehatra.

54 Kristy, teo am-panaovana ny anjara izay Nataony, rehefa avy tamin'ny Fanahy lasa olona Izy, dia nanao akanjon'ny mpiantsehatra iray fotsiny Izy, nofon'olombelona, ka nidina tamin'ny endrika Lehilahy iray, mba ho Havana Mahavotra iray.

55 Ankehitriny—ankehitriny, hitanareo, endrika mpiantsehatra iray fotsiny izany. Izany no antony mahatonga azy rehetra ireo ao amin'ny fanoharana sy ma-. . . sy izay maha-izy azy ireo eto, toy ny zava-manan'aina, sy biby, sy ny sisa. Ao amin'ny tantara an-tsehatra iray izany. Ary nanomboka tao amin'ny taom-piangonana voalohany ireto mpiantsehatra ireto, satria izany no Kristy manambara ny Tenany tamin'ireo taona fiton'ny fiangonana. Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry. Hitanareo? Kristy manambara ny Tenany amin'ireo taona fiton'ny fiangonana.

56 Avy eo, nandritr'ireo taom-piangonana ireo, dia misy korontana lehibe iray tonga. Avy eo, teo amin'ny faran'ny taom-piangonana, ny Hafatr'ilay anjely fahafito dia ny mandray an'ireo zava-miafina very ireo ka manome an'izany ho an'ilay Fiangonana. Hitanareo? Ankehitriny dia hahamarika an'izany isika.

57 Saingy tsy voambara tamin'ny fisehony marina tamin'izany. Ankehitriny, tamin'ireo andron'ny Baiboly, dia efa teo ireo zava-miafina ireo, ary nahita an'ireto zavatra ireto nitranga izy ireo tahaka ny nahitan'i Jaona azy eto. Ankehitriny dia hoy izy hoe, "Misy mpitaingina soavaly fotsy iray." Fa, inona ilay zava-miafin'izany, misy zava-miafina iray izay mandeha miaraka amin'io mpitaingin-tsoavaly io. Ankehitriny, inona izany, tsy nahafantatra izy ireo, saingy tsy maintsy ho voambara izany. Fa tsy maintsy ho voambara izany rehefa avy miala eo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray ny Zanak'ondry, an'ny Fanelanelanany amin'ny maha-Havana Mpanavotra.

58 Hanatsofoka zavatra kely iray aho eto. Ankehitriny, raha mahazo an'ireto horonam-peo ireto ny olona iray. . . Ny olona rehetra dia afaka miteny an'izay rehetra tiany tenenina. Manana zò amin'ny zavatra rehetra avy amin'ny fandresen-dahany izy. Fa raha. . . Fantatrareo, raha tsy mila an'ity eo anivon'ny olony ny mpitoriteny iray, amin'izay fotoana izay dia teneno izy ireo tsy handray an'izany. Fa izaho—izaho. . . Ity dia eo anivon'ny olona izay nanirahina ahy hiresahana, noho izany dia tsy maintsy manambara aho hoe inona no Fahamarinana. Hitanareo?

59 Ankehitriny, ny Zanak'ondry, tamin'ny fotoan'ny fanelanelanana *eto,* Fantany fa nisy anarana izay natao tao anatiny tao hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ary raha mbola tsy voaseho teto ambonin'ny tany foana ireo anarana ireo, dia tsy maintsy nijanona teo amin'ny maha-Mpanelanelana Izy. Azonareo ve ilay izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Tanteraka tokoa, fifidianana mialoha! Hitanareo? Eny àry. Tsy maintsy nijanona teo Izy, satria tonga Izy mba ho faty ho an'ireo izay voalahatr'Andriamanitra ho amin'ny Fiainana Mandrakizay. Hitanareo? Hitanareo? Tamin'ny Fahalalany mialoha, no Nahitany azy ireo. Tsy tamin'ny Sitrapony Manokana; ny Sitrapony dia hoe tsy hisy iray ho levona. Fa tamin'ny Fahalalany mialoha no Nahafantarany hoe iza no ho levona ary iza no tsy ho levona. Noho izany, raha mbola nisy anarana anankiray foana tsy, tsy mbola niseho—voaseho teto an-tany, dia tsy maintsy nijanona teo Kristy amin'ny maha-Mpanelanelana iray, mba hikarakara an'io anarana io.

60 Fa vantany vao tafatsoboka ao anatin'ilay Clorox na fanalana tasy io anarana farany io, tamin'izay fotoana izay no tapitra ny andron'ny Fanelanelanany. "Aoka izay maloto mbola haloto foana. Aoka izay masina, mbola ho masina foana." Hitanareo? Ary miala eo amin'ilay toerana masina Izy ary amin'izay fotoana izay dia lasa Seza Fitsarana izany. Loza ho an'ireo izay any ivelan'i Kristy amin'izay fotoana izay!

61 Mariho ankehitriny, fa tsy maintsy voambara Izany rehefa miala amin'ny toerana Fanelanelanany avy teo amin'ny Ray ilay Zanak'ondry. Ankehitriny, izany no Apokalypsy 5. Ankehitriny dia mandray ny Bokin'ireo Tombokase Izy, ny Bokin'ireo Tombokase, na Boky iray voaisy tombokase amin'ny Tombokase, mamaha azy ireo ary maneho azy ireo. Jereo. Eo amin'ny faran'ilay taona ankehitriny, rehefa tapitra ny fanelanelanana, dia nifarana tanteraka ireo taom-piangonana.

62 Tonga Izy, ao amin'ny taona voalohany, ny Taona Efesiana; nanambara, nandefa an'ilay iraka.

63 Mariho izay mitranga, raha manohy isika. Ity no drafitr'izany. Ny zavatra voalohany mitranga, dia misy ny—

ny—filazana iray any An-danitra, aloha. Inona no mitranga? Tombokase iray no misokatra. Inona izany? Zava-miafina iray no voambara. Hitanareo? Ary rehefa manambara ny zava-miafina iray, amin'izay fotoana izay dia maneno ny trompetra iray. Manambara ady iray izany. Milatsaka ny loza iray, ary nisokatra ny taom-piangonana iray. Hitanareo?

64 Inona no anjaran'ilay "ady"? Mandray ny zava-miafin'Andriamanitra ilay anjelin'ny Fiangonana, izay tsy mbola voambara tanteraka. Fa, rehefa manao izy, dia alainy io zava-miafin'Andriamanitra io, ary avy eo dia mandroso mankany amin'ny olona izy taorian'ny nanomezana azy an'ilay zava-miafina. Mandroso mankany amin'ny olona! Inona no ataony eo? Manomboka manambara an'io Hafatra io izy. Ary inona no atombony? Ady iray, ady ara-panahy iray.

65 Ary avy eo dia alain'Andriamanitra ny Irany, miaraka amin'ilay Voafidin'io taona io, ary mametraka azy ireo mihataka, matory. Ary avy eo dia mandatsaka loza iray eo amin'ireo izay nandà an'Izany Izy; fitsarana vonjimaika iray.

66 Ary avy eo rehefa tapitra izany, amin'izay fotoana izay dia mitohy izany, ary manao anaram-piangonana izy ireo, sy mampiditra anaram-piangonana, ary manomboka miaraka amin'io asan'olona io, ohatra i Wesley sy ny sisa rehetra amin'izy ireo. Ary amin'izay fotoana izay dia miditra ao anatin'ny fifanjevoana indray izany rehetra izany.

67 Ary avy eo dia mipoitra ny zava-miafina iray hafa. Amin'izay fotoana izay dia inona no mitranga? Tonga eto an-tany ny iraka hafa iray, ho an'ny taom-piangonana iray. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay, rehefa tonga izy, izy ny—maneno ny trompetra. Mamaky ady izy. Hitanareo? Ary avy eo dia inona no mitranga? Farany, avy eo, dia esorina miala izy. Ary avy eo rehefa apetraka mihataka izy, amin'izay fotoana izay dia miraraka ny loza, mandrava azy ireo. Mamely an'ilay fiangonana ny fahafatesana ara-panahy, ary vita ny aminy, io vondrona io.

Avy eo manohy eo amin'ny iray hafa Izy. Oh, drafitra iray lehibe izany!

68 Hany ka, tonga eo amin'io anjely farany io izany. Ankehitriny, tsy manana zava-miafina manokana izy. Fa angoniny izay rehetra very tao amin'ireo taona hafa ireo, ireo Fahamarinana rehetra izay tsy mbola voambara marina, hitanareo, raha tonga ny fanambarana, avy eo dia manambara an'ireo zavatra ireo amin'ny androny izy. Raha tianareo ny hamaky an'izany, dia ity ilay izy. Apokalypsy 10, 1 hatramin'ny . . . 1 hatramin'ny 4 eo, no hahitanareo an'izany. Eny àry. Hitanareo? "Mandray ny Boky sy, an'ireo Tombokase, ary mamaha azy ireo," ka maneho amin'ilay anjely fahafito; satria io irery ihany, ireo zava-miafin'Andriamanitra, no asam-panompoan'ilay anjely fahafito. Ankehitriny, vao avy nandalo

an'ireo taom-piangonana isika, niaraka tamin'ny tantara mihitsy aza, ary nanaporofo an'izany. Hitanareo? Izany no—no Hafatr'ilay anjely, an'ny fiangonana fahafito, eny àry, manambara an'ireo zava-miafina rehetra izay nisy tany amin'ny lasa, ireo zavatra rehetra tany amin'ny lasa. Apokalypsy 10:1-7, izany no tsy maintsy hisy. Ankehitriny, tsarovy, "Amin'ny andron'ny anjely fahafito, ny fitsofany, ny fampanenoany ny trompetran'ny Filazantsara, dia tsy maintsy mamarana an'ireo zava-miafin'Andriamanitra rehetra izy."

69 Toy ny hoe, indro fa mivoaka, tao amin'ireo taom-piangonana voalohany. Ho hitantsika izany, afaka kelikely, ny foto-pampianarana iray. Ary, amin'izay fotoana izay, lasa teny iray izany, aloha; avy eo dia foto-pampianarana iray; ary avy eo dia lasa fitsipika iray; avy eo dia lasa fiangonana iray, ary nandalo an'ireo taona maizina.

70 Avy eo dia nivoaka avy tao amin'ireo taona maizina ny fanavaozana voalohany, Luther. Ary izy dia nitondra, niaraka taminy, an'ireo karazan-javatra mahagaga rehetra izay nitranga nandritr'io taom-piangonana io, ny rehetra tany aoriana tany tamin'izany, saingy tsy nahafarana tanteraka an'izany mihitsy izy.

71 Avy eo dia tonga i Wesley, niaraka tamin'ny fanamasinana, nitondra sasantsasany ambonin'izany. Fa mbola, tsy nahafarana an'izany mihitsy; namela an'ireo nihantona hatraiza hatraiza, toy ny famafazana raha tokony ho batisa. Ary Luther dia nandray ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina" raha tokony ho ny "Jesosy Kristy Tompo." Ireo zavatra samihafa rehetra ireo!

72 Avy eo dia tonga ny taona Pentekotista, niaraka tamin'ny batisan'ny Fanahy Masina, ary nifandrafitra teo amin'izany izy ireo. Ankehitriny, tsy mety hisy taona intsony. Izany ihany ny amin'io. Izany no Filadelfia . . . na, ankehitriny, ny Taonan'i Laodikia. Fa avy eo ny . . .

73 Hitantsika, tao amin'ny fianarana ny Soratra, fa ny iraka ho an'ilay taona dia tonga mihitsy eo amin'ny fiafaran'ilay taona, isan'andro. Tonga teo amin'ny fiafaran'ilay taona i Paoly. Hitantsika fa tonga teo amin'ny fiafaran'ilay taona i Irenée. Martin, teo amin'ny fiafaran'ilay taona. Luther, teo amin'ny fiafaran'ilay taona Katolika. Ary (inona?) Wesley teo amin'ny fiafaran'ilay taona Loterana. Ary ny Pentekosta teo amin'ny fiafaran'ilay taonan'ny fanamasinana, ho amin'ny batisan'ny Fanahy Masina.

74 Ary eo amin'ny fiafaran'ilay taona Pentekotista, isika dia natao hahazo, araka ny Teny, raha manampy ahy Andriamanitra izao hariva izao mba haneho aminareo, avy eto, fa isika dia tsy maintsy mahita, mahazo iraka iray izay handray an'ireo mihantona rehetra eo ireo ka

hanambara ny tsiambaratelon'Andriamanitra manontolo, ho an'ny fampakarana an'ilay Fiangonana.

75 Ary avy eo dia ho tonga ireo Kotrokorana fito mahagaga izay tsy voasoratra mihitsy akory aza. Marina izany. Ary mino aho fa, amin'ny alàlan'ireo Kotrokorana Fito ireo, dia ho voambara amin'ny andro farany mba hanangonana miaraka ny Ampakarina ho an'ny finoan'ny fampakarana. Satria, izay ananantsika izao ankehitriny izao, isika—tsy ho afaka hahavita an'izany isika. Misy zavatra iray. Tsy maintsy mandeha lavidavitra kokoa isika. Isika, zara isika raha manana finoana ampy ho an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, saiky. Tsy maintsy manana finoana ampy isika mba hiova, ao anatin'ny fotoana fohy, sy ho hakarina hiala eto amin'ity tany ity. Ary ho hitantsika izany, afaka kelikely, raha sitraky ny Tompo, hahita hoe aiza no nanoratana an'Izany.

76 Avy eo, dia ireo fitsarana rehetra an'ireo mpanao ratsy ireo! Ankehitriny, hitanareo, nanerana an'ireo taonan'ireto Tombokase ireto, izay novahana, hatramin'ny ankehitriny izay namahana an'ilay Tombokase farany. Ary ankehitriny raha izy ireo—raha nandinika an'ireto Tombokase ireto izy ireo ka nanombatombana fotsiny, nanombatombana an'izay nataon'izy ireo. Ankehitriny, eo amin'ny fiafaran'ireo taona, ireo taom-piangonana, dia hiseho ireo mpanao ratsy rehetra ireo ka hiafara ao amin'ny Fahoriambe; ireo mpanao ratsy rehetra an'ny Tombokase Fito, izay niasa am-pahagagana tao amin'ny fiangonana.

77 Ary ho hitantsika, afaka iray minitra, fa niasa tamin'ny anaran'ny fiangonana iray mihitsy aza izany. Izy ireo no miantso ny tenany hoe, "Ny Fiangonana." Ary jereo fotsiny raha tsy marina izany. Tsy mahagaga raha tena nanohitra anaram-piangonana aho, tsy mahafantatra hoe nahoana. Hitanareo? Hitanareo?

78 Mifarana izy ireo. Ankehitriny, manomboka izy eto amin'ny endrika bonaika, ary mitohy lasa miha-ratsy sy miha-ratsy fotsiny, hatrany amin'ny. . . Ary miditra ao amin'izany avy hatrany ny olona, manao hoe, "Oh, eny, *ity* no tsara mihitsy." Saingy amin'ny andro farany, dia ampahafantarina ireto zavatra ireto. Ary farany dia lasa tena ratsy izy ireo hany ka miditra avy hatrany ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe.

79 Ary ahoana no ahafahan'ny olona iray milaza fa miditra ao amin'ny Fahoriambe ny Ampakarin'i Kristy? Tsy mety azoko izany. Hitanareo? Nesorina niala tamin'ny Fahoriambe Izy. Raha—raha efa voatsara ilay Fiangonana, ka nitsara ny tenany izy ireo ary nanaiky ny Rà, dia ahoana no ahafahan'Andriamanitra hitsara olona iray izay tsy misy fahotana tanteraka, manontolo?

Hoy ianareo hoe, "Tsy misy ny olona iray tahaka an'izany."

80 Ny mpino nateraka indray tsirairay, mpino marina, dia tsy misy fahotana tanteraka, marina mihitsy eo anatrehan'Andriamanitra. Tsy mitoky amin'ireo asany izy; ao amin'ny Ràn'i Jesosy, izay nandrotsahana ny fiaikeny. Ny Baiboly no niteny an'izany. Hitanareo? "Izy izay—izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota, satria tsy mahay manota izy." Ahoana no ahafahanareo hanao olona iray ho mpanota iray nefa ny fanalana tasin'ny Ràn'i Jesosy Kristy dia eo anelanelany sy Andriamanitra? Izany no hanaparitaka ny fahotana mandrapaha tsy misy na inona na inona tavela amin'izany. Hitanareo? Ahoana no ahafahan'io Ràn'i Kristy madio io mba hamela fahotana iray handalo eo? Tsy afaka Izy.

81 Hoy Jesosy hoe, "Aoka ho tanteraka ianareo, tahaka ny Rainareo any An-danitra mihitsy izay tanteraka." Ary ahoana no ahafahantsika hanomboka akory aza ny fiheverana ho tanteraka? Nefa Jesosy no nitaky an'izany. Ka raha Jesosy no nitaky an'izany, dia tsy maintsy manao fomba iray ho an'izany Izy. Ary nanao Izy; Ny Ràny Manokana!

82 Ankehitriny, ny rehetra, dia manambara an'ireo zava-miafina rehetra izay efa nandalo tany amin'ny lasa. Ankehitriny, ilay fisainana dia, eto amin'ny andro farany, hoe ireo zava-miafina izay nanomboka tany aoriana ela tany ary tonga nitety an'ireo taom-piangonana, dia tsy maintsy voambara eto amin'ny famahana an'ireo Tombokase, eto amin'ny andro farany, rehefa saiky mifarana mihitsy ny fotoan'ny fanelanelanana, amin'io fotoana io.

83 Avy eo, dia ireo fitsarana no miandry an'ireo izay any aoriana. Manohy miditra ao anatin'izany izy ireo. Izany dia aorian'ny hanesorana ny Ampakarina hiala amin'ny sehatra.

84 Oh, ndao fotsiny isika hamaky Soratra iray. Tianareo rehetra ve ny handray naoty an'ireo sasany amin'ny Soratra? Ndao raisintsika ny Tesaloniana Faharoa, vetivety fotsiny, ka hijery eto iray minitra fotsiny. Izany—izany dia sary iray tsara tarehy eto! Tiako izany. Ary ndao jerentsika. Eny, Tesaloniana Faharoa. Ary tiako ny toko faha-2-n'ny Tesaloniana Faharoa, ary ny—ny andininy faha-7. Ndao jerentsika. Tesaloniana Faharoa 2:7. Heveriko fa marina izany, ankehitriny. Nandray naoty an'ity aho, nipararetra sy nangovitra.

> *. . .efa miasa sahady ny zava-miafin'ny heloka: izy fotsiny ihany izay. . .misakana no hanao, mandrapanaisotra azy amin'ny làlana.*

85 Iza? "Izy izay misakana." Hitanareo? Hitanareo, zava-miafina iray, "ny zava-miafin'ny heloka," tany aoriana tany tao amin'io taom-piangonana voalohany eto io mihitsy. Paoly eto no manoratra, milaza fa, "Ny zava-miafin'ny heloka." Inona ny heloka? Ny heloka, dia zavatra izay fantatrareo fa tsy tokony ataonareo, nefa ataonareo ilay izy na ahoana na ahoana.

Ary nilaza i Paoly fa misy an'izany eto an-tany androany, ireo mpanao heloka. Oh, raha ianareo...Isika dia ho tonga eo amin'ny...Ndao isika hamaky fotsiny an'io ampahany io, iray minitra fotsiny. Manomboka lavidavitra kely, ny andininy faha-3.

> *Aza mety ho fitahin'olona mihitsy ianareo: fa tsy ho avy io andro io, raha tsy tonga aloha ny fihemorana, ka io* (l-e-h-i-l-a-h-y) *lehilahin'ota io dia ho voambara, ilay zanaky ny fahaverezana;* (marina izany)
>
> *Izay* manohitra *ka* manandratra *ny tenany ambonin'ny rehetra* izay *antsoina hoe Andriamanitra, na izay ivavahana; ka dia tahaka an'Andriamanitra mipetraka eo amin'ny tempolin'Andriamanitra izy,* maneho *ny tenany fa izy no Andriamanitra,* mamela fahotana.
>
> *Tsy tsaroanareo ve, fa, fony aho mbola niaraka taminareo, dia efa niteny an'ireo zavatra ireo aho?*

86 Tiako ny ho nipetraka teo ambanin'ny sasany tamin'ny fampianarany. Ary ianareo?

> *Ary ankehitriny* ianareo *dia mahafantatra an'izay misakana mba ahafahany ho voambara amin'ny fotoany.*

87 Tsy tamin'izany, hitanareo, tsy tamin'izany; fa, "amin'ny fotoany," hitanareo, amin'ny famahana an'io Tombokase io. Ho fantatsika marina tokoa hoe inona izany. Iza ity lehilahin'ny heloka ity? Iza ity lehilahin'ota ity, ity olona izay manao heloka ity? "Fa ho voambara izy amin'ny fotoany."

> *Fa ny zava-miafin'ny heloka* dia *miasa sahady* (mpamitaka, hitanareo, mamitaka ny olona ao amin'ny zavatra iray, hitanareo): *izy ihany* (Andriamanitra) izay *misakana no hanao, mandra-panaisotra azy* (ilay Fiangonana, Kristy, ny Ampakarina) *hiala amin'ny làlana.*
>
> *Ary avy eo* ilay *Ratsy fanahy* anankiray *dia ho voambara,...*

88 Amin'ny famahana an'ilay Tombokase, "amin'ny fotoany." Hoy i Paoly hoe, "Tsy ao amin'ny fotoako, fa amin'ny fotoana izay hahavoambara azy." Hitanareo?

> *...izay holevonin'ny Tompo amin'ny fanahin'ny vavany,...*

89 Ho tonga eo amin'izany isika afaka kelikely, "ny fanahin'ny vavany." Diniho hoe inona io.

> *...sy handrava amin'ny famirapiratan'ny fihaviany:*
>
> *Izy aza, ny fihaviany dia araka ny fiasan'i Satana...*

90 Izy, "izy," lehilahy iray izay miasa araka ny asan'i Satana.

> *. . . amin'ny hery sy famantarana ary ny fahagagana,*
>
> *Ary amin'ny famitahana rehetra an'ny tsi-fahamarinana,* mamitaka ny olona amin'ny tsi-fahamarinana, *ho an'ireo izay levona* (tsy ity Ampakarina ity), ho an'ireo izay mitady zavatra tahaka an'izany; *satria tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana izy ireo, . . .*

91 Ary Kristy no Fahamarinana, ary Kristy no Teny; saingy naleon'izy ireo nanana fanekem-pinoana iray. Hah! Hitanareo?

> *. . . izay mety hahavoavonjy azy ireo.*
>
> *Ary ho an'izany antony izany Andriamanitra* dia nandefa *ho azy ireo* fahadisoan-kevitra *mahery, mba hinoan'izy ireo ny—ny lainga:*

92 Izany dia tokony ho voadika eo, raha nijery tao amin'ny leksika aho hoe, "ilay lainga," tsy "lainga iray." "Ilay lainga," ilay anankiray ihany izay noteneniny tamin'i Eva.

> *Mba izy ireo . . . ho helohina izay tsy nino ny fahamarinana, fa nankasitraka ny tsi-fahamarinana.*

93 Filazana iray toy ny inona! Oadray! Aorian'ny anesorana ny Ampakarina, amin'izay fotoana izay dia hanambara ny tenany ity lehilahin'ota ity.

94 Izy, ilay Ampakarin'i Kristy marina, dia efa voafidy avy tao amin'ny taom-piangonana tsirairay.

95 Ankehitriny, indray andro dia nanao filazana iray aho hoe, "Afaka handeha any an-Trano ny Ampakarina nefa tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany mihitsy ianareo." Marina izany.

96 Hoy ny olona iray hoe, "Eny, Rahalahy Branham, ho vondrona kely iray mahery izany."

97 Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa," ankehitriny resaho Aminy ny mikasika an'izany, hitanareo, "izay nisy fanahy valo novonjena tamin'ny rano, dia ho toy izany koa amin'ny Fihavian'ny Zanak'olona." Raha nisy valonjato no nandeha tao amin'ny Fampakarana izao hariva izao, dia tsy handre teny iray mikasika an'izany mihitsy ianareo rahampitso, na ny andro manaraka, na amin'ny fotoana hafa. Ho lasa izy ireo nefa tsy hahafantatra na inona na inona mikasika an'izany ianareo. Hitanareo, ho ilay zavatra iray ihany mihitsy izany.

98 Inona no ezahako lazaina? Tsy miezaka ny hampitahotra anareo aho, hampanahy anareo. Izaho—tiako ianareo ho mailo. Aoka ho vonona, miambina, isa-minitra. Ajanòny ny fahadalanareo. Ataovy fotsiny ny asa miaraka amin'Andriamanitra, satria efa tara noho izay heverinareo izao.

Ankehitriny, tsarovy, ilay Ampakarina marina!

99 Ankehitriny, misy ny ampakarina sandoka iray. Mahita an'izany isika ao amin'ny Apokalypsy 17. Hoy izy hoe, "Mpitondratena aho, ary tsy mila na inona na inona," hitanareo, mipetraka eo ambonin'io biby miloko jaky io, sy ny sisa, ilay bibidia, raha ny marina.

100 Ankehitriny, fa ilay Ampakarina marina dia vita avy amin'ny olona an'alinaliny, saingy ho ny Voafidy avy amin'ny taom-piangonana tsirairay izany. Isaky ny nivoaka ny hafatra iray, ka nino an'izany ny olona ary nanaiky an'izany tao amin'ny Hazavana rehetra izay nisy azy, tamin'izay dia voaisy tombokase izy ireo hatramin'io Andron'ny Fanavotana io.

101 Tsy mampianatra an'ilay zavatra iray ihany ve Jesosy, rehefa nilaza Izy hoe, "Ilay—ilay feo dia tonga tamin'ny—ny fiambenana fahafito"? Ilay taom-piangonana farany izany. Hitanareo? Ary nanao hoe, "Indro, tonga ny Mpampakatra; mivoaha hitsena Azy."

102 Ary tamin'izay fotoana izay dia tonga ilay virijiny natory, nikosoka ny masony, ka nanao hoe, "Ataoko fa izaho dia tokony hanana sasantsasany amin'io Solika io, ihany koa, noho izany dia tsaratsara kokoa aminareo angamba ny hanana sasantsasany."

103 Ary ilay tena Ampakarina, marina izay nitsangana teo, dia nanao hoe, "Izay ampy ho an'ny tenanay ihany no anananay. Ah-hah. Izay ampy hidiranay ihany no anananay, anay irery. Tsy afaka manome anareo na inona na inona izahay. Raha mila sasantsasany ianareo, mandehana mivavaka."

104 Ary raha mbola nandeha izy, dia tonga ny Mpampakatra, ary niditra ny Ampakarina. Ary avy eo ireo sisa nanamborana teo, ireo izay tena tsara toetra, ny fiangonana, dia tavela tany ivelany. Ary hoy Izy hoe, "Any no hisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikitroha-nify."

105 Hitanareo, ankehitriny, izany ilay Voafidy. Ary rehefa tonga ilay feo hoe, "Tonga ny Mpampakatra," tamin'izay fotoana izay ny tsirairay avy tamin'ireo izay natory nanerana an'ireo taona ireo, dia nifoha, ny tsirairay avy. Hitanareo, tsy Andriamanitra, araka ny mety heverintsika, no handeha hitady olona an'arivony vitsivitsy ho Azy an'ity taona ity ka haka azy ireo. Izany dia ilay tena Voafidy avy amin'ny taona tsirairay. Ary izany no antony tsy maintsy ijanonan'i Kristy eo amin'ilay sezam-panelanelana eto, amin'ny maha-Mpanelanelana iray, mandra-piditr'io anankiray farany amin'ilay taona farany io. Ary ireto fanambarana ireto amin'izay fotoana izay, ny amin'izay naha-izy azy, dia misokatra eo amin'ny olona, ka hitan'izy ireo izay nitranga. Hitanareo? Azonareo ve ilay izy ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Eny àry.

106 Mariho, "Ny sisa tamin'ireo maty," ireo mambram-piangonana, "dia tsy velona indray mandra-pahatapitry ny arivo taona." Ireo mambram-piangonana, ireo—ireo Kristiana, ilay

fiangonana, dia tsy velona indray raha tsy amin'ny fiafaran'ny arivo taona. Ary avy eo dia mivoaka izy ireo mba hitsangana eo anatrehan'ilay Ampakarina, marina izany, hitsangana eo anatrehan'ny Mpanjaka sy ny Mpanjakavavy. Voninahitra!

Fiangonana anankiray amin'izao andro izao no miantso ny tenany hoe, "Ny Mpanjakavavin'ny Lanitra."

107 Ny Mpanjakavavin'ny Lanitra dia ilay Ampakarina voafantin'i Kristy, ary tonga miaraka Aminy Izy. Nahita an'izany i Daniela, ka nanao hoe, "An'alinaliny sy an'alinaliny no nanompo Azy." Ankehitriny raha handinika ny Soratra ianareo eo, ao amin'ny Daniela hoe, "nipetraka ny fitsarana, ka nosokafana ireo boky." Tsarovy ankehitriny, rehefa tonga Izy, dia tonga miaraka amin'Ny Ampakariny Izy. Manompo ny vady lahiny ny vady vavy. "Ary an'alinaliny sy an'alinaliny no nanompo Azy. Nipetraka ny fitsarana, ary nosokafana ireo boky." "Ary nisy boky iray hafa nosokafana, dia ny bokin'ny Fiainana," tsy ny Ampakarina, mihitsy. Efa niakatra Izy ary niverina, ka mitsangana eo amin'ny fitsarana an'ireo taranaka izay nandà ny Hafatry ny Filazantsara ireo.

108 Tsy nilaza ve Jesosy? "Hitsangana miaraka amin'ity taranaka ity ny mpanjakavavin'ny Atsimo amin'ireo androny, ho amin'ny Fitsarana, ka hanameloka an'ity taranaka ity; satria avy any amin'ny ampahany farany indrindra an'izao tontolo izao izy, mba hihaino ny fahendren'i Solomona, fa misy lehibe noho i Solomona eto." Indro nitsangana ny—ny fitsarana, ilay mpanjakavavin'i Sheba, an'ny Atsimo, no nitsangana teo amin'ny Fitsarana, sy ny fijoroany vavolombelona manokana.

109 Tsy nisy Jiosy iray akory aza nitsangana niaraka tamin'io taranaka izay Jiosy io. Fa jamba izy ireo, ka diso Azy. Satria, niandry Azy izy ireo, nefa tonga tena tsotra Izy ka nandalo teo an-tampon'izany mihitsy izy ireo, tahaka an'izany.

110 Ary, teo, dia nanetry ny tenany io mpanjakavavy lehibe io, ka tonga sy nanaiky ny hafatra. "Ary hitsangana izy amin'ny Fitsarana," hoy Izy, "ka hanameloka an'io taranaka io."

111 Ankehitriny ianareo dia mahita an'ireo kilasy telo, foana. Ilay boky, efa voatsara ireo maty; boky iray hafa, ilay bokin'ny Fiainana, ireo izay nanana ny anarany tao amin'ny bokin'ny Fiainana.

112 Hoy izy ireo hoe, "Raha ao anatin'ny bokin'ny Fiainana ny anaranareo, dia mety tsara izany, ah?" Tsia, tompoko!

113 Jereo, nanana ny anarany tao amin'ny bokin'ny Fiainana i Jodasy Iskariota. Ankehitriny dia hilaza ve fa diso izany? Jesosy, ao amin'ny Matio 10, dia nanome azy ireo ny fahefana handroaka devoly, ary naniraka azy ireo hanasitrana ny marary, sy hanadio ny boka, ary hanangana ny maty. Dia lasa izy ireo, ary niverina, niaraka tamin'izy ireo mihitsy i Jodasy. Ary nandroaka devoly

izy ireo, sy nanao an'ireo karazana fahagagana rehetra. Dia niverina, ka nanao hoe, "Na dia ny devoly aza dia nanaiky anay."

114 Hoy Jesosy hoe, "Aza mifaly fa nanaiky anareo ny devoly, fa mifalia satria voasoratra any An-danitra ny anaranareo." Ary niaraka tamin'izy ireo i Jodasy. Fa inona no nitranga? Rehefa tonga teo amin'ilay vondrona Voafidy ilay izy, mba hiakatra any amin'ny Pentekosta sy handray marina tokoa ny Fanahy Masina, dia nampiseho ny lokony i Jodasy. Ho eo izy amin'ny Fitsarana.

115 Noho izany dia nosokafana ireo boky; ary boky iray, ny Fiainana, dia nosokafana; ary tahaka an'izany no nitsarana ny olona tsirairay. Ankehitriny, mitsangana eo miaraka amin'i Kristy ny Ampakarina, mba hitsara an'izao tontolo izao. Tsy ny . . . Paoly no nilaza hoe, "Sahy ve ianareo," miresaka amin'ny Ampakarina, "izay manana ady amin'ny hafa, ka handeha hoe eo amin'ny lalàn'ny tsi-marina. Tsy fantatrareo ve fa ny olo-masina no hitsara ny tany?" Hitanareo? Eo ianareo izao. Ireo olo-masina no hitsara ny tany ka hifehy azy. Marina izany.

116 Hoy ianareo, "Ahoana marina no vondrona kely iray tahaka an'izany?" Tsy fantatro hoe ahoana no hahavita an'izany. Saingy Izy no nilaza fa ho vita izany, noho izany dia milamina hatreo izany, araka ny fantatro.

117 Jereo ankehitriny. Mariho ankehitriny. "Ny sisa amin'ireo maty," ireo mambram-piangonana, ireo mambram-piangonana maty, "dia tsy velona indray alohan'ny arivo taona." Ary avy eo ao amin'ny arivo taona, dia nangonina izy ireo; tonga ny fitsanganana iray hafa, dia ny fitsanganana faharoa, ary nangonina izy ireo. Ary Kristy sy ilay Fiangonana, ny Ampakarina, fa tsy ny fiangonana; ny Ampakarina, Kristy sy ny Mpanjakavavy, fa tsy ny fiangonana. Fiang- . . . Kristy sy ny Ampakarina no nitsangana teo.

118 Ary voasaraka izy ireo, tahaka ny ondry amin'ny osy. Marina izany. Eo no tonga ireo mambram-piangonana. Ary raha nandre ny Fahamarinana izy ireo nefa nandà ny Fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia inona no ho lazaina rehefa mivelatra manerana an'ilay lambabe ilay zavatra goavana, rehefa ho eo mihitsy aza ireo fisainanareo manokana, izay eritreretinareo mikasika an'Izany? Ahoana no handosiranareo an'izany, nefa eo amin'ilay lambaben'ny lanitra mihitsy izany, sy ilay televiziona lehibe an'Andriamanitra any. Izany dia ireo fisainanareo manokana mikomy. Hiteny manohitra anareo indray ireo fisainanareo manokana amin'io ora io.

119 Noho izany raha miteny zavatra anankiray ianareo, ka mieritreritra iray hafa, dia tsaratsara kokoa aminareo ny manajanona an'izany. Afantohy amin'Andriamanitra ny fisainanareo. Hazòny hadio izy ireo, ka mijanòna tsara eo miaraka amin'izany, ary mitenena hatrany an'ilay zavatra iray

ihany. Hitanareo? Aza manao hoe, "Eny, hilaza aho fa hino an'Izany aho, saingy ho jereko izany." Minoa an'Izany! Amena.

120 Mariho, ireo tandindona ireo, ny antony mahafaty azy ireo, mandeha mitety an'ilay fanadiovan'ny fizahan-toetran'ny Fahoriambe izy ireo satria tsy eo ambanin'ny Rà tokoa izy ireo. Mihambo izy ireo fa ao, nefa tsy ao izy ireo. Ahoana no ahafahan'izy ireo handalo amin'ny fizahan-toetra, mba hanadio azy ireo, nefa misy ny (fanalana tasy) Ràn'i Jesosy Kristy izay manaisotra ny soritry ny fahotana rehetra sy ny karazany hiala aminareo? "Fa efa maty ianareo, ka ny fiainanareo dia miafina ao Aminy, amin'ny alàlan'Andriamanitra, sy voaisin'ny Fanahy Masina tombokase ao anatiny ao." Ho an'ny inona no hitsarana anareo? Aiza no hahazoanareo ny fanadiovana anareo? Inona no ilainareo mba hampadio, nefa ianareo ao amin'i Kristy tanteraka tokoa, dia tsy manam-pahotana? Ahoana . . . Ho an'ny inona ilay fitsarana? Fa ilay andiany matory izany, izay tsy hain'ireo olona ireo havahana.

121 Ankehitriny, tsy vitan'izy ireo nandritry ny taona maro izany, hitanareo, fa izao no oran'ny fanambarana, hitanareo, hitanareo, voambara amin'ny fihavian'ny Ampakarina mihitsy; amin'ilay famahana farany, no tonga ireo zavatra farany. Tonga eo amin'ny fiafarana iray izany, ry sakaiza, mino aho. Rahoviana? Tsy fantatro. Izaho—tsy afaka miteny aminareo aho. Fa ny zavatra rehetra . . . Te-hiaina aho izao hariva izao toy ny hoe raha izao hariva izao izany, dia ho vonona aho. Hitanareo? Mety ho tonga izao hariva izao Izy, kanefa, mety tsy ho tonga alohan'ny roapolo taona Izy. Tsy fantatro hoe rahoviana Izy no ho tonga. Fa na oviana na oviana izany, . . . Ary mety ho tapitra ny aiko, izao hariva izao; ary, amin'izay fotoana izay, na inona na inona nataoko teto, dia mifarana izany amin'io ora io. Izaho—tsy maintsy hihaona Aminy aho amin'ny fitsarana, arak'izay nialako teto. "Any amin'izay itongilanan'ny hazo, dia tahaka an'izany no ianjerany."

122 Tsarovy, rehefa nandeha hividy Solika izy ireo, izy ireo . . . "Oh," hoy ianareo, "andraso iray minitra ankehitriny, Rahalahy Branham. Tsy fantatro ny mikasika an'izany." Rehefa nandeha hividy Solika izy ireo, rehefa niverina izy ireo, dia efa lasa ny Ampakarina ary nikatona ny varavarana. Ary nandondòna izy ireo, ka nanao hoe, "Avelao izahay hiditra! Avelao izahay hiditra!" [Mandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Fa tany ivelany tao amin'ny aizina ivelany izy ireo.

123 Ankehitriny, raha mila tandindona iray an'izany ianareo, dia jereo ankehitriny. "Tamin'ny andron'i Noa," hoy Jesosy, nitodika tamin'izany. Ankehitriny, tamin'ny andron'i Noa, dia niditra tao amin'ny sambofiara izy ireo. Fa izy ireo dia nentina teo ambonin'ny . . . nandritry ny fotoan'ny fitsarana, saingy io—io dia tsy tandindon'ny Ampakarin'i Kristy.

124 Enoka no tandindon'ny Ampakarina. Enoka! Nandeha i Noa, nitety ny Ampakarina . . . nandeha teo, nitety ny vanim-potoan'ny fahoriambe, ary nijaly, ka lasa mamolava iray, ary maty. Fa Enoka dia nandeha teo anatrehan'Andriamanitra, nandritry ny dimanjato taona, ary nanana filazana iray hoe, "nahafaly an'Andriamanitra izy," niaraka tamin'ny finoan'ny fampakarana; ary nanomboka nandeha fotsiny, dia niakatra nitety ny lanitra, ary lasa nody any an-Trano tsy nanandrana fahafatesana akory aza; tsy maty intsony, mihitsy.

125 Izany no tandindona iray an'ny, "Isika izay velona ka mitoetra, dia tsy hialoha, na hisakana, an'ireo karazan'olona iray ihany izay matory," izay natory nohon'ny taonan'olombelona, ao amin'ny—ao amin'ny toetry ny taonan'olombelona. Maty izy ireo teo, saingy tsy maty izy ireo. Matory izy ireo. Amena. Matory izy ireo, fa tsy maty. Ary ny zavatra tokana ilain'izany dia ny Mpampakatra hamoha azy ireo. Eny. "Ary isika izay velona ka mitoetra, dia tsy hisakana an'ireo izay efa natory. Fa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, ka ireo maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha; avy eo isika izay velona ka mitoetra no hakarina miaraka amin'izy ireo, ka hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka."

126 "Ary ny sisa tamin'ny maty dia tsy velona nandritry ny arivo taona." Eo ianareo izao, nandeha nitety ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izy ireo.

127 Inona izany? Tahaka an'i Enoka. Fantatrareo, nandinika an'i Enoka i Noa. Satria, rehefa nakarina tsy hita i Enoka, dia fantany fa antomotra ny fitsarana. Tsy maintsy nijanona teo amin'ny manodidina an'ilay sambofiara izy.

128 Fa tsy niakatra i Noa. Nakarina teo amin'ny ampahany kely fotsiny izy, ary nandeha teo ambonin'ireo fahoriambe. Nentina nanerana an'ilay vanim-potoan'ny fahoriambe izy, mba ho faty amin'ny fahafatesana. Hitanareo? Fa nentina nanerana i Noa.

129 Fa i Enoka no nakarina, tsy nisy fahafatesana, tandindona iray an'ilay Fiangonana izay nakarina niaraka tamin'ireo izay matory, mba hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka, fa ny sisa tamin'ny fiangonana dia nentina teo ambonin'ilay vanim-potoan'ny Fahoriambe. Tsy afaka mahazo na inona na inona ankoatr'izany aho, ny tenako. Enoka, nakarina, tsy nisy fahafatesana.

130 Ankehitriny dia ndao isika hanomboka hianatra kely ankehitriny, hiditra ao amin'ny lesontsika. Raha manohy eo amin'izany fotsiny aho, dia tsy ho tafiditra ao amin'ireto mihitsy isika, ity Tombokase ity. Mariho ankehitriny. Ndao alaintsika ankehitriny, satria isika dia hanana, hatrany, angamba rahampitso hariva na ny hariva manaraka, hikasika Trompetra iray, matetitetika, satria ny Trompetra dia mitsoka amin'ny fotoana iray ihany miaraka amin'ireo Tombokase. Zavatra iray

ihany fotsiny izany. Misokatra ny taom-piangonana, ny. . . ilay zavatra iray ihany fotsiny. Hitanareo?

131 Ankehitriny, ny trompetra iray dia milaza ady foana na, amin'ny teny hafa, fikorontanana ara-politika, ny trompetra dia milaza, fikorontanana ara-politika iray, ary miteraka ady izany. Rehefa mandeha hifangaro ao anatin'ny politika ianareo, ka lasa mikorontana tanteraka izy ireo, tahaka ny ananantsika azy ankehitriny, dia mitandrema, antomotra ny ady. Fa, hitanareo, mbola an'i Satana foana ny fanjakana. Mbola izy foana no manana an'io ampahany io eo an-tànany.

132 Satria nahoana? Navotan'i Kristy izy, saingy eo ampanaovana an'ilay anjaran'ny Havana Mahavotra Izy, maka an'ireo Olony, mandra-pametraka an'ilay anankiray farany (anarana) eo amin'io Boky io, efa nandray an'Izany ary voaisy tombokase natokana. Azonareo ve izany ankehitriny? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

133 Noho izany dia tonga Izy avy eo amin'Ny Seza fiandrianany, Ny Seza fiandrianan'ny Rainy, mandroso, maka an'ilay Boky avy eo an-tànan'Andriamanitra, avy eo amin'ny Seza fiandrianana, ary mitaky ny Zòny. Ny zavatra voalohany Ataony dia miantso Ny Ampakariny. Amena! Avy eo dia inona no Alainy? Maka ny Fahavalony Izy, Satana, ary mamatotra azy, ka manipy azy ao anatin'ny afo any, miaraka amin'ny rehetra izay nanaraka azy.

134 Ankehitriny, tsarovy, tsy Rosia izany. Tsia. Ilay antikristy dia olona bonaika iray. Diniho fotsiny hoe bonaika toy ny ahoana izy. Manan-tsaina izy, ankehitriny. Eny, tompoko. Mila ny Fanahy Masina fotsiny izany; ilay zavatra tokana izay afaka mandavo azy.

135 Mariho, ireo Trompetra dia midika fikorontanana ara-politika, ady. Matio 24, niresaka ny amin'izany Jesosy. Hoy Izy hoe, "Handre ady sy filazana ady ianareo, hitanareo, hatrany amin'ny farany." Tsaroanareo ny. . . Miresaka an'izany Jesosy hoe, "Ady, filazana sy ady, ary filazana sy ady, ary hatrany amin'ny farany mihitsy." Ankehitriny, izany no Trompetra mitsoka.

136 Ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ireo Trompetra isika, dia hiverina any aoriana ka haka ny tsirairay avy amin'ireo ady ireo, ary haneho aminareo fa nanaraka an'ireo fiangonana ireo izy ireo, haneho aminareo fa manaraka an'ireto Tombokase ireto izy ireo. "Ady sy filazana ady." Fa, ny Trompetra, dia milaza fikorontanana ara-politika.

137 Kanefa kosa, ireo Tombokase dia mifandray amin'ny fikorontanana ara-pivavahana. Hitanareo? Misokatra ny Tombokase iray, milatsaka ny Hafatra iray. Ary noho izany ny fiangonana dia tena mipetraka ao anatin'ireo fombany ara-politika manokana, ary inona koa, sy ireo fahambonian-toetrany rehetra. Ka rehefa milatsaka io tena Hafatra io, dia mandroso

io iraka io ka manozongozona azy ireo ho potipotika. Marina izany. Fikorontanana ara-pivavahana ilay izy rehefa misokatra ny Tombokase iray. Izany no nitranga. Hia. Eny.

138 Miadana tanteraka izy ireo ao Ziona. Milamina tanteraka ny fiangonana, ary, “Vitanay tanteraka ilay izy.” Tahaka an’ilay fiangonan’i Angletera mihitsy, nilamina tanteraka izy ireo. Ilay fiangonana Katolika, nilamina tanteraka, ary tonga i Luther. Nisy fikorontanana ara-pivavahana iray teo. Eny, tompoko! Azo antoka fa nisy! Eny, nanohy nandeha ilay fiangonana, niaraka tamin’i Zwingli. Ary avy tamin’i Zwingli, nitohy tamin’ireo samihafa, ary hatreo amin’i Calvin. Ary afaka kelikely, dia tafapetraka ny fiangonana Anglikana, ary tena niadana izany, ka indro tonga i Wesley. Nisy fikorontanana ara-pivavahana iray teo. Marina izany. Hitanareo, milaza fikorontanana ara-pivavahana iray foana izany.

139 Ankehitriny, ilay Tombokase. Ndao isika hamaky kely fotsiny an’Izany ankehitriny. Tiako ny—ny handray an’ity, hamaky an’Izany fotsiny isika. Manomboka miresaka aho. Izaho . . .

> *Ary nahita aho rehefa novahan’ny Zanak’ondry ny anankiray tamin’ireo tombokase,* (inona no nitranga?) *ary reko, fa izany* dia *tahaka ny feon’*ny *kotrokorana, . . .*

140 Oh, toy ny ahoana no hitiavako hipetraka eo amin’izany minitra vitsy fotsiny! Ary manantena aho fa ny olona rehetra izay mahafantatra an’ireo zavatra ireo ka miandry ny fampiononan’ny Tompo, dia hianatra tsara mihitsy ankehitriny; ary eo amin’ireo horonam-peo, ihany koa, hoe hieritreritra an’izany ianareo.

141 Ny zavatra voalohany nitranga, rehefa namaha an’io Tombokase Voalohany io ity Zanak’ondry ity, dia nierona ny Kotrokorana iray. Ankehitriny, misy dikany iray izany. Izany dia . . . Misy dikany izany. Manana dikany iray izany. Dikany iray izany. Tsy misy na inona na inona mitranga nefa tsy misy dikany iray. Eny àry, Kotrokorana iray, nierona ny Kotrokorana iray. Manontany aho hoe inona io Kotrokorana io?

142 Ankehitriny ndao isika hamaky kely. Ndao isika hamadika ao amin’ny Matio . . . Tsia, ndao alaintsika ny Masindahy Jaona, aloha. Masindahy Jaona, ny toko faha-12, ary hazòny iray minitra fotsiny izany. Masindahy Jaona, ny toko faha-12. Ary ndao isika ankehitriny hanomboka amin’ny andininy faha-23-n’ny Masindahy Jaona 12. Ankehitriny henoy eto, ankehitriny, tsara mihitsy, tsy hila hanontany intsony ianareo hoe inona izany.

> *Ary Jesosy* namaly *azy ireo, nanao hoe, Tonga ny ora, izay hankalazana ny Zanak’olona.*

143 Hitanareo, eo amin'ny fiafaran'ny taona iray ianareo, eo. Eo am-pifaranana ny Asam-panompoany. Hitanareo? "Tonga ny ora, izay hankalazana ny Zanak'olona."

144 Inona ny mikasika ny hoe, "Tonga ny ora izay tsy maintsy hanesorana Ny Ampakariny"? Inona? Tonga ny ora, izay, "Tsy hisy andro intsony." Vonona ny hametraka tongotra iray eo amin'ny tany ilay Anjely, ary ny iray hafa eo amin'ny ranomasina, miaraka amin'ny avana iray eo Amboniny, miaraka amin'ireo tongotra, ka manao hoe, "Tapitra ny fotoana." Ary ankoatr'izany, dia nanangana ny Tànany Izy ka nianiana fa "tsy hisy andro intsony," rehefa nitranga io. Ahoana—tanteraka toy ny ahoana ilay izy, filazana iray nianianana tamin'ilay Fiangonana!

> . . .*Ny ora* dia *tonga, izay hankalazana ny Zanak'olona.*
>
> *Marina tokoa, marina tokoa, lazaiko aminareo, Raha tsy* milatsaka *amin'ny tany ny voam-bary ka* maty, *dia* mitoetra *irery izy: fa raha maty izy, dia hitondra voa betsaka.*
>
> *Izay tia ny ainy no hahavery azy;. . .izay mankahala ny ainy amin'izao fiainana izao no hiaro azy ho amin'ny fiainana mandrakizay.*
>
> *Raha misy olona manompo ahy, dia aoka izy hanaraka ahy; ary izay misy ahy, dia any. . .ihany koa no hisy ny mpanompoko: raha misy olona manompo ahy, dia hankalaza ny Raiko izy.*
>
> *Ankehitriny dia mangorohoro ny fanahiko;. . .*

145 Hoy ianareo hoe, "Eny, Izy, tonga eo amin'ny faran'ilay làlana, nefa tratry ny olana ve ianareo?" Manao anareo hieritreritra inona izany rehefa mitranga ny zavatra ara-panahy lehibe iray, izay mampangorohoro anareo? Oh, oadray! Ah-hah!

> *Ankehitriny* ao *amin'ny fanahiko dia mangorohoro; ary inona no holazaiko? Ray, vonjeo aho ho afaka amin'ity ora ity: nefa izao no nihaviako eto amin'ity* tany *ity, ho amin'ity ora ity.*
>
> *Ray, mankalazà ny anaranao. Dia nisy feo iray avy tany an-danitra, nanao hoe, Izaho efa nankalaza azy, ary hankalaza azy indray.*
>
> *Ny olona* nilaza, *izay nitsangana teo,* izay *nandre an'izany,* nilaza izy ireo. . .*nikotroka izany:. . .*

146 Noho izany, rehefa nandray ny Boky ny Zanak'ondry ka namaha an'io Tombokase Voalohany io, dia niteny avy teo amin'Ny Seza fiandrianany Mandrakizay Andriamanitra, mba hilaza hoe inona io Tombokase io, mba ho voambara. Fa rehefa napetraka teo anatrehan'i Jaona Izany, dia mari-pamantarana iray Izany. Rehefa nahita an'Izany i Jaona, dia mbola zava-

miafina iray foana Izany. Nahoana? Tsy voambara mihitsy akory aza Izany tamin'io fotoana io. Tsy mety ho voambara Izany raha tsy araka ny Nolazainy eto hoe, "amin'ny andro farany." Saingy tonga tamin'ny mari-pamantarana iray izany.

147 Rehefa, ilay "nikotroka." Tsarovy, ny feo mavesatra mitefoka iray an'ny Kotrokorana dia Feon'Andriamanitra iray. Izany no lazain'ny Baiboly, hitanareo, "fitefoky ny Kotrokorana." Nihevitra izy ireo fa kotrokorana iray ilay izy, saingy Andriamanitra Izany. Azony Izany, satria voambara Taminy Izany. Hitanareo? Kotrokorana iray Izany.

148 Ary, mariho, nisokatra ny Tombokase Voalohany. Ny Tombokase Voalohany, rehefa nisokatra tao amin'ny endrika mari-pamantarana iray Izany, dia nikotroka ilay izy. Ankehitriny ahoana rehefa misokatra amin'ny Endriny tena izy Izany? Ny. . . Nikotroka Izany vantany vao nanongotra an'ilay Tombokase ny Zanak'ondry. Ary inona no nambaran'Izany? Tsy ny amin'ny Tenany manontolo. Voalohany, tao amin'Andriamanitra Izany; manaraka, tao amin'ny mari-pamantarana iray Izany; avy eo, dia voambara Izany. Zavatra telo. Hitanareo? Tonga avy teo amin'ny Seza fiandrianana Izany.

149 Voalohany, tsy mety hita Izany, renesina, na inona na inona. Voaisy tombokase Izany. Ny Ràn'ny Zanak'ondry no nandoa ny vidiny.

150 Nikotroka Izany rehefa Noteneniny Izany. Ary rehefa niteny Izy, dia nanomboka nivoaka ny mpitaingina soavaly fotsy iray, ary mbola mari-pamantarana iray foana Izany. Diniho ankehitriny, Izy no nilaza fa ho fantatra Izany amin'ny andro farany. Fa nivoaka tao amin'ny mari-pamantaran'ny fiangonana iray Izany. Azonareo ve izany, ry fiangonana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izany dia nivoaka tao amin'ny—ny mari-pamantarana an'ny fiangonana iray, ka fantatr'izy ireo fa misy Tombokase iray eo. Fa ny maha-izy Azy marina, anefa, dia tsy fantatr'izy ireo, satria mpitaingina soavaly fotsy iray Izany.

151 Ary amin'ny andro farany ihany no tokony ho voambara, rehefa vahana ity Tombokase ankehitriny ity. Vahana ho an'iza? Tsy ho an'i Kristy, fa ho an'ilay Fiangonana. Mariho, ankehitriny. Oh, oadray, manao ahy hangovitra fotsiny izany! Izaho—izaho—manantena aho fa mahazo an'Izany marina tokoa ilay Fiangonana, izay tiako lazaina, ianareo olona. Hiantso anareo hoe Ampakarina aho, hitanareo, mba Hahazoanareo an'Izany.

152 Ilay Feo dia Kotrokorana iray. Ilay Feo dia avy taiza? Avy teo amin'ny Seza fiandrianana izay nialan'ny Zanak'ondry mihitsy, amin'ny maha-Mpanelanelana. Ankehitriny dia mitsangana eto Izy mba haka ny Toerany sy ireo Zòny. Fa ilay Kotrokorana dia avy tao anatin'ny Seza fiandrianana, no nikotroka. Ary

nitsangana teto ilay Zanak'ondry. Ilay Kotrokorana, dia teo amin'izay nialan'ilay Zanak'ondry. Niala teo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray, mba handeha handray Ny Seza fiandrianany Manokana. Voninahitra! Ankehitriny, ankehitriny aza diso an'izany, ry sakaiza.

153 Isika rehetra dia mahafantatra, amin'ny maha-Kristiana, fa Andriamanitra dia nianiana tamin'i Davida fa hanangana an'i Kristy Izy mba hipetraka eo amin'ny Seza fiandrianany, ary hanome Azy fanjakana mandrakizay iray eto an-tany. Nataony izany.

154 Ary hoy Jesosy hoe, "Izay mandresy an'ilay antikristy sy ireo zavatr'izao tontolo izao rehetra, dia hipetraka hiaraka Amiko eo amin'Ny Seza fiandrianako, tahaka ny Nandreseko sy nipetrahako teo amin'Ny Seza fiandrianan'ny Raiko." Hitanareo?

155 Ankehitriny, indray andro any dia hitsangana avy eo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray Izy, ary handeha haka Ny Seza fiandrianany Manokana.

156 Ankehitriny dia mandroso Izy mba hiantso ny Olony. Ahoana no Hitakiany azy ireo? Efa manana an'ilay Bokin'ny Fanavotana eny an-Tànany Izy. Voninahitra! Oh, mahatsapa te-hihira hira fiderana iray aho.

> Tsy ho ela dia haka Ny Ampakariny ho eo Anilany mandrakariva ny Zanak'ondry,
> Mivory ireo miaramilan'ny Lanitra rehetra, (mba handinika an'izany);
> Oh, ho fahitana iray be voninahitra izany, ireo olo-masina rehetra fotsy tsy misy pentina;
> Ary hisakafo miaraka amin'i Jesosy Mandrakizay isika.

157 Oh, oadray! Miresaka ny amin'ny "mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ankehitriny" ve? Ho inona izany! Raha afaka mahatsapa tahaka an'izany isika, mipetraka eto an-tany eto, alohan'ny ihavian'ny Fampakarana, ao amin'izao toerana izay misy antsika ankehitriny izao; ary afaka mifaly isika, sy mitsangana manodidina an'ireo rindrina, ary mitsangana ao anatin'ny orana, mba handre an'Ity fotsiny; dia ho inona izany rehefa mahita Azy mipetraka eo isika! Oh, oadray! Oh, ho fotoana iray be voninahitra izany.

158 Niala teo amin'ny Seza fiandrianan'ny Ray, mandroso mba . . . Ny Zanany, mba ho ny . . . Izy no Zanak'i Davida. Izany no noeritreretin'ny Isiraely fa Hataony tamin'izany. Tsarovy ilay vehivavy Syrofoinisiana, nanao hoe, "Ianao ry Zanak'i Davida!" Tsarovy i Bartimeo jamba, "Ianao ry Zanak'i Davida!" Ah-hah! Ary Jesosy, dia nahafantatra an'ilay drafitra, kanefa izy ireo tsy nahafantatra an'izany. Niezaka izy ireo ny hanery Azy sy hanao

Azy handray ny seza fiandrianana. Ary na dia i Pilato aza dia nanontany Azy.

159 Fa hoy Izy hoe, “Raha avy amin’ity izao tontolo izao ity ny Fanjakako, amin’izay fotoana izay dia hiady ireo Oloko. Ny Fanjakako dia any Ambony.” Fa hoy Izy hoe, “Rehefa mivavaka ianareo, dia mivavaha hoe, ‘Ho tonga anie Ny Fanjakanao. Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany, tahaka ny any An-danitra.’” Amena. Ah-hah! Be voninahitra toy ny ahoana ity zavatra lehibe ity!

160 Niala tamin’ny Seza fiandrianan’ny Ray, mba handray Ny Seza fiandrianany Manokana. Mandroso Izy ankehitriny avy teo amin’ny asan’ny Fanelanelanany, mba hitaky Ny Seza fiandrianany Manokana, ireo Olony navotana. Izany no Nandrosoany avy teo amin’ny Seza fiandrianana mba hatao. Tamin’izany no nilazan’ilay Zava-manan’aina tahaka ny liona tamin’i Jaona hoe, “Avia, jereo.” Diniho. Mamaky an’izany ve ianareo?

> *. . .anankiray tamin’ireo tombokase, ary* izany*. . . tahaka* ny hoe *izany* dia *ny feon’ny kotrokorana iray,* ary *ny anankiray tamin’ireo zava-manan’aina efatra . . .*

161 Fantatrareo hoe inona ireo Zava-manan’aina. Efa naka azy ireo isika. “Ny anankiray tahaka ny liona; ny anankiray tahaka ny zanak’omby; ary ny anankiray tahaka ny olona; ary ny anankiray tahaka ny voromahery.” Ankehitriny, ity Zava-manan’aina voalohany ity dia nilaza. . .Diniho, misy Zava-manan’aina hafa iray foana, mandra-pandalon’ireo mpitaingina soavaly efatra ireo. Misy ny Zava-manan’aina efatra, ary misy mpitaingina soavaly efatra.

162 Mariho, ny tsirairay avy amin’ireo Zava-manan’aina ireo dia milaza. Matio, Marka—Marka, Lioka, ary Jaona. Hiverina isika ka hanaporofo hoe iza no, Matio, Marka, iza no Marka—Marka, iza no Jaona, ny tsirairay avy araka ny andehanan’izy ireo! . . .?. . .

> *. . .ny anankiray tamin’ireo . . .zava-manan’aina nanao hoe, Avia . . .jereo.*

163 Nandre an’ilay feon’ny kotrokorana izy. Ka ny anankiray tamin’ireo Zava-manan’aina nanao hoe, “Avia ankehitriny, jereo.”

164 Amin’ny teny hafa, ankehitriny, *eto* no mitsangana ilay Zanak’ondry, ary etsy no mitsangana i Jaona mandinika an’izany mitranga. Tonga avy teo amin’ny Seza fiandrianana ny Zanak’ondry, toy ny efa voavono Izy, Rà no nanerana Azy. Izy no Anankiray izay hita mendrika. Ary rehefa nanatsotra tànana Izy ka nandray ny Boky, tamin’izay fotoana izay dia nanomboka nihiakiaka ny zavatra rehetra, ary niantsoantso, sy nanohy, hitanareo, satria fantatr’izy ireo fa voaloa ny fanavotana.

165 Ankehitriny dia tonga Izy mba hitaky ny Azy Manokana. Noho izany, dia mandray ny Boky Izy, mitsangana eo anoloan'i Jaona, ary misintona an'Izany Izy ka mamaha an'ilay Tombokase. Manongotra an'ilay Tombokase! Ary rehefa manongotra an'ilay Tombokase Izy, dia nitefoka nanerana an'ilay toerana ny Kotrokorana iray. Ary rehefa nitefoka ny Kotrokorana iray, tsy isalasalana fa tsy maintsy ho nitsambikina teny amin'ny rivotra i Jaona, rehefa nierona ny Kotrokorana iray.

166 Ary tamin'izay fotoana izay dia hoy ny anankiray tamin'ireo Zava-manan'aina efatra hoe, "Avia ankehitriny, jereo hoe inona Izany, izay voambara eto ambany eto." Oh, oadray! "Jaona, soraty izay hitanao." Noho izany dia mandeha i Jaona mba hijery, hahita hoe inona Izany. Mandeha i Jaona mba hijery an'izay nolazain'ilay Kotrokorana. Tamin'izany no nitenenan'ity Zava-manan'aina ity tamin'i Jaona hoe, "Avia, jereo hoe inona ilay zava-miafina eo ambanin'ilay Tombokase Voalohany." [Mandondòna in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ilay Kotrokorana, ilay Feon'ny Mpamorona no nanonona an'Izany. Ankehitriny, tokony ho Fantany hoe inona no Ao. Hitanareo? Oh, oadray! Fa, eritrereto ankehitriny, nosoratany Ity.

167 Fa rehefa nanomboka nanoratra an'ireo hafa izy, ireo Kotrokorana Fito, dia hoy Izy hoe, "Aza soratana Izany." Nirahina hanoratra ny zavatra rehetra izay hitany izy. Saingy rehefa ireto Kotrokorana Fito ireto, ao amin'ny Apokalypsy 10, nanonona, dia hoy Izy hoe, "Aza soratana Ireo, mihitsy." Izy ireo dia zava-miafina. Tsy mbola fantatsika hoe inona izy ireo. Fa, araka ny hevitro, dia ho voambara avy hatrany izy ireo. Ary rehefa voambara izany, dia izany no hanome finoana ho an'io fahasoavan'ny fampakarana io, mba hialan'io Fiangonana io. Hitanareo?

168 Vao avy nandalovantsika ny zavatra rehetra araky ny fantatsika, nanerana an'ireo fizaram-potoana. Nandinika ny zavatra rehetra isika. Nahita an'ireo zava-miafin'Andriamanitra isika. Hitantsika ny fisehoan'ilay—an'ilay fiaraha-miangona lehibe an'ny Ampakarina amin'ny andro farany. Fa, kanefa, misy zavatra Ao izay tsy haintsika azavaina amin'ny tenantsika. Misy zavatra hafa ao.

169 Saingy heveriko, fa rehefa manomboka mivoaka ireo zava-miafina ireo, dia hoy Andriamanitra hoe, "Hazòny Izany ankehitriny. Andraso iray minitra. Izaho no hanambara Azy amin'izany andro izany. Aza soratana Izany, mihitsy, ry Jaona, satria hivembena eo amin'Izany izy ireo. Izao fotsiny—avelao handeha fotsiny izany, hitanao. Fa Izaho no hanambara Azy amin'izany andro izany rehefa ilaina ho vita izany."

170 Tsy nanononona na inona na inona mihitsy izy ireo. Tsarovy, tahaka an'ilay teten-dranomainty kely, ny zavatra rehetra dia ho an'ny tanjona iray. Ny zavatra rehetra dia ho an'ny antony iray. Fa, mariho, ilay Mpamorona no nanononona. Ary izy—nandre an'io Feo io izy, ary nandeha mba hijery.

171 Fa ny Zanak'ondry ankehitriny no maneho amin'i Jaona, ao amin'ny mari-pamantaran'ny . . . an'ny—an'ny sora-piangonana iray, toy ny hoe, mba hahafantaran'ilay fiangonana. Inona no soratana, maneho aminy fotsiny Izy. Nanao hoe, "Ankehitriny, aza—aza miteny an'io, an'izay maha-izy azy mihitsy. Aza mandeha any, ry Jaona, ka manao hoe, 'Ankehitriny, izao marina ny amin'io, izay eo ambanin'io Tombokase Fahafito io.' Aza, aza mandeha any ka miteny an'izany. Satria, raha miteny an'izany amin'i Jaona Aho, amin'izay fotoana izay manerana an'ilay taona rehetra, dia ho simba ilay drafitra manontolo. Tsiambaratelo iray izany." Hitanareo? Izy fotsiny dia mila . . . Ny Fihaviany! Hoy Izy, ankehitriny hoe, "Ary tsy hisy olona hahafantatra hoe rahoviana Aho no ho avy. Ho avy fotsiny Aho." Hitanareo? Hitanareo? Izay ihany. Tsy asako ny mahafantatra hoe rahoviana. Ho vonona fotsiny aho, hitanareo. Noho izany izy dia nilaza . . .

Ankehitriny dia nandroso i Jaona, nieritreritra izy hoe, "Ho hitako Izany ankehitriny."

172 Ary inona no nataony, rehefa nandroso i Jaona? Izy, ankehitriny, inona no tsy maintsy ataony? Ankehitriny dia tsy maintsy hanoratra an'ity ho an'ilay taom-piangonana izy. Izany no nasaina nataony, manoratra an'izany ho an'ireo taom-piangonana. "Soraty izay hitanao mikasika an'ireo Fanaovan-jiro Volamena Fito ireo, tany amin'ny voalohany. Soraty ho an'ity fiangonana ity ka teneno izy ireo." Eny àry.

173 Dia nivoaka ny Kotrokorana iray. Fantatr'i Jaona fa ny Feon'Andriamanitra izany. Ary tamin'izany fotoana izany ny—ny Zava-manan'aina tahaka ny liona dia nanao hoe, "Avia, jereo hoe inona izany." Dia nandroso i Jaona ankehitriny, niaraka tamin'ny peniny, mba hanoratra an'izay ho hitany.

174 Ankehitriny, tsy hitany marina tokoa hoe inona izany. Tsy azony mihitsy izany. Fa ny hitany dia izay nalefan'Andriamanitra ho an'ilay fiangonana ho an'ny "fotoana iray." Ankehitriny Izy dia . . . Hanao Izy; manao foana Izy; manao an'izany mazava Izy rehefa tonga ny fotoana hanaovana azy mazava. Saingy tsy nanao azy mazava Izy tamin'io fotoana io. Nahoana? Satria, hihazona azy ho tsiambaratelo iray Izy hatramin'ilay taona farany. Ary ny fitsofan'ny Hafatr'ilay anjely farany dia ny hanangona an'ireo zava-miafina ireo. Hitanareo?

175 Tsy nanao azy mazava. Fa ny hitan'i Jaona, dia nahita fotsiny izy, "Soavaly fotsy iray nivoaka, niaraka tamin'ny mpitaingina

iray teo amboniny," noho izany dia izay no nosoratany, hitanareo, rehefa nanoratra izy.

Izany ilay nolazainy hoe, "Avia, jereo."

176 Noho izany dia nandeha i Jaona mba hijery an'izay azony nojerena, mba hosoratana ho an'ilay fiangonana. Ary rehefa nandeha izy, dia nahita, "Soavaly fotsy iray, ary izay nipetraka teo amboniny dia nanana tsipìka iray; ary nandroso izy nandresy, ary mba handresy; ary nomena satroboninahitra iray izy." Ary, ankehitriny, izay ihany no hitan'i Jaona, noho izany dia nanoratra fotsiny izy, nanoratra an'io rehetra io. Ankehitriny, hitanareo, tao amin'ny mari-pamantarana izany. Tahaka an'izany no nandraisan'ny fiangonana Azy.

177 Fa, miaraka amin'ny teny fikasana, ary amin'ny andro farany dia Izy no hanambara an'Izany, haneho hoe inona Izany. Andriamanitra, ampio izahay mba hahazo. Ireo taom-piangonana, saingy tsy nampahafantarina manontolo alohan'ilay Hafatra fahafito, an'io taom-piangonana farany io. Mariho, manomboka izy . . .

178 Ity iraky ny taom-piangonana fahafito ity, raha hanamarika azy ianareo, tsy manomboka anaram-piangonana iray izy, tahaka ny nataon'ny sisa rehetra tamin'izy ireo. Tsarovy, raha tsy manomboka izy . . . Tsia. Raha hahita ianareo, dia manohitra an'izany izy. Elia ve, nanohitra an'izany ve i Elia? Azo antoka, nanohitra izy. Nanohitra an'izany ve i Jaona, niaraka tamin'ny Fanahin'i Elia?

179 Karazana Fanahy inona no nananan'i Elia teo aminy? Izy dia . . . Tsy misy olona mahafantatra betsaka ny aminy. Lehilahy iray fotsiny izy, saingy mpaminany iray izy. Nankahalaina izy. Oadray! Ary fotoana inona no nisehoany? Tamin'ny fotoan'ny lazan'ny Isiraely mihitsy, rehefa nandeha araka an'izao tontolo izao izy rehetra. Fa nivoaka teo izy, ary izy dia "mpankahala vehivavy." Ah-hah. Eny, tompoko. Azo antoka fa izany izy. Ary tia ny an-efitra izy. Izany no natiorany.

180 Noho izany, tokony ho nahafantatra ireo olona ireo rehefa tonga teo ity lehilahy ity niaraka tamin'ilay Fanahy iray ihany teo aminy, tonga teo, ity Jaona ity. Tsy nitafy tsara tahaka an'ilay manan-daza, araka ny nolazaiko omaly hariva; manoroka an'ireo zazakely izy ireo, ary mampanambady, sy mandevina, sy ny sisa. Fa ity lehilahy ity dia tonga amin'ny mahalehilahin'ny an-efitra. Inona izy? Tia ny an-efitra izy. Zavatra iray hafa izay nataony, nankahala anaram-piangonana izy. Hoy izy hoe, "Ankehitriny, aza manomboka milaza hoe, 'Izahay dia mikambana amin'*ity* na *itsy,*' fa hoteneniko aminareo, Andriamanitra dia mahay avy amin'ireto vato ireto, manangana zanaka ho an'i Abrahama."

181 Tsy mpanao marimaritra iraisana izy. Izy ireo tsy afaka . . . Nanao hoe, "Nandeha hijery zozoro ahozongozon'ny rivotra ve ianareo? Tsy i Jaona." Tsia, tompoko.

182 Inona no nataony, ihany koa? Tahaka an'i Elia mihitsy izay niteny tamin'i Jezebela, niteny tamin'i Herodiasy. Nandeha avy hatrany teo amin'ny fanatrehan'i Heroda, ka nanao hoe, "Tsy ara-dalàna ny angalanao azy." Notapahiny niala ny lohany, noho izany. Hitanareo? Niezaka ny hahazo an'i Elisa izy. Io fanahy iray io ihany, izay tao amin'i Jezebela, no tao amin'io vehivavy io.

183 Ary ilay zavatra iray ihany no ao amin'ilay fiangonana Jezebela amin'izao andro izao, ilay zavatra iray ihany. Mariho izany ankehitriny. Lesona lehibe iray toy ny inona no hitantsika eto!

184 Ary, ankehitriny, toy ny hoe tokony ho nahafantatra ny olona. Nanomboka nivazavaza an'ireo olona ireo i Jaona, ary nitsangana teo, toy ny hoe tokony ho nahafantatra izy ireo fa izany ilay Fanahin'i Elisa. Tokony ho azon'izy ireo izany. Izany no naha-izy azy.

185 Ankehitriny, ary mahita isika, ary efa nandalo an'ireo taom-piangonana, araka ny Soratra, fa isika dia nampanantenaina ny fiverenan'io Fanahy io, mialohan'ny andro farany mihitsy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

186 Ankehitriny, ary mariho, hahamarika an'ilay natioran'izany ianareo. Ankehitriny, tsy hanomboka taom-piangonana hafa iray izy, tahaka an'i Luther, sy Wesley, ary izay nataon'ny sisa rehetra tamin'izy ireo. Tsy hanomboka fiangonana hafa iray izy, satria tsy misy taom-piangonana hatomboka intsony. Hitanareo? Tsy hisy intsony. Noho izany dia tsy maintsy manohitra an'izany izy, satria ny Fanahiny dia hitovy marina tokoa tahaka azy ireo tany aoriana tany, ilay Fanahy iray ihany.

187 Araka ny nolazaiko omaly hariva, nahafaly an'Andriamanitra ny nampiasa an'Izany intelo samihafa. Izany no Isany, telo, fa tsy roa; telo. Efa nampiasa an'Izany indroa, ankehitriny dia hampiasa an'Izany indray Izy. Izy no niteny an'izany, nampanantena an'izany. Mariho ankehitriny, izy . . .

188 Mariho ankehitriny, rehefa nanao Izy. Tsy hanomboka anaram-piangonana iray Izy, satria ny Taonan'ny Fiangonana Laodikia no taona farany. Ary ilay iraka, ilay anjely fahafito, izay iraka fahafito, ho an'ny taom-piangonana fahafito, dia ilay lehilahy izay hanambara, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, an'ireo zavatra mahagaga rehetra ireo. Izany dia ho . . . Firy no teto omaly hariva? Aoka ho hita ny tànanareo. Ataoko fa tsy tokony hamaky an'Izany indray aho, arak'izany. Fantatrareo mihitsy hoe aiza no misy an'izany, ny—ny toko faha-10, hitanareo. Eny àry. Eny àry.

189 Ireo mpanavao dia tonga mba hanavao an'ilay taom-piangonana farany lavo izay nialoha azy ireo. Ary avy eo, taorian'ny nahatongavan'ireo mpanavao ka nanavao ny—ny taom-piangonana avy teo amin'izay nisy azy, ka niverina nankany amin'izao tontolo izao, avy eo dia nanomboka taom-piangonana vaovao iray izy ireo. Nanao an'izany foana izy ireo, isan'andro. Ankehitriny, efa nandalovantsika izany. Hitanareo?

190 Amin'ny teny hafa, *eto* dia nisy taom-piangonana Katolika iray, an'ny fiangonana Katolika Romana. Tonga i Luther, mpanavao iray. Nantsoina hoe mpanavao iray izy. Ary inona no ataony? Manomboka avy hatrany izy eo, nikapoka amin'ny maritoa. Ary, rehefa manao izy, dia manohitra an'ilay fiangonana. Ary, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia inona no ataony? Manorina an'ilay zavatra iray ihany izay nahatongavany mba havoaka izy, fiangonana hafa iray.

191 Noho izany dia manana taom-piangonana hafa iray izy ireo. Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, indro tonga . . . Ao anatin'ny loto iray tahaka an'izany ilay taom-piangonana. Tonga i John Wesley, mpanavao hafa iray. Hitanareo, manorina taom-piangonana hafa iray. Azonareo ve izay tiako lazaina? Tafatsangana ny taom-piangonana hafa iray. Mpanavao izy rehetra.

192 Mariho, ity Hafatra farany ity, an'ilay taom-piangonana farany, dia tsy mpanavao iray. Mpaminany iray izy, fa tsy mpanavao iray. Asehoy ahy hoe taiza no mba nisy mpaminany anankiray nanomboka taom-piangonana iray. Tsy mpanavao iray izy. Mpaminany iray izy.

193 Ireo hafa dia mpanavao, fa tsy mpaminany. Raha efa izany izy ireo, ny Tenin'ny Tompo dia tonga amin'ny mpaminany. Izany no antony nanohizan'izy ireo eo amin'ny batisa amin'ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina," ireo zavatra hafa rehetra ireo, satria mpanavao izy ireo, fa tsy mpaminany. Kanefa dia lehilahin'Andriamanitra malaza izy ireo, ary nahita an'izay nilain'ilay andro izay niainan'izy ireo. Ary Andriamanitra no nanosotra azy ireo, ary nirahina tany izy ireo ka nanorotoro an'ireo zavatra ireo ho potipotika. Fa tsy tonga tamin'izy ireo mihitsy ny Tenin'Andriamanitra feno, satria tsy mpaminany izy ireo. Mpanavao izy ireo.

194 Fa amin'ny andro farany, dia tsy maintsy ho mpaminany iray ilay izy, mba handray an'ireo zava-miafin'Andriamanitra, hamerina an'izany, satria ireo zava-miafina dia fantatra amin'ny alàlan'ireo mpaminany irery ihany. Noho izany, dia tsy maintsy io olona io no tonga. Hitanareo ve izay tiako lazaina ankehitriny? Tsy mety ho mpanavao iray izy. Tsy maintsy ho mpaminany iray izany, satria tsy maintsy olona iray izay manana fanomezam-pahasoavana izany ary mipetraka eo, izay mahatakatra ny Teny.

195 Ankehitriny, ireo mpanavao ireo dia nahafantatra fa nisy zavatra tsy nety tao. Luther dia nahafantatra an'izany, hoe io mofo io dia tsy ny vatan'i Kristy. Ary noho izany dia nitory izy hoe, "Ny marina ho velona amin'ny finoana," ary izany no hafany. Ary rehefa tonga i John Wesley, dia hitany fa nisy ny fanamasinana, noho izany dia nitory ny fanamasinana izy. Izany no hafany. Hitanareo? Ireo Pentekotista dia nitondra ny hafatry ny Fanahy Masina, sy ny sisa.

196 Fa amin'ny andro farany, amin'ity taona farany ity, dia tsy hanomboka fanavaozana iray ilay iraka, fa handray an'ireo zava-miafina rehetra izay navelan'ireo mpanavao ireo, ka manangona azy ireo miaraka ary mamaha azy ireo ho an'ny olona. Mamelà ahy hamaky an'Izany fotsiny indray. Toa tena tsara ho ahy Izany! Izaho—tiako ny mamaky an'Izany.

> *. . .izaho nahita anjely mahery hafa iray nidina avy tany an-danitra, nitafy rahona: . . .avana iray. . . teo ambonin'ny lohany, ary ny endriny dia. . .ny masoandro, ary ny tongony tahaka ny andry afo:*

197 Ankehitriny, efa nahita an'ilay zavatra iray ihany isika, izany dia Kristy. Ary fantatsika fa Kristy foana no Iraka ho an'ilay Fiangonana. Eny àry. Izy dia nantsoina hoe Andry Afo, ilay Anjelin'ny Fanekena, sy ny sisa.

> *Ary izy dia nanana teny an-tànany boky kely iray* nisokatra:. . .

198 Ankehitriny, efa nivaha ireo Tombokase, eto. Eo ampamahana azy ireo isika ankehitriny. Fa, ity, ilay Zavatra dia misokatra.

> *. . .ary nametraka ny tongony ankavanana teo* ambonin'*ny ranomasina izy, ary ny ankaviany. . .teo ambonin'ny tany,*
>
> *Ary* izy *niantso. . .tamin'ny feo mahery, tahaka ny liona mierona: ary rehefa izy. . .niantso, dia nampandre ny feony ireo kotrokorana fito.* (Oadray! Ilay feno!)
>
> *Ary rehefa nampandre ny feony ireo kotrokorana fito, izaho* Jaona *dia efa saiky hanoratra* (hanoratra inona?) an'izay nolazain'izy ireo: *fa nandre feo iray avy tany an-danitra aho* (Andriamanitra) *nanao tamiko hoe, Asio tombokase ireo zavatra izay notononin'ireo kotrokorana fito, fa aza soratana izy ireo.* Aza soratana izy ireo. (Hitanareo?)
>
> *Ary ilay anjely izay hitako dia nitsangana teo ambonin'ny ranomasina. . .nanangana ny* tànany *nankany amin'ny lanitra,*
>
> *Ary nianiana tamin'izay* velona *mandrakizay sy mandrakizay, izay namorona* ny lanitra, *sy ireo zavatra* tao *anatiny* tao, *sy ny tany, ary ireo zavatra* izay *tao*

> *anatiny* tao, *sy ny ranomasina, ary ireo zavatra izay tao anatiny, fa tsy hisy andro intsony:*

199 Diniho! Aza adino ity ankehitriny, raha mandeha isika.

> *Fa amin'ny andro* (andro) *an'ny feon'ny anjely fahafito,. . .*

200 Io anjely farany io, anjely eto an-tany. *Ity* Anjely ity dia nidina avy any An-danitra. Tsy Izy izany; Izy dia nidina avy any An-danitra. Fa miresaka ny amin'ilay anjely fahafito Izy eto, izany dia ny . . . *Anjely* dia midika hoe "iraka" iray, ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany, ary ny iraka ho an'ilay taompiangonana.

> *. . . amin'ny andron'ny feon'ny anjely fahafito, rehefa hanomboka hitsoka izy, ny zava-miafina* (ireo Tombokase Fito, ny rehetra, ny zava-miafina rehetra) *an'Andriamanitra dia hifarana, araka ny nambarany tamin'ireo mpaminany mpanompony.*

201 Voaseho ilay zava-miafina manontolo. Izany no asampanompoan'io anjely io. Hitanareo? Ho tena tsotra, ka handalo eo an-tampon'izany fotsiny ny olona. Fa, kanefa, ho voamarina tanteraka izany. Ho fantatra tanteraka mihitsy izany. Hitanareo? Ny olona rehetra izay te-hahita an'izany no afaka mahita an'izany. Hitanareo? Marina izany. Fa ireo . . .

202 Jesosy no nilaza, tahaka ny Nolazainy rehefa tonga Izy, nanao hoe, "Manana maso ianareo, fa tsy afaka mahita. Isaia no nilaza fa manana ianareo. Hitanareo? Ary manana sofina ianareo, nefa tsy afaka mandre." Ankehitriny, noho izany dia hitantsika fa . . .

203 Nampahatahotra ahy io. Nitodika tetsy amin'io famantaranandro io aho ka noheveriko fa tamin'ny folo ora ilay izy. Saingy, ilay izy, izaho—izaho manana . . . Tsy amin'ny sivy akory aza izao, tsy mbola, hitanareo. Eny àry. Oh, oadray! Ndao alaintsika izany ankehitriny. Mariho. Tiako ity.

204 Ireo hafa, dia mpanavao, saingy, satria lehilahin'Andriamanitra malaza, nahita ny ilain'ilay andro, ary nitondra fanavaozana.

205 Fa Apokalypsy 10 no nilaza fa ny Hafany dia ny hanambara, fa tsy hanavao; hanambara an'ireo tsiambaratelo. Hanambara tsiambaratelo! Izany no Teny ao anatin'ny olona. Hebreo 4 no nilaza, hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra dia maranitra noho ny sabatra roa lela, manindrona hatramin'ny fampisarahana ny taolana mihitsy aza, ary Mpanambara iray an'ireo tsiambaratelon'ny fo." Hitanareo? Io lehilahy io dia tsy mpanavao iray. Mpanambara iray izy, mpanambara ny (inona?) an'ireo zava-miafin'Andriamanitra. Eo amin'izay nanaovan'ireo fiangonana Azy nikorontana tanteraka sy ny sisa, no tsy

maintsy ahatongavany miaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra sy hanambara an'ilay zavatra.

206 Satria, izy dia tsy maintsy "hamerina ny Finoan'ireo zanaka ho amin'ny ray." Ilay Finoana ara-Baiboly tany am-boalohany dia tsy maintsy averin'ilay anjely fahafito. Ankehitriny, oh, toy ny ahoana no itiavako an'io! Ireo zava-miafina rehetra an'ireo Tombokase, izay tsy azon'ireo mpanavao tanteraka mihitsy! Hitanareo? Ankehitriny jereo ny Malakia 4, iray minitra fotsiny. Eny, raiso naoty fotsiny izany. Izy dia mpaminany iray, ary, "mamerina an'ilay Finoana tany am-boalohany an'ireo ray." Ankehitriny dia miandry an'io olona io hiseho eo amin'ny sehatra isika. Ho tena manetry tena izy ka an'alinaliny sy an'alinaliny no. . . Eny, hisy vondrona kely iray izay hahazo an'Izany.

207 Rehefa, tsaroanareo indray andro, rehefa natao ho tonga i Jaona, naminaniana, iraka iray alohan'ny ahatongavan'i Kristy, "feon'ny anankiray miantso mafy any an-efitra." Nahita azy i Malakia. Jereo, ny toko faha-3-n'ny Malakia dia ny fihavian'ilay Elia izay tsy maintsy ho tonga sy hialoha làlana ny fihavian'i Kristy.

208 Hoy ianareo hoe, "Oh, tsia, tsia, Rahalahy Branham. Izany dia ny toko faha-4." Miala tsiny aminareo aho.

209 Jesosy no nilaza fa ny toko faha-3 izany. Ankehitriny raiso ny Masindahy. . . Raiso ny Masindahy Matio, ny—ny toko faha-11 ary ny andininy faha-6, Izy no—Izy no hilaza an'izany. Ny 11—toko faha-11, mino aho fa ny andininy faha-6 izany; faha-4, faha-5, na faha-6, eo ho eo mihitsy. Hoy Izy hoe, "Raha mety mandray an'izany ianareo," rehefa niresaka mikasika an'i Jaona Izy, "io izy izay noresahina hoe, 'Izaho haniraka ny Irako eo anoloan'ny Tavako.'" Ankehitriny vakio ny Malakia 3. Ny sasany amin'izy ireo dia mampihatra an'izany amin'ny Malakia 4. Tsia, tompoko, tsy izany no izy.

210 Mariho ny Malakia 4, vantany vao mandroso io iraka io, may tanteraka izao tontolo izao, ary ny marina dia manitsaka ao amin'ny Arivo taona, eo amin'ny lavenon'izy ireo. Noho izany, hitanareo, raha mametraka an'izany ho izy ianareo eo, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay dia niteny zavatra izay tsy izy ny Baiboly. Efa nanana roa arivo taona isika, nefa tsy mbola may izao tontolo izao, ary ny marina miaina ao anatiny. Noho izany dia tsy maintsy ho ao amin'ny ho avy izany. Oh, oadray! [Mitehaka ny tànany indray mandeha miaraka Rahalahy Branham—Mpand.]

211 Raha raisinareo ny ao amin'ny Apokalypsy eto, ka mijery hoe inona no tokony ataon'io iraka io amin'ny fiafaran'ity taona ity, amin'izay fotoana izay dia ho hitanareo hoe inona izany. Tsy maintsy ho mpaminany iray izy. Tsy maintsy haka

an'ireo mihantona izay tsy hitan'ireto mpanavao ireto izy, ary mametraka an'Izany ao.

212 Ahoana no ahafahan'ny Matio 28:19 hitaha amin'ny Asa 2:38, raha tsy misy ny fanambarana ara-panahy an'Andriamanitra? Ahoana no ahafahan'ireo olona ireo milaza fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana, sy ny sisa tahaka an'izany, ary (hah!) raha tsy misy ny fanambaran'Andriamanitra? Ny fomba tokana hany hahafantaran'izy ireo an'izany, hahafantarana na marina izany na diso! Hitanareo? Saingy nivoaka avy tamin'ireo seminera izy ireo. Manantena aho fa hanana fotoana hidirana amin'izany isika.

213 Te-handeha haingana aho, satria tsy te-hihazona anareo eto mihoatra ny herinandro iray aho, fantatrareo izay tiako lazaina, ity, mba hanokatra an'ireto Tombokase ireto. Manana andro iray aho, ary tiako ny hanao vavaka ho an'ny marary amin'io andro io, raha vitako.

214 Jereo ankehitriny, Malakia 4, mpaminany iray izy, ary "mamerina an'ilay Finoan'ireo ray tany am-boalohany."

215 Amin'ny andro farany, rehefa tonga ny vanim-potoan'ny Fahoriambe. . . Ankehitriny ity misy zavatra kely iray izay hiverenantsika, iray minitra, eo amin'ireo telo taona sy tapany, na, ireo fitopolo herinandron'i Daniela, ireo tapany farany an'ny fitopolo herinandron'i Daniela, izay telo taona sy tapany. Ankehitriny, isika, firy no mahatsiaro an'izany, avy teo amin'ireo taom-piangonana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo? "Misy fitopolo herinandro voatendry." Jereo hoe tanteraka toy ny ahoana ilay izy. Hoy izy, "Ho avy ny Mesia, ary ho vonoina Izy, ho fanatitra iray, eo afovoan'ny herinandro, ary hitsahatra ny fanerena." Noho izany, dia mbola misy telo taona sy tapany miandry, ho an'ny Foto-pampianarana Mesianika ho an'ny Jiosy.

216 Ary tsy mifanaraka amin'ny Jiosy sy ny Jentilisa amin'ny fotoana iray ihany Andriamanitra. Mifanaraka amin'ny Isiraely Izy amin'ny maha-firenena iray, ny Jentilisa amin'ny maha-isam-batan'olona iray. Tsy naka an'ireo Jentilisa ho Ny Ampakariny mihitsy Izy; naka vahoaka iray avy ao amin'ireo Jentilisa Izy. Hitanareo? Ankehitriny dia mifanaraka amin'ny Isiraely Izy amin'ny maha-firenena iray. Ary ankehitriny izy dia mipetraka, any mihitsy izao ankehitriny izao, amin'ny maha-firenena iray.

217 Naharay taratasy iray avy tamin'i Paul aho androany, Paul Boyd. Ary izy no niteny tamiko, nanao hoe, "Rahalahy Branham, marina toy ny ahoana ilay izy! Ireo Jiosy ireo dia mbola manana fihetseham-po hafahafa foana manoloana an'ireo Jentilisa, tsy mampaninona izay mitranga." Azo antoka, hanana izy ireo. Tsy maintsy manana izy ireo.

218 Rehefa nanao an'ilay filazana i Martin Luther, hoe, "Tokony ho henjehina ireo Jiosy rehetra, ary ireo tranobeny ho dorana, satria antikristy izy ireo." Hitanareo? Martin Luther no nanao an'io filazana io, izy tenany, tao amin'ny sorany. Ankehitriny, Hitler dia nanatanteraka fotsiny an'izay nolazain'i Martin Luther. Nahoana i Martin Luther no nilaza an'izany? Satria mpanavao iray izy, fa tsy mpaminany.

219 Andriamanitra, izay, "Nitahy an'ny Isiraely ny Mpaminaniko, hoy izy, 'Na iza na iza mitahy anao dia ho tahiana, ary na iza manozona anao dia hozonina.'" Ahoana no ahafahan'ny mpaminany anankiray hitsangana ka handà an'izay nolazain'ilay mpaminany hafa? Tsy afaka manao an'izany izy. Tsy maintsy ho ao amin'ny firindrana ilay izy, hitanareo.

220 Fa ny antony hanakilasin'izy ireo . . . Hitanareo, Alemaina dia natao ho firenena Kristiana iray, ary, izy ireo, ny fomba nitondran'izy ireo ny Isiraely! Mbola manana tsora-kazo iray eny amin'ny sorony foana izy ireo, ary tsy afaka manome tsiny azy ireo ianareo. Fa tsarovy fotsiny, ireo Jiosy izay mipetraka eto ireo, aza manahy, ho avy ny andro! Tsy afaka manadino azy ireo mihitsy Andriamanitra. Nohajambaina izy ireo nohon'ny amintsika.

221 Fantatrareo, Izy no nilaza tamin'ilay mpaminany, Izy . . . Niantsoantso ilay mpaminany, nanao hoe, "Hanadino an'ny Isiraely ve Ianao?"

222 Hoy Izy hoe, "Raiso io tsora-kazo fandrefesana io; ary toy ny ahoana no haavon'ny lanitra? Toy ny ahoana ny halalin'ny ranomasina?"

Hoy izy hoe, "Tsy haiko refesina izany."

223 Hoy Izy, "Tsy afaka hanadino an'ny Isiraely mihitsy Aho." Io no Vahoakany, ireo Mpanompony.

224 Ary ny Jentilisa, dia vitsy fotsiny no alaina avy eo, ho Ny Ampakariny. Marina tokoa izany. Izany no Ampakarina.

225 Ankehitriny, voatendry ireo fitopolo herinandro, tanteraka tokoa, araka ny nolazain'i Daniela fa ho tonga ny Mesia ary ho vonoina eo afovoan'ny herinandro. Ary naminany telo taona sy tapany Jesosy. Ankehitriny, teo afovoan'io, telo taona sy tapany an'i Daniela, teo afovoan'io, dia novonoina Izy. Saingy ilay ampahany farany ankehitriny dia ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, izay misy an'ilay fiangonana Jentilisa. Oh, lehibe ity! Ankehitriny aza diso. Ny Ampakarina dia miditra miaraka amin'ny Mpampakatra; avy eo, aorian'ny Arivo taona, dia manitsaka eo amin'ireo lavenon'ny ratsy fanahy.

226 Mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo eto, raha mbola manana an'izany ao an-tsaina mihitsy isika. Ndao isika haneho aminareo fotsiny an'izay Nolazainy, izay lazain'ny Baiboly. Ary tsy afaka mandà an'Ity ho ny Tenin'Andriamanitra isika. Raha

mandà isika, amin'izay fotoana izay dia tsi-mahatoky isika. Hitanareo, tsy maintsy mino an'Izany isika. Hoy ianareo hoe, "Tsy azoko Izany." Na izaho koa aza. Fa miandry Azy aho hanambara an'Izany. Jereo.

> *Fa, indro, avy ny andro, izay handoro tahaka ny fatana; ary ny mpirehareha rehetra* (tahaka an'ireo Amerikana, sy ny sisa), *eny,. . .ny rehetra izay manao ratsy, dia ho* vodivary: (Ho dorana izany.) a*ry ny andro izay ho avy,* dia izaho *no handoro azy ireo, hoy ny* T*OMPON'ny maro,. . .tsy hisy ho tavela izy ireo na ny fakany* na *ny sampany.*

227 Ahoana no ahitanareo helo Mandrakizay ao anatiny ao arak'izany? Hitanareo, ireo andro farany izany, rehefa voambara ireto zavatra ireto. Tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly izay milaza fa Mandrakizay ny helo. Noho izany, mba hananana . . . mba handehanana ao amin'ny helo Mandrakizay iray, dia tsy maintsy manana Fiainana Mandrakizay ianareo hijanonana ao. Endrika Fiainana Mandrakizay anankiray ihany no misy, ary ho an'izany no hitolomantsika. Ny zavatra rehetra, izay nanana fiandohana iray, dia manana fiafarana iray. "Ny helo dia noforonina ho an'ny devoly sy ireo anjeliny," ary ho levona sy ho foana. Marina. Hitanareo? Fa rehefa miseho ity, "Tsy hisy ho tavela ireo fakany na sampany."

> *Fa ho an'*ireo *izay matahotra ny anarako dia* hiposaka *ny Masoandron'ny fahamarinana miaraka amin'ny fanasitranana ao amin'ny elany; . . .hivoaka ianareo,* tahaka *ny zanak'omby mifahy mifalihavanja.*

> *Ary hohitsahinareo ny ratsy fanahy; fa ho lavenona eo ambanin'ny faladian'ny tongotrareo izy ireo amin'io andro io izay izaho* no *hanao azy, hoy ny* T*OMPON'ny maro.*

228 Aiza no hisy ny ratsy fanahy aorian'ny Fahoriambe? Lavenona.

> *Tsarovy. . .ireo* lalàn'*i Mosesy. . .izay nandidiako . . . azy tao Horeba ny amin'ny Isiraely rehetra, niaraka tamin'ireo fitsipika sy* fitsarana.

> *Indro, izaho haniraka* ho *aminareo an'i Elia mpaminany alohan'ny fahatongavan'*ilay *andro lehibe sy mahatahotra an'ny* T*OMPO:*

229 Amena! Eto no mifarana tahaka an'izany ny Testamenta Taloha, ary eto dia mifarana miaraka amin'ilay tena zavatra iray ihany ny Testamenta Vaovao. Ahoana no hanakananareo an'izany? Tsy afaka. Jereo, "Izaho haniraka ho aminareo an'i Elia mpaminany alohan'ny ahatongavan'io andro io."

> *Ary izy hamerina ny* fon'*ireo ray ho amin'ny zanaka, ary ny* fon'*ny zanaka ho amin'*ireo *ray, fandrao avy aho ka hamely ny tany amin'ny ozona.* (Ah!)

230 Eo ianareo izao. Izany no Tenin'ny Tompo. Izy no nampanantena an'izany. Tsy maintsy tonga izany. Ary ankehitriny raha hahamarika ianareo hoe ahoana no itrangan'izany. Tsara tarehy izany, ahoana no anaovan'Andriamanitra an'izany. Mivoaka ny Ampakarina, ary miaraka amin'ny Mpampakatra. Ary—ary avy eo aorian'izany, dia dorana amin'ny afo tsy mety maty ny ratsy fanahy. Ary rehefa avy nodiovina izao tontolo izao, dia mamokatra ny tenany indray. Tsy maintsy manao an'izany ny zavatra rehetra, tsy maintsy mandalo amin'ny dingan'ny fanadiovana.

231 Hitresaka ny volokano amin'io andro lehibe io, ka hipoaka izao tontolo izao, ary hivoaka afo, sy hiendaka; ary ireo lavapiringan'ny fahotana rehetra ireo, sy izay rehetra eto ambonin'ny tany, dia hitsonika ho tsinontsinona. Hirehitra miaraka amin'ny hafanana mahery iray tahaka an'izany izy, ka ho tahaka an'ilay fanalana tasy izay mandefa an'ilay—ilay lokon'ny—ny ranomainty mankany amin'ny famoronany tany am-boalohany. Ho toy izany koa ny hahamain'ilay Afo avy amin'Andriamanitra, izay hamerina ny zavatra maloto rehetra mankany amin'ny toerany indray, rehefa dorana i Satana sy ny fahotana rehetra, ary ny zavatra rehetra. Ary avy eo dia hivoaka tsara tarehy tahaka azy tao amin'ny sahan'i Edena izy. Marina. Oh, io ora lehibe izay mipetraka eo alohantsika io mihitsy!

232 Mandritry ny vanim-potoan'ny Fahoriambe. . . Ity no tiako ho marihinareo ankehitriny, zavatra kely iray izay natsofoko eto. Mandritry ny vanim-potoan'ny Fahoriambe, rehefa avy nantsoina ny Ampakarina, ka mandalo ny vanim-potoan'ny Fahoriambe ilay fiangonana, dia antsoin'ireo vavolombelona roa an'ny Apokalypsy 11 ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Jereo ankehitriny. Haminany izy ireo, enimpolo sy roanjato sy arivo andro, mitafy lamba fisaonana.

233 Ankehitriny, dia fantatsika fa ity alimanaka Romana ity dia manana. . . Manana valo amby roapolo andro isika ary, indraindray, ary telopolo, sy iraika amby telopolo. Fa, ny tena izy, ny alimanaka dia mamaky an'izao, telopolo andro ho an'ny volana tsirairay. Marina. Ary raiso ny zato. . . ny enimpolo sy roanjato sy arivo andro, ka zarao telopolo izany, dia jereo hoe inona no azonareo. Telo taona sy tapany, marina tokoa hatrany amin'ny teboka. Izany ilay fotoana izay voatsinjara, fotoana hitoriana an'ilay Hafatra Mesianika ho amin'ny Isiraely, tahaka azy tany aoriana tany. Rehefa miverina Izy ka mampahafantatra ny Tenany, ao amin'ny mari-pamantarana iray izay rehefa tonga Izy . . .

234 Rehefa, nentina nankany amin'ilay firenena i Josefa, ary nolavin'ireo rahalahiny, satria lehilahy iray ara-panahy izy. Afaka nahita fahitana izy ary nandika nofy. Ary rehefa nanao izy, dia nentina nankany amin'ilay firenena ka namidy saiky volafotsy madinika telopolo. Naneho an'i Kristy izy, marina tokoa, satria izany no Fanahin'i Kristy tao aminy.

235 Mariho izay nitranga avy eo. Ary mariho fa, rehefa nanao an'io izy, dia napetraka tao anatin'ny tranomaizina iray, ka ny lehilahy anankiray voavonjy ary ilay hafa very. Jesosy marina tokoa, rehefa tao anatin'ny tranomaizina Izy teo amin'ny hazo fijaliana, dia mpangalatra iray voavonjy ary ilay iray hafa dia very, marina tokoa.

236 Natsipy tao anatin'ny fasana, noheverina ho maty, ary nakarina, ka niakatra nankeo an-tànana ankavanan'i Farao, ka tsy nisy olona afaka nahita an'i Farao raha tsy mahita an'i Josefa aloha. Jesosy dia mipetraka eo an-tànana ankavanan'Andriamanitra, ka tsy misy olona afaka manatona ny Ray raha tsy amin'ny alàlan'ilay Zanaka. Marina.

237 Ary mariho fa isaky ny miala i Josefa, rehefa mitsangana miala avy eo amin'io tànana ankavanan'io seza fiandrianana io i Josefa. Diniho! Voninahitra! Nipetraka teo i Josefa, teo an-tànana ankavanan'i Farao. Ary rehefa nitsangana i Josefa, mba hiala amin'io seza fiandrianana io, dia naneno ny trompetra. "Ampandohaleo ny lohalika, ny olona rehetra! Avy i Josefa!"

238 Rehefa miala eo amin'ny Seza fiandrianana ny Zanak'ondry, any, an'ireo Androny ho an'ny asam-panelanelanana, rehefa miala amin'ny Seza fiandrianana Izy any ambony any, ka mandray an'ilay Bokin'ny Fanavotana ary mandroso, dia handohalika ny lohalika rehetra. Io Izy. Mariho.

239 Ary rehefa Josefa, nolavin'ireo rahalahiny, dia nomena vady Jentilisa iray izy. Potifara no nanome azy. . . Na, Farao no nanome azy va—vady Jentilisa iray, ary niteraka zanaka Jentilisa izy, Jentilisa tapany sy Jiosy. Manome mari-pamantarana lehibe izy ireo. Rehefa nitso-drano azy ireo i Jakoba, Efraima teo amin'ny ilany iray ary Manase teo amin'ilay hafa, dia nampifamadihany ireo tànany ka nomeny an'ilay ankizy zandriny ny tso-drano. Ary ankizy roa no nanampiana tao amin'ireo foko roa ambin'ny folo, izay folo fotsiny tamin'io fotoana io, ary notsofiny rano tao amin'i Jakoba izy tenany izy ireo. Ary Josefa, ny zananilahy mpaminany, dia nitsangana teo, nanao hoe, "Ry ikaky, diso ny nataonao." Hoy izy, "Napetrakao teo amin'ilay ankizy zandriny ny tso-dranon'ny tànanao havanana, nefa tokony nankeo amin'ilay zokiny izany."

240 Dia hoy izy hoe, "Fantatro fa nifamadika ireo tànako, saingy Andriamanitra no nampifamadika azy ireo." Nahoana? Isiraely, nanana an'ireo zò mba ho Ampakarina iray, dia nandà ka nivarotra ny fizokiany, ary ny. . . nandeha avy teo amin'ilay

zanaka fahiny, Isiraely, nankany amin'ilay vaovao, Jentilisa. Ary niala avy teo ireo tso-drano, tamin'ny alàlan'ny hazo fijaliana, nankany amin'ny Jentilisa.

241 Saingy mariho fa taorian'izany, hitanareo, tamin'ny alàlan'izany, rehefa ny rehetra . . . Naka ny ampakariny izy. Fa rehefa tonga ireo zazalahy ireo mba hividy sakafo . . .

242 Oh, tena sary iray tsara tarehy izany! Miala amin'ilay Tombokase aho, saingy tsy maintsy milaza an'ilay izy fotsiny aho, hitanareo, satria hahazo an'ilay sary tsaratsara kokoa ianareo, mino aho. Mariho.

243 Ankehitriny, rehefa tonga izy ireo mba hividy sakafo, fantatrareo, dia fantatr'i Josefa teo no ho eo izy ireo. Ary Josefa dia zanaky ny fanambinana. Tsy mampaninona izay nandehanany, nambinina foana izy.

244 Miandrasa mandra-Pahatongany eto an-tany indray; miandrasa mandra-pahatongan'i Josefantsika! Hitanareo? "Hamony tahaka ny raozy iray ny tany efitra, ary ny Masoandron'ny Fahamarinana hiposaka miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny Elany." Oh, oadray! Io raketa rehetra manodidina an'i Arizona io dia hivelatra ho hazo tsara tarehy, ary izany—ary ho tsara tarehy izany.

245 Mariho, indro mandroso izy, ary manao hafetsena kely teo amin'izy ireo teo. Ary maniraka izy, ka hoy izy hoe, "Mbola velona ve ny raiko?" Hitanareo? Tiany ho fantatra raha velona ny rain'io zazalahy io. Hoy izy, "Eny." Fantany fa rahalahiny io. Fa efa voamarikareo ve rehefa nivonona hanambara ny tenany tamin'ireo rahalahiny izy?

246 Ary nahita an'i Benjamina kely izy, izay teraka hatramin'ny nahalasanany. Ary izany dia maneho an'ireo Jiosy ireo, io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy io izay miangona any mihitsy ankehitriny hatramin'ny Nahalasanany. Ary rehefa niverina Izy, dia nilaza Izy . . . Izy dia nijery an'i Benjamina; ka saiky vaky ny fony.

247 Ary, tsarovy, izy ireo dia nanana . . . izy . . . Tsy fantatr'izy ireo fa nahay niteny Hebreo izy. Naka mpandika teny iray izy. Nihetsika toy ny hoe Egyptiana iray izy. Hitanareo? Ary avy eo rehefa nampahafantarina ilay izy, te-hampahafantatra ny tenany izy, dia tsy nitsahatra nijery an'i Benjamina kely izy. Ary, tsarovy, namoaka ny vadiny izy. Tao an-dapa izy rehefa nampahafantatra ny tenany tamin'ireo rahalahiny izy.

248 Ary ilay Ampakarina Jentilisa, ilay Vady, rehefa avy nolavin'Ny Olony Manokana Jesosy, dia naka Ampakarina Jentilisa iray Izy. Ary haka Azy avy eto, ho any amin'ilay Lapa, ho ao an-Tranon'Ny Rainy any amin'ny Voninahitra, ho an'ilay Sakafon'ny Mpanambady. Ary hiverina hidina moramora,

hampahafantatra ny Tenany amin'ireo Rahalahiny, ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy . . . ? . . . io fotoana io.

249 Io izy mitsangana. Ary, tsarovy, jereo ilay maripamantarana tanteraka mihitsy. Ary rehefa niverina teo amin'izay nisy an'io izy, dia nijery azy ireo, ary nilaza izy—nilaza izy . . . nanomboka nijery. Ary nanomboka niresaka izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, Robena, fantatrao fa tratry ny olana isika ankehitriny, hitanao. Satria, fantatrao izay nataontsika. Isika no nanao an'io zazalahy io tao anatin'io zava-tsarotra io. Ankehitriny, tsy tokony nivarotra ny rahalahintsika isika." Ny rahalahin'izy ireo io nitsangana teo io, io andriana mahery io, nefa tsy fantatr'izy ireo izany.

250 Izany no antony tsy ahafahan'ny Isiraely mahazo Azy amin'izao andro izao. Tsy mbola ora ahafantarana an'izany izao.

251 Ary noho izany, izy, nihevitra izy ireo fa tsy afaka mahazo teny Hebreo izy, saingy nihaino tsara azy ireo izy. Hoy izy ireo hoe, "Tratry ny olana isika ankehitriny." Ary Josefa, rehefa nijery azy ireo izy, dia tsy afaka nahatanty an'izany intsony.

252 Ankehitriny, tsarovy, ny vadiny sy ireo zanany dia tany an-dapa tamin'io fotoana io. Nivoaka ireo olo-masina, tsy teo amin'ny fanatrehana.

253 Dia hoy izy hoe, "Izaho no Josefa, rahalahinareo." Ary nihazakazaka izy ka nandramby an'i Benjamina kely, niantsampy teo amin'ny tendany, ary nanomboka nitomany. Hitanareo? Ary nampahafantatra ny tenany izy.

254 Ary tamin'izay fotoana izay dia hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny dia fantatsika fa mivaly amintsika ilay izy, satria isika no nivarotra azy. Isika no anankiray izay nivarotra azy. Isika no anankiray izay nanandrana namono azy, fa ankehitriny dia fantatsika fa izy no hamono antsika."

255 Hoy izy hoe, "Tsia, aza tezitra amin'ny tenanareo, hamonjy aina fotsiny no nanaovanareo an'izany. Izany no antony nandefasan'Andriamanitra ahy eto."

256 Ary rehefa mampahafantatra ny Tenany Izy, ny Baiboly dia nilaza . . . araky ny nandalovantsika teo amin'izany. Rehefa mampahafantatra ny Tenany amin'io efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy any io Izy, ilay Benjamina kely an'izao andro izao, sy ilay sisa nanamborana amin'ireo Jiosy tavela any ireo; rehefa mampahafantatra ny Tenany Izy, dia hilaza izy ireo hoe, "Taiza no Nahazoanao an'ireo holatra ireo? Inona no nataon'izy ireo teo amin'ny Tànanao?"

257 Hilaza Izy hoe, "Oh, tany an-tranon'ireo Sakaizako no Nahazoako azy ireo." Hitanareo? Oh, amin'izay fotoana izay dia ho fantatr'izy ireo fa izy ireo no namono ny Mesia. Fa inona no Holazainy? Mitovy amin'izay nolazain'i Josefa. "Hanompo aina no nanaovanareo an'izany; aza . . . hamonjy aina. Aza tezitra

amin'ny tenanareo." Satria, izany, tsy ho nentina niditra ireo Jentilisa raha tsy nanao an'io zavatra io tamim-pahajambana ireo Jiosy. Noho izany, namonjy ny ain'ilay Fiangonana Izy, tamin'ireo zavatra izay nataon'izy ireo. Koa eo ianareo izao. Izany no antony, amin'izao andro izao, tsy ahafahan'izy ireo mahazo an'Ity; tsy izao no ora.

258 Mitovy amin'izany koa no tsy ahafahantsika mahazo an'ireo zavatra ireo alohan'ny ahatongavan'ny fotoana hahazoana Azy. Oh, oadray! Ireo Kotrokorana Fito, an'ny Apokalypsy, enga anie Izy haneho amin'ny Ampakarina hoe ahoana no hiomanana ho an'ilay finoan'ny fampakarana lehibe!

259 Ankehitriny dia ndao isika handeha haingana, satria tsy manana afa-tsy eo amin'ny dimy ambin'ny folo, roapolo minitra eo sisa isika.

260 Ankehitriny, inona no dikan'ity soavaly fotsy ity? Mamelà ahy hamaky ny. . . Lasa lavitra be aho; mamelà ahy nohon'ny nialako tamin'ny lohahevitro. Fa, fa hovakiako indray ilay andininy, ireo andininy roa.

> *Ary hitako fa rehefa ny Zanak'ondry* no *namaha ny anankiray tamin'ireo tombokase, ary reko, fa izany* dia *tahaka ny feon'ny kotrokorana,* ary *ny anankiray tamin'ireo zava-manan'aina efatra nanao hoe, Avia . . . jereo.*
>
> *Ary nahita aho, ka indro soavaly fotsy iray: . . .*

261 Ankehitriny dia tonga eo amin'ny andininy faha-2 isika.

> . . . *soavaly fotsy iray: ary izay mipetraka eo amboniny dia nanana tsipìka iray; ary nomena satroboninahitra iray* izy, (tsy mbola nanana izy tamin'io) . . . *ho azy: ary nivoaka izy nandresy, ary handresy.*

262 Izay ihany ny amin'io. Izany ilay Tombokase. Ankehitriny dia ndao isika hahita an'ireo mari-pamantarana.

263 Hitantsika ny dikan'ny Kotrokorana. Izany dia tanteraka tokoa, fantatsika izany, hitanareo. Ny Kotrokorana dia ny Feon'Andriamanitra, rehefa nisokatra ilay Tombokase.

264 Ankehitriny, inona no dikan'ilay soavaly fotsy? Ankehitriny, eto no tonga ny fanambarana. Pozitifa ny amin'ity mihitsy aho, tahaka ny itsanganako eto, mahafantatra fa ity no Teny.

265 Efa namaky ny boky rehetra izay nety hitako mikasika an'izany aho. Ary miaraka amin'ny . . . izaho . . . Ny fotoana farany izay izaho no—no nanandrana nanao azy, nampianatra azy fotsiny, teo amin'ny telopolo taona lasa teo izay, dia nalaiko ny boky . . . Niteny tamiko ny olona iray fa ireo Adventista no nanana ny hazavana bebe kokoa mikasika ny Fihavian'i Kristy faharoa noho ny olona rehetra izay fantatr'izy ireo, noho izany dia nahita ny sasantsasany tamin'ireo bokin'izy ireo tsara aho, mba hamakiana an'izany. Nalaiko ny bokin'i Smith

mikasika an'i Daniela, an'ireo fanambarana. Ary nilaza izy fa ity soavaly fotsy izay nivoaka ity dia fotsy, ary manao tandindona mpandresy iray izany. Ary tao amin'io fandresena io. . . Maro aminareo rahalahy Adventista eto no mahafantatra an'ilay boky, ary maro aminareo sasany, ihany koa, tamin'ny famakiana azy. Ary—ary ireo sasany, namaky roa na telo aho. Namaky aho, ary izaho tsy afaka miantso. . . Nisy boky roa amboniny no novakiako, ary nifanaiky ireo lehilahy roa fa marina izany. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Mpampianatra tsara izany, natao ho ny sasany amin'ireo tsara indrindra, miaraka amin'ny hazavana tsara indrindra. Noho izany dia nieritreritra aho hoe, "Eny, raha tsy mahafantatra aho, dia ho lazaiko fotsiny izay nolazain'izy ireo, hiezaka hampianatra azy tahaka an'izany."

266 Manome hafaliana tena tsara ny amin'izany izy ireo, ny amin'izay dikany marina tokoa. Ary hoy izy ireo hoe, "Ankehitriny, indro ny soavaly fotsy iray, ary ny soavaly fotsy iray dia hery iray, mpanafika iray." Ary nanao hoe, "Ilay lehilahy izay mipetraka eo ambonin'io, dia ilay—ilay soavaly fotsy, dia ny Fanahy Masina izay nivoaka tao amin'ny taona voalohany ka nandresy an'io taona io ho an'ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanana tsipìka iray izy teny an-tànany, izay nidika, tahaka an'i Cupidon, nitifitra an'ireo zana-tsipìkan'ny fitiavana tao ampon'ny olona izy, ny fitiavan'Andriamanitra, ary nandresy izy."

267 Ankehitriny, toy ny tena tsara izany, saingy tsy izany no Fahamarinana. Tsia, tompoko. Hia. Tsy izany ilay izy. Ny fotsy dia midika hoe marina. Isika—fantatsika izany. Ny fotsy dia midika hoe marina. Ireo mpampianatra dia nampianatra an'izany, hoe izany no Fanahy Masina izay nandresy tao amin'ny taona voalohany; saingy ny fanambarako, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, dia tsy tahaka an'izany.

268 Ny fanambarako, amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina, dia: Kristy sy ny Fanahy Masina dia ilay Olona iray ihany, saingy ao amin'ny endrika samihafa fotsiny. *Noho izany, eto* no mitsangana Kristy, ilay Zanak'ondry. Fantatsika fa Izy no Zanak'ondry. Nitsangana *eto* Izy miaraka amin'ireo Boky eny an-Tànany; ary *etsy* no mandeha ilay mpitaingina soavaly fotsy, hitanareo, noho izany dia tsy ny Fanahy Masina izany.

269 Ankehitriny, izany no iray amin'ireo zava-miafin'ny andro farany, hoe ahoana no ahafahan'i Kristy ho olona telo ao amin'ny Anankiray. Ilay izy dia tsy olona telo samihafa, Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, izay Andriamanitra telo, araka ny hiezahan'ireo triniterana tenenina amintsika fa izany Izy. Izany dia telo, izany dia fanehoana telo an'ilay Olona iray ihany. Na, mety hiantso azy hoe asa telo ianareo. Raha miresaka amin'ireo mpitoriteny ianareo, dia tsy hampiasa hoe asa; satria, marina, sendra nieritreritra aho, raisim-peo aho. Noho izany dia hiteny aminareo aho. . . Mazava ho azy, fa tsy afaka hilaza Kristy hoe,

"Hivavaka amin'ny Asako Aho, ka Izy no handefa asa iray hafa ho anareo." Fantatsika izany. Fa raha te-hanao an'ilay izy ianareo. . .Izany dia ireo toetra telon'ilay Andriamanitra iray ihany. Hitanareo? Ilay izy dia tsy Andriamanitra telo. Toetra telon'ilay Andriamanitra iray ihany! Hitanareo?

270 Ary noho izany dia ahoana no ahafahan'i Kristy ho *etsy,* ilay soavaly fotsy, mandresy, sy mitsangana *eto* miaraka amin'ny Boky iray eny an-Tànany? Tsy Izy izany, na izany aza. Tsy Kristy izany.

271 Mariho ankehitriny, ny Fanahy Masina (ao amin'ny fanambarana) sy Kristy, izany dia, ny Fanahy Masina dia Kristy ao amin'ny endrika hafa iray. Marina.

272 Mariho, ny Zanak'ondry no nanokatra an'ireo Boky, ary ny Zanak'ondry dia Kristy. Ary Kristy dia tsy hita intsony, nanomboka teo, fa hita Izy ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy, ny toko faha-19, tonga eo ambonin'ny soavaly fotsy iray.

273 Raha tianareo ny hamaky an'izany, dia ndao isika hamadika ao amin'ny Apokalypsy 19:11, enina-. . .Ary hamaky an'izany haingana mihitsy ankehitriny raha mbola isika—raha mbola isika. . .Manana fotoana betsaka isika, manantena aho, noho izany dia izany no hanao azy ho tsaratsara kely kokoa ho antsika. 19, 19:11, manomboka amin'ny andininy faha-11, ary mamaky midina, hatrany amin'ny faha-16.

> *Ary nahita ny lanitra nisokatra aho,. . .indro soavaly fotsy iray;* (tsy teto an-tany; tany An-danitra, hitanareo) *ary izay nipetraka* teo *amboniny dia nantsoina hoe Mahatoky. . .Marina,. . .amin'ny* fahamarinana no *itsara*ny *sy anaovany ny ady.*
>
> *Ny masony dia. . .*lelan'*afo, ary teo amin'ny lohany dia* nisy *satroboninahitra maro,* (jereo ilay diadema!); *ary nanana anarana iray voasoratra izy, izay tsy nisy olona* nahafantatra, *afa-tsy. . .ny tenany.*

274 Maniry aho ny afaka hijanona eo amin'izany iray minitra fotsiny. [Mandondòna indray mandeha ny polipitra Rahalahy Branham, ary miato—Mpand.] Oh, oadray! Manana hevitra iray tsara aho, saingy. . .Angamba aho afaka, raha ianareo. . .[Hoy ny fiangonana hoe, "Mandrosoa!"]

275 Hitanareo, tsy misy olona mahafantatra an'Izany. Efa mba fantatrareo ve fa ny Anarana hoe "Jehovah" dia tsy marina? Ny olona rehetra dia mahafantatra. Dr. Vayle, fantatrao fa marina izany. Tsy afaka nandika an'Izany mihitsy ireo mpandika. Izany dia voasoratra hoe J-u-h-v. . .J-v-h-u, no tiako lazaina. Izany dia tsy "Jehovah." Tsy afaka nikasika an'Izany izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo hoe inona Izany. Niantso an'Izany hoe "Jehovah," saingy tsy izany No Anarany.

276 Jereo, isaky ny azo ny fandresena iray, na misy zavatra iray miseho, dia misy anarana iray novaina.

277 Jereo tamin'ny andron'i Abrahama. Izy dia, voalohany, Abrama, ary tsy nety nahazo an'io zazakely io mihitsy raha tsy novaina ho Abrahama ny anarany. Ary Saray, S-a-r-a-y, tsy afaka nahazo afa-tsy kibo maty iray raha tsy efa novaina ny anarany ho S-a-r-a-h-a.

278 *Jakoba* dia midika hoe "mpamingana, mpamitaka," ary izany no nataony. Nametraka hoditr'ondry teo amin'ny tenany izy, ary namitaka ny rainy mpaminany, mba haka an'ireo fizokiana. Nametraka tsora-kazo popola tao anatin'ny rano izy, nanamaramara azy ireo, nampitahotra ny biby fiompy rehefa bevohoka izy ireo niaraka tamin'ny . . . niaraka tamin'ireo zanany, mba hanao ny biby fiompy sy ny ondry ho maramara. Tsy nisy afa-tsy mpamitaka iray!

279 Fa indray alina dia nihazona Zavatra iray tena nisy izy, ary fantany fa tena nisy Izany. Dia nijanona niaraka tamin'Izany izy, ary nififikitra mandra-pandresiny. Ary novaina ny anarany, ka nantsoina hoe *Isiraely,* midika hoe "andriana iray miaraka amin'ny hery eo anatrehan'Andriamanitra."

280 Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny mpandresy tsirairay!

281 Mpanjono iray i Simona. Fa rehefa nahazo ny finoany ka nahafantatra fa Jesosy izany, rehefa niteny taminy Izy fa Izy no Mesia, ary niteny taminy hoe iza no anarany ary iza no anaran'ny rainy, dia nandresy izy, ary novaina avy tamin'i Simona ho Petera.

282 Saoly, anarana tsara. Saoly, dia mpanjaka iray tao Isiraely indray mandeha, saingy izy, ny *Saoly,* dia tsy mety amin'ny apostoly iray. Mety ho tena tsara ho an'ny mpanjaka iray, fa tsy ho an'ny apostoly iray. Noho izany dia novain'i Jesosy ny anarany (avy amin'ny inona?) avy amin'ny Saoly ho Paoly.

Jereo "Ireo zana-baratra," sy ny sisa.

283 Ary, Jesosy, Ny Anarany teto an-tany dia "Mpanavotra," Jesosy. Rehefa teto an-tany Izy, dia Izy no Mpanavotra, marina izany. Fa rehefa nandresy ny fahafatesana sy ny helo Izy, ary nandresy azy ireo, ka niakatra tany amin'ny Avo, dia nahazo Anarana vaovao Izy. Izany no antony hikiakiahanareo tahaka ny ataon'izy ireo, nefa tsy mahazo na inona na inona izy ireo.

284 Izany dia ho voambara ao amin'ireo Kotrokorana. Ah-hah. Hitanareo? Mariho ireo zava-miafina. Tonga Izy, mitaingin-tsoavaly . . . Tsy maintsy misy Zavatra iray mba hanova an'ity Fiangonana ity. Fantatrareo izany. Tsy maintsy misy Zavatra iray. Mariho, "Tsy nisy olona nahafantatra, afa-tsy ny Tenany." Ankehitriny, mariho, "Tsy nisy olona nahafantatra, afa-tsy ny Tenany."

*Ary niakanjo akanjo iray voatsoboka tao amin'ny rà izy: ary ny anarany* dia *nantsoina hoe Ny Tenin'Andriamanitra.*

Oh, oadray! Mariho!

*Ary ireo tafika izay tany an-danitra dia nanaraka azy teo ambonin'ny soavaly fotsy, niakanjo rongony madinika, fotsy sy madio.*

*Ary teo amin'ny vavany no* mivoaka *ny sabatra maranitra iray, ka izany no hamelezany an'ireo firenena: ary izy hanapaka azy ireo amin'ny tehim-by: ary izy no* manitsaka *ny famiazan-divain'ny firehetana sy* ny *fahatezeran'Andriamanitra Tsitoha.*

*Ary izy* nanana *teo amin'ny akanjony sy teo amin'ny feny anarana iray voasoratra hoe, MPANJAKAN'NY MPANJAKA, SY TOMPON'NY TOMPO.*

285 Indro tonga ny Mesia. *Io* Izy; tsy ilay lehilahy eo ambonin'ity soavaly *eto* ity. Diniho ilay fahasamihafana. Indro Izy mitsangana miaraka amin'ilay Boky eny an-Tànany, *eto,* ilay asam-panavotana fotsiny dia. . . Izy dia tsy mbola nandray ny Toerany. Noho izany, dia tsy ny Kristy ilay nivoaka, ny Fanahy Masina.

286 Tsy hoe tsy mifanaraka amin'ireo lehilahy malaza ireo. Tsia, tompoko, tsy manao an'izany aho. Tsy te-hanao an'izany aho, fa ity dia izay—izay fanambarako ny amin'Izany. Hitanareo? Raha manana zavatra hafa iray ianareo, eny, mety tsara izany, saingy tsy mety tsara amiko ilay izy. Hitanareo, izaho—tahaka an'izao no inoako Azy. Hitanareo, ankehitriny, fantatrareo hoe inona. Hitanareo?

287 Ary, mariho, tsy hita intsony Kristy, hitanareo, nanomboka tamin'io fotoana teo io. Fa eo ambonin'ny soavaly fotsy iray Izy. Noho izany raha mitaingina soavaly fotsy iray ity zalahy ity, dia mpaka tahaka iray fotsiny an'i Kristy izy. Hitanareo? Azonareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

288 Mariho, ilay mpitaingin-tsoavaly eo ambonin'ilay soavaly fotsy dia tsy manana anarana iray. Mety mampiasa titra roa na telo izy, hitanareo, saingy tsy manana anarana iray.

289 Fa Kristy dia manana Anarana iray! Inona izany? Ny Tenin'Andriamanitra. Izany no izy. "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra. Ary ny Teny, dia tonga nofo." Hitanareo? Tsy manana anarana ilay mpitaingin-tsoavaly, fa Kristy dia antsoina hoe "Ny Tenin'Andriamanitra." Izany no maha-izy Azy. Izany no iantsoana Azy. Ankehitriny dia manana Anarana iray Izy izay tsy misy olona mahafantatra; saingy Izy dia antsoina hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra."

Ity zalahy ity dia tsy nantsoina na inona na inona, hitanareo, saingy eo ambonin'ny soavaly fotsy iray izy.

290 Ilay mpitaingin-tsoavaly dia tsy manana zana-tsipìka ho an'ny tsipìkany. Efa voamarikareo ve? Nanana tsipìka iray izy, saingy tsy nisy na inona na inona voalaza mikasika ny fananana zana-tsipìka, noho izany dia tsy maintsy ho mpamitaka iray izy. Marina. Angamba manana kotrokorana betsaka izy, fa tsy misy tselatra. Fa hitanareo, Kristy dia nanana tselatra sy kotrokorana, satria Sabatra maranitra roa lela no mivoaka avy ao amin'ny Vavany, ary mamely an'ireo firenena miaraka amin'Izany Izy. Ity zalahy ity dia tsy afaka mamely na inona na inona, hitanareo, fa milalao ny anjaran'ny mpihatsaravelatsihy iray izy. Mandroso izy, mitaingina eo ambonin'ny soavaly fotsy iray, mivoaka mba handresy.

291 Kristy dia manana Sabatra maranitra iray, ary, diniho, avy ao amin'ny Vavany Izany. Ny Teny velona, izany hoe, ny Tenin'Andriamanitra voambara amin'ireo Mpanompony. Tahaka ny Nolazainy tamin'i Mosesy hoe, "Mandehana, mitsangàna eo, ary hazòny io tsora-kazo io any; miantsoa lalitra," dia nisy ny lalitra. Azo antoka. Na inona na inona nolazainy, dia Izy no nanao an'izany; ary niseho izany, Ny Teniny velona. Andriamanitra sy Ny Teniny dia ilay Olona iray ihany. Andriamanitra dia ny Teny.

292 Iza ity mpitaingin-tsoavaly mahagaga an'ny taom-piangonana voalohany ity arak'izany? Iza izy? Ndao isika hieritreritra an'izany. Iza ity mpitaingin-tsoavaly mahagaga izay manomboka mivoaka ao amin'ny taom-piangonana voalohany ity ary manohy mitaingina hatrany amin'ny Mandrakizay mihitsy, mandeha hatrany amin'ny farany?

293 Mivoaka ny Tombokase Faharoa ary mandeha manohy hatrany amin'ny farany mihitsy. Mivoaka ny Tombokase Fahatelo ary mandeha manohy hatrany amin'ny farany mihitsy. Fahefatra, Fahadimy, Fahenina, Fahafito, ny tsirairay avy amin'izy ireo, dia tonga eto amin'ny farany mihitsy. Ary amin'ny andro farany, ireo Boky izay nihorona nandritr'io fotoana rehetra io, niaraka tamin'ireto zava-miafina ao anatiny ireto, novahana Izany. Noho izany dia mivoaka ireo zava-miafina, mba hahitana hoe inona izany. Fa, marina tokoa, nanomboka nivoaka tao amin'ilay taom-piangonana voalohany izy ireo, satria ilay fiangonana, taom-piangonana voalohany, dia nandray ny Hafatra tahaka an'Ity. [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

294 "Nivoaka ny mpitaingina soavaly fotsy iray." Hitanareo? Iza izy? Izy dia mahery ao amin'ny heriny mandresy. Izy dia lehilahy malaza iray ao amin'ny heriny mandresy. Tianareo ve ny hitenenako aminareo hoe iza izy? Izy no antikristy. Izany marina tokoa izy. Ankehitriny, satria, hitanareo, raha antikristy iray;

Jesosy no nilaza, fa, “Tena hifanakaiky ireo anankiroa hany ka hamitaka an’ilay tena Voafidy (ny Ampakarina) izany raha azo natao.” Antikristy, izany no fanahin’ny antikristy.

295 Tsarovy, tao amin’ireo taom-piangonana, rehefa nanokatra an’ilay taom-piangonana voalohany isika teto, dia hitantsika fa ny Fanahy Masina dia nanohitra zavatra anankiray izay natombok’izy ireo tao amin’io taom-piangonana io, ary izany dia nantsoina hoe “ireo asan’ny Nikolaita.” Tsaroanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, “Amena.”—Mpand.] *Niko* dia midika hoe “mandresy.” *Laisma* dia midika hoe “ny fiangonana,” ny laisma. *Niko-laita,* “mandresy ny laisma.” “Mamoaka ny Fanahy Masina avy ao amin’ilay fiangonana ary manolotra Azy rehetra ho an’ny lehilahy masina anankiray. Aoka izy no ho sefon’io rehetra io.” Efa nandalovanareo izany, hitanareo, Nikolaita. Mariho, Nikolaita dia “fi—fitenenana iray,” ao anatin’ny fiangonana anankiray. Izany dia lasa “foto-pampianarana iray,” ao amin’ilay taom-piangonana manaraka. Ary ao amin’ilay taom-piangonana fahatelo, izany dia “fanerena iray,” ary nanana an’ilay Fivoriamben’i Nise izy ireo. Ary tamin’izany no nanaovan’izy ireo fo—foto-pampianarana iray tao amin’ny fiangonana iray. Ary inona no zavatra voalohany nitranga? Rafi-pandaminana iray avy amin’izany! Ankehitriny, marina ve izany? [“Amena.”]

296 Teneno amiko hoe avy taiza ny fiangonana voarafitra voalohany. Fiangonana Katolika Romana! Teneno amiko raha tsy milaza ny Apokalypsy, ao amin’ny Bokin’ny Apokalypsy 17, hoe, “Janga iray izy, ary ireo zananivavy dia mpijangajanga.” Izany ilay zavatra iray ihany izay voarafitra miaraka aminy, “mpijangajanga.” “Maka ny fahavetavetana, fahalotoan’ny fijangajangany, ho foto-pampianarana.” “Mampianatra ho Foto-pampianarana an’ireo didin’olona.” Mariho.

297 Jereo, mivoaka mba handresy izy. Mariho, tsy nanana satroboninahitra izy. Ilay mpitaingina soavaly fotsy, no resahako eto. Hitanareo? “Tsipìka iray; sy satroboninahitra iray no nomena azy, taorian’izany.” Hitanareo? Tsy nanana satroboninahitra izy, teo am-panombohana, fa nomena satroboninahitra izy. Mariho, taty aoriana dia nomena satroboninahitra iray izy, hia, telo amin’izy ireo, telo eo amin’ny anankiray. Telonjato taona taty aoriana izany, tao amin’ny Fivoriamben’i Nise. Rehefa nivoaka izy, fanahin’ny Nikolaita iray, mba hanao rafi-pandaminana iray eo anivon’ny olona. Ary avy eo dia nitohy izany, nanohy, nanohy, lasa “fitenenana iray,” avy eo izany dia lasa “foto-pampianarana iray.”

298 Tsaroanareo, Kristy namaly an’ilay fiangonana, nanao hoe, “Halanao ireo asan’ny Nikolaita, izay Halako, ihany koa.” Miezaka ny handresy, mitondra ny Fanahy Masina hoe anankiray fotsiny ihany no lehilahy masina; afaka mamela ny fahotana rehetra sy ny sisa izy.

299 Ary vao avy novakiantsika izany teo, Paoly no niresaka ny amin'izany. Hipetraka io zavatra io amin'ny andro farany. Ary tsy afaka ho voambara izy alohan'ny andro farany. "Noho izany, Izy izay mihazona, no hanaisotra ny Fanahin'Andriamanitra avy eo; ary amin'izay fotoana izay dia hanambara ny tenany izy."

300 Androany dia eo ambanin'ny fanovan'endrika amin'ny soavaly fotsy iray izy. Diniho hoe ahoana no iovany avy amin'io soavaly fotsy io, afaka minitra vitsy. Tsy lasa soavaly fotsy iray fotsiny izy; lasa bibidia iray miaraka amin'ny loha sy tandroka maro izy. Hitanareo? Hitanareo? Ilay soavaly fotsy, dia mpamitaka izy ankehitriny, ary izany no antony tsy nahafantaran'ny olona azy nandritr'io fotoana rehetra io. Nieritreritra an'izany izy ireo. Fa eto izany ankehitriny, ho voambaran'ny Soratra izany. Mariho.

301 Fa ny Nikolaita, hitanareo, antikristy, amin'ny farany dia miditra ao anatin'ny lehilahy iray izy, amin'izay fotoana izay izy no voaisy satroboninahitra. Rehefa nanomboka izy, toy ny fanahy Nikolaita iray tao amin'ilay fiangonana, fanahy iray izy. Tsy afaka manisy satroboninahitra fanahy iray ianareo. Fa telonjato taona taty aoriana, dia lasa papa iray izy, ary tamin'izay fotoana izay no nanisian'izy ireo azy satroboninahitra. Tsy nanana satroboninahitra izy, teo ampanombohana. Fa nahazo satroboninahitra izy, taty aoriana, hitanareo, rehefa lasa tafatsofoka io fanahy io. Hitanareo? Lasa olona iray izy. Foto-pampianarana Nikolaita lasa olona iray, amin'izay fotoana izay vao afaka nanisy satroboninahitra azy izy ireo. Tsy afaka nanao an'izany izy ireo, satria, foto-pampianarana iray fotsiny izy.

302 Voninahitra! Mariho! Ary rehefa lasa tafatsofoka ao amintsika io Fanahy Masina izay ananantsika io, ilay Anankiray izay eo afovoantsika ankehitriny ao amin'ny endriky ny Fanahy Masina, no lasa tafatsofoka ao amintsika, ao amin'i Jesosy Kristy Olona, dia hanisy satroboninahitra Azy isika ho Mpanjakan'ny mpanjaka. Marina izany. Hitanareo?

303 Ankehitriny, tsarovy, saiky ny fotoana izay nahatongavan'i Kristy teo amin'ny Seza fiandrianana, no nahatongavan'ilay antikristy teo amin'ny seza fiandrianana, Jodasy. Saiky ny fotoana izay nialan'i Kristy teto an-tany, no nialan'i Jodasy teto an-tany. Saiky ny fotoana izay niverenan'ny Fanahy Masina mihitsy, no niverenan'ilay antikristy.

304 Fantatrareo, nilaza i Jaona eto hoe, "Rankizy madinika, tsy tiako ianareo tsy hahalala, fantatrareo, ny mikasika ny antikristy, izay efa tonga sahady ary miasa ao amin'ireo zanaky ny tsi-fankatoavana." Ilay antikristy tamin'izany, teo izy, nanomboka nanamboatra ny fanahin'ny Nikolaita tany, mba hanao rafi-pandaminana iray.

305 Tsy mahagaga raha nankahala an'io zavatra io aho! Hitanareo? Hitanareo? Eo ianareo izao. Tsy izaho izany; izany dia Zavatra iray ato anatiny ato. Izany ilay zavatra. Mivoaka izy. Hitanareo ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary efa nihodinkodina teo akaikin'izany tanteraka aho. Tsy afaka nahita an'izany aho hatramin'izao. Ary fantatro izany ankehitriny. Io ilay izy. Io fanahin'ny Nikolaita io, no halan'Andriamanitra.

306 Ary ankehitriny dia lasa tafatsofoka io fanahy io, ka nanisy satroboninahitra azy izy ireo. Ary indro eto mihitsy izany, izay nolazain'ny Baiboly fa hanaovan'izy ireo an'izany. Tanteraka izany. Oh, oadray! Tafatsofoka! Lasa olona iray izy, ary tamin'izay fotoana izay no nanisian'izy ireo azy satroboninahitra.

307 Vakio, mariho! Na, vakio, raha ny marina, ahoana no lazain'i Daniela fa hifehy ny fanjakan'ny fiangonana izy. Tianareo ve ny hamaky an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manana fotoana hanaovana an'izany isika, sa tsy izany? ["Amena."] Eny àry. Henoy. Ndao isika hiverina amin'i Daniela, vetivety fotsiny. Mamadiha ao amin'ny Bokin'i Daniela, ary hamaky vetivety fotsiny isika. Ary isika angamba tsy hanana afa-tsy dimy ambin'ny folo, roapolo minitra, na telopolo, na zavatra tahaka an'izany. Mety tsara ve? ["Amena."]

308 Ndao alaintsika Daniela, ny toko faha-11, ary ndao alaintsika ny andininy faha-21. Eto i Daniela, Daniela miresaka ankehitriny hoe ahoana no hifehezan'ity lehilahy ity.

> *Ary ao amin'ny* fanjakany *dia hitsangana ny olona famingavinga iray,* (Roma, no resahina), *izay tsy homena ny voninahitry ny fanjakana:* (diniho ankehitriny) *fa izy dia hiditra amin'ny* filaminana iray*. . .hiditra amin'ny* filaminana, *ka hahazo ny fanjakana amin'ny hafetsena.*

309 Izany marina tokoa no nataony! Izany no nolazain'i Daniela fa hataon'ity antikristy ity. Hanaraka tsara ny toeran'ny olona izy. Eny, izany dia hifanaraka tsara amin'ny—ny fironany ho an'izao andro izao, ho an'ireo fiangonana. Satria, ao amin'ity taom-piangonana ity, dia tsy mila ny Teny izy ireo, Kristy, fa mila fiangonana. Ny zavatra voalohany, dia tsy manontany anareo izy ireo raha Kristiana iray ianareo. "Fiangonana inona no ikambananareo? Fiangonana inona?" Tsy mila an'i Kristy izy ireo, ny Teny. Mandehana ianareo, teneno amin'izy ireo ny mikasika ny Teny ary ahoana no hahitsiana, tsy mila an'Izany izy ireo. Mila zavatra izy ireo, miaina fotsiny amin'ny fomba rehetra izay tian'izy ireo iainana, nefa mbola mikambana amin'ny fiangonana foana ary mihazona ny fanambarany. Hitanareo? Hitanareo? Noho izany, mety amin'ilay fironana marina tokoa izy. Ary, tsarovy, farany izy dia nantsoina hoe "izy," ao amin'ny

Baiboly, ary mpijangajanga iray izy ary nanana zanakavavy. Mety tsara mihitsy amin'ny fitakian'ilay andro, izay tian'ny olona. Io ilay izy.

310 Andriamanitra no nampanantena an'izany. Rehefa lavina ny Teny, amin'izay fotoana izay dia mitodika mankany amin'ny faniriany izy ireo. Ndao isika hamaky ny Tesaloniana indray. Ndao. . . Tiako ianareo handinika eto iray minitra fotsiny. Hia, eny, novakiantsika izany, vao teo. Tesaloniana Faharoa 2:9-11. Izao no voalaza fa hataon'izy ireo. "Mihodina, mandà ny Fahamarinana, dia hampanaterana fahadisoan-kevitra iray izy ireo, ary hino ny lainga ka ho voaheloka amin'izany." Ankehitriny izany no—no nolazain'ny Fanahy Masina.

311 Ankehitriny, tsy izany ve no fanirian'ny fiangonana amin'izao andro izao? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Manandrama miteny amin'ny olona fa izy ireo dia tokony hanao an'*ity, itsy,* na ny *hafa,* fa hampahafantarin'izy ireo anareo haingana mihitsy fa Metodista izy ireo, Presbyterana, na inona koa, izy ireo "dia tsy mila mivoy ao anatin'ny lakanareo." Hitanareo? Izany tokoa. Izany no ilain'izy ireo.

312 Ary hoy Andriamanitra hoe, "Raha izany no ilain'izy ireo, dia Havelako hahazo an'izany fotsiny izy ireo. Ary hanao azy ireo hino tokoa Aho fa izany no Fahamarinana, satria hanome azy ireo fahadisoan-kevitra iray Aho mikasika ny Fahamarinana." Jereo eto ankehitriny izay lazain'ny Baiboly, ihany koa, "Tahaka ny nanoheran'i Jana sy Jambra an'i Mosesy, dia ho toy izany koa ireo zalahy ireo amin'ny andro farany, miaraka amin'ny fahadisoan-kevitra iray mikasika ny Fahamarinana; ary hamadika ny fahasoavan'Andriamanitsika ho fahazoan-javatra, mandà ny Tompo Andriamanitra."

313 Ankehitriny dia hitanareo hoe aiza no misy an'ilay izy; tsy ny Katolika irery ihany, fa ny Protestanta. Ilay zavatra manontolo izany. Izany ilay izao tontolo rehetra izao voarafitra. Izany io mpitaingina soavaly fotsy io, eo ambanin'ilay—ilay ivelan'ny—an'ny—ny—ny (fotsy) fahamarinana, fiangonana, hitanareo, saingy antikristy iray. Tsy maintsy mitovitovy ilay izy. Eo ambonin'ny soavaly iray, mihitsy aza, tahaka an'i Kristy mihitsy izay tonga eo ambonin'ny soavaly iray. Hitanareo? Oh, anti, tena mifanakaiky ka hamitaka an'ilay tena Voafidy izany! Ary indro izy. Izy no antikristy.

314 Nanomboka nitaingina izy tao amin'ny taom-piangonana voalohany. Ankehitriny dia manohy mitaingina izy, manohy manerana ny taona rehetra. Diniho izy ankehitriny. Hoy ianareo hoe, "Tany aoriana tany, tany aoriana tany tamin'ny andron'ny apostoly ve?" Izy dia nantsoina hoe "Nikolaita" tany. Avy eo, ilay taom-piangonana manaraka, avy eo izy dia lasa "foto-pampianarana iray" tao amin'ilay fiangonana. Voalohany, izy

fotsiny dia “fitenenana iray,” avy eo izy dia lasa “foto-pampianarana iray.”

315 Ireo olona mianjaika, malaza, tsara akanjo, tena nampianarina, mamiratra, dia tsy nila an’io fahataitairana rehetra io ao anatin’ilay fiangonana. Tsia, izy ireo, “Dia tsy mila an’io karazana Fanahy Masina rehetra io. Tsy maintsy ho fiangonana iray! Ary izahay rehetra dia handeha hankany amin’ny Fivoriamben’i Nise, sy ny sisa, any Roma.” Noho izany rehefa tonga tao izy ireo, dia nalainy ilay fiangonana, ary nalainy ny fanompoan-tsampy, Romana Katolisi- . . . na fanompoan-tsampy, Roma mpanompo sampy, ary finoanoam-poana vitsivitsy. Ary naka an’i—i Astarté, “ilay mpanjakavavin’ny lanitra,” ka namadika an’izany ho Maria, ilay reny. Manao mpanelanelana avy amin’ireo olona maty, sy ny sisa. Ary naka an’io hostia kosher boribory io, izay mbola mipetraka boribory any foana, ary miantso an’izany ho ny vatan’i Kristy, “satria izany no maneho an’ilay renin’ny lanitra.” Ary mandalo ny Katolika, ka manao mariky ny hazo fijaliana amin’ny tenany. Satria, ireo jiro izay mirehitra ao anatiny ao, dia natao ho ilay kosher izay navadika ho Andriamanitra, tamin’ny alàlan’ny fahefan’ilay pretra. Nefa, tsy misy marina afa-tsy fanompoan-tsampy mazava fotsiny. Hitanareo? Marina izany.

316 Tsy azoko fotsiny. Eny, eny, azoko. Eny, azoko. Eny, tompoko! Azoko ilay izy, nohon’ny fahasoavan’Andriamanitra. Azo antoka.

317 Mariho ankehitriny. Oh, oadray, ahoana no ahafahan’izy ireo manao an’izany! Hitanareo? Ary nomena azy ireo ny faniriany. Tsia, marina izany, tsy voatery hanao an’Izany ianareo. Tsia, tompoko. Raha tsy te-hanao an’Izany ianareo, dia tsy terena hanao an’Izany. Raha tsy te-hifanitsy amin’ny fomba fiainan’Andriamanitra sy ny sisa ianareo, sy manompo, dia tsy voatery hanao an’Izany. Andriamanitra tsy manao na iza na iza hanao an’Izany.

318 Fa mamelà ahy hiteny zavatra aminareo. Raha napetraka teo amin’io Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry io ny anaranareo talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao, dia ho faly ianareo hanao an’Izany, tsy afaka miandry an’ilay minitra hanaovana an’Izany ianareo.

319 Jereo eto. Hoy ianareo hoe, “Homeko anao mba hahazoana, tena mpivavaka mihitsy aho!” Eny, mety ho marina izany.

320 Jereo, iza no afaka hilaza fa tsy mpivavaka ireo mpisorona ireo, tamin’ny andron’ny Tompo Jesosy? Iza no afaka hilaza fa tsy mpivavaka ny Isiraely, tany an-efitra? Nefa izy ireo aza dia . . .

“Eny, nitahy ahy imbetsaka Andriamanitra!”

321 Eny, Izy dia nitahy azy ireo, ihany koa. Tsy nila niasa akory aza izy ireo ho an’ny fivelomany. Izy no namahana azy ireo avy

tany an-danitra. Nefa hoy Jesosy hoe, “Izy ireo dia, ny tsirairay avy, very sy vita ary levona.”

322 “Ny razanay,” hoy izy ireo, “nihinana mana tany an-efitra, nandritry ny efapolo taona.”

323 Hoy Jesosy hoe, “Fa izy ireo dia, ny tsirairay avy, maty, nisaraka Mandrakizay.” Hitanareo? Hoy Izy hoe, “Fa Izaho no Mofon’Aina izay avy tamin’Andriamanitra tany An-danitra. Ny olona izay mihinana an’ity Mofo ity, dia tsy ho faty mihitsy izy.” Hitanareo? Izy no Hazon’Aina.

324 Mariho fotsiny hoe ahoana ary oviana no tonga Jesosy. Ireo mpisorona ireo, tonga teo izy ireo, tena mpivavaka. Ry tovolahy, tsy nisy olona afaka nilaza fa tsy lehilahy tsara izy ireo. Oadray! Nandeha teo amin’ny laharan’io lalàna io izy ireo. Ny zavatra rehetra izay nolazain’ny fiangonana, dia nataon’izy ireo izany. Raha tsy nanao izy ireo, dia voatora-bato. Ary noho izany dia tonga Izy. . . Fantatrareo ve hoe inona no niantsoan’i Jesosy azy ireo? Jaona dia niantso azy ireo hoe, “Ianareo andiana bibilava anaty bozaka! Aza mihevitra ianareo, hoe satria mikambana amin’io rafi-pandaminana io, dia manana ny zavatra rehetra hatao amin’Andriamanitra ianareo.” Ary hoy Jesosy hoe, “Ianareo dia avy amin’ny rainareo, ny devoly.” Hoy Izy, “Isaky ny mandefa mpaminany iray Andriamanitra, dia inona no nitranga? Notorahanareo vato izy ary natsipinareo tao anatin’ny fasana. Nefa ankehitriny dia mandeha eo ianareo ka mampangilatra ny fasany.”

325 Tsy izany ve ilay zavatra iray ihany izay nataon’ny Katolika? Jereo i Jeanne d’Arc, sy Masindahy Patrick, ary ny sisa rehetra tamin’izy ireo. Izy ireo no nanao azy ireo tao anatiny tao. Ary avy eo dia nangady ny vatan’i Jeanne d’Arc, ka nanipy an’izany tao anatin’ny renirano, an-jatony taona vitsy taty aoriana. Ary nandoro azy toy ny mpamosavy iray.

326 “Ianareo dia avy amin’ny rainareo, ny devoly, ary ny asany no ataonareo.” Marina tokoa izany. Handeha manerana an’izao tontolo rehetra izao ity. Hitanareo? Marina! Izany no nolazain’i Jesosy.

327 Nefa ianareo dia mihevitra fa mety tsara izy, toa tena tsara, io soavaly fotsy io. Saingy jereo izay azonareo. Izany marina tokoa no mitaingina azy. Ankehitriny, saingy nilaza Izy fa izany no ilain’izy ireo, noho izany dia Homeny fahaverezan-kevitra matanjaka iray izy ireo.

328 Tsarovy, ity mpijangajangan’ny Apokalypsy 17 ity, izy no zava-miafina, “ZAVA-MIAFINA, BABYLONA, ILAY RENIN’NY MPIJANGAJANGA.” Ary gaga indrindra ny aminy i Jaona. Ity lehilahy ity dia tena toy ny hoe. . . Jereo, andraso, ho tonga eto isika ka handinika azy mandinika an’ity soavaly eto ity. Hitanareo? Fa voamarikareo fa izany dia. . . Ny nitranga dia ity, hoe, “Gaga indrindra ny aminy

tamin'ny fahagagana lehibe izy." Fa ilay zava-miafina dia, hoe, "mamon'ny ràn'ireo maritioran'i Kristy izy." Fiangonana iray tsara tarehy no nipetraka teo, nihaingo volomparasy sy volamena, "Ary nanana kapoaka iray izy teny an-tànany, an'ny loton'ny fijangajangany."

329 Inona ny fijangajangana? Izany dia fiainana tsy marina. Izany no foto-pampianarany izay zarainy. Maka ny Tenin'Andriamanitra ka manao an'Izany ho tsy misy fiantraikany, amin'ny karazana "Arahaba ry Maria," ary io karazan-javatra rehetra io, ka mizara an'izany. "Ary ireo mpanjakan'ny tany rehetra dia nijangajanga taminy."

"Eny," hoy ianareo, "ny fiangonana Katolika izany."

330 Saingy izy no "renin'ny mpijangajanga," hitanareo, ilay zavatra iray ihany izay naha-izy azy. Eo ianareo izao.

331 Inona no nitranga? Rehefa maty ilay mpanavao ka maty ny hafany, ianareo dia ni-. . . Narafitrareo izany, ary nametraka andiana "Rickys" tao anatiny tao, ka nanomboka niverina avy hatrany mba hiaina amin'ny fomba izay tianareo niainana. Tsy te-hijanona amin'ny Teny ianareo. Raha tokony hanohy handroso avy hatrany niaraka tamin'ny Teny, dia nijanona teo izy ireo, "*Izany* dia Ity." Hah! Aza manao an'izany ianareo.

Izy, dia Ity, hitanareo, Izy Eto ambony eto!

332 Mariho, izany no zavatra anankiray. Te-hikasika toerana vitsivitsy amboniny fotsiny isika alohan'ny hamaranana.

333 Izy no andriana izay tsy maintsy handrava; ny vahoakan'i Daniela. Mino an'izany ve ianareo? Ankehitriny dia hanao an'ity aho, raha hanampy ahy fotsiny ianareo ka hiaritra miaraka amiko minitra vitsy, izaho dia—hanao azy haingana fotsiny arak'izay vitako aho. Fa te-hanao azy pozitifa aho, satria aho . . . ny Fanahy Masina no nanome ahy an'Ity, azo antoka mihitsy tahaka ny itsanganako eto. Hitanareo? Hitanareo?

334 Jereo ankehitriny, ndao alaintsika, hiverina amin'i Daniela indray, iray minitra fotsiny. Te-hamaky zavatra iray ho anareo aho, izay . . . Raha tsy miverina ianareo, dia mety tsara izany. Te-hamaky ny Daniela 9 aho, Daniela 9. Ary tiako ny hamaky ny andininy faha-26 sy faha-27-n'ny Daniela 9. Ary, diniho, raha izy no anankiray tsy maintsy handrava ny vahoakan'i Daniela, izay hataony.

> *Ary afaka roa amby enimpolo herinandro dia hovonoina ny Mesia, . . .*

335 Hitanareo, izany ireo roa amby enimpolo herinandro ka hovonoina Izy, avy amin'ireo fitopolo herinandro.

> *. . . ary tsy hanana:* fa ho *an'ny vahoaka* sy *ny andriana* (izany ilay laharam-boninahitra eto) *izay ho avy* (izay *ho* avy) *dia handrava ny tanàna sy . . . toera-masina; ary*

*ny farany dia hiaraka amin'ny tondra-drano* lehibe, *ary amin'ny faran'ny ady dia ireo fandravana no voatendry.*

336 Te-hanontany zavatra aminareo olona aho. Rehefa avy nesorina niala teto an-tany Kristy, tao amin'ireo telo taona sy tapany an'ny Asam-panompoany, dia inona no nandrava ny tempoly? Iza no nandrava azy? Roma! Azo antoka. Constantin na, tsia, mamelà ahy, Titus, ilay jeneraly Romana, izy no nandrava an'ilay andriana. Mariho ankehitriny.

Diniho ity, ry sakaiza. Nidina tany mihitsy, io rindrina io.

337 Rehefa teraka Jesosy, dia nitsangana teo akaikin'ilay vehivavy ny dragona mena tany an-danitra, mba hihinana ny Zanany vantany vao teraka Izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Iza io, izay niezaka hihinana an'ilay Zaza rehefa teraka Izy? ["Roma."] Roma. Hitanareo? Io ilay dragona mena. Io ilay andriananareo. Io ilay bibidianareo. Hitanareo? Ireo izy ireo, ny tsirairay avy amin'izy ireo, mitovy mihitsy, hitanareo, "mihinana an'ilay Zaza." Nakarin'Andriamanitra tany An-danitra Izy ary napetrany teo amin'Ny Seza fiandrianany. Any no misy an'i Kristy ankehitriny hatramin'ilay fotoana voatendry. Hitanareo? Ankehitriny, diniho izay hataony.

338 Ankehitriny, oh, ankehitriny, mino aho fa efa niresaka tamin'ny olona iray eto aho. Mety ho Rahalahy Roberson ilay izy androany, na olona iray izay niresahako, mikasika an'ity; tsy mikasika an'ity eto ity, fa teo amin'ilay zavatra iray ihany fotsiny. Mino aho fa efa nitory teo amin'izany aho teto, tsy ela loatra, izay hitranga amin'ity Etazonia ity, eo amin'ity resaka ara-bola ity. Hitanareo? Eny, isika ankehitriny dia mandoa ny trosantsika eo amin'ny hetra izay haloa afaka efapolo taona manomboka androany. Izany dia hoe any aoriana lavitra toy ny ahoana isika. Efa mba nandefa ny KAIR any ve ianareo, na Lifeline, ka nihaino an'izany, hitanareo, avy any Washington? Nahoana, vita tanteraka ny amintsika. Izay ihany.

339 Inona ilay olana? Voaangona ny volamena rehetra, ka ireo Jiosy no mihazona ny taratasin-trosa. Ho i Roma izany. Diniho ankehitriny. Fantatsika hoe iza no tompon'ireo magazay fitehirizana goavana, fa i Roma no manana ny ampahany lehibe indrindra amin'ny harenan'izao tontolo izao. Ny sisa amin'izany, dia ireo Jiosy no manana azy. Diniho ity ankehitriny. Ankehitriny dia henoy fotsiny ity, ahoana no nitondran'ny Fanahy Masina an'ity ho ahy.

*Ary hanorina fanekena ho herinandro amin'ny maro izy:* (diniho ankehitriny) *ary eo afovoan'ny herinandro dia hanao ny fanatitra sy ireo* fanerena *hitsahatra izy, . . .fa amin'ny faratampon'ny* fahavetavetana *no hanaovan'ilay mpandrava an'izany, ka* hatramin'*ny*

*fahafonganana mihitsy aza, ary izay voatendry dia haidina* eo *amin'ny mpandrava.*

340 Diniho! Oh, zavatra fetsy iray toy ny inona izy! Io izy. Ankehitriny, azontsika ny sarintsika ka fantatsika fa Roma izy. Fantatsika fa izy no ilay mpitaingina soavaly fotsy. Fantatsika fa nivoaka amin'ny maha-foto-pampianarana iray izy. Ary avy eo dia inona i Roma mpanompo sampy? Niova ho Roma papaly, ary voaisy satroboninahitra.

341 Diniho ankehitriny, "Amin'ny andro farany." Tsy tamin'ireo andro voalohany izay nitorian'i Kristy, fa, "amin'ny andro farany," ny ampahany farany an'ilay herinandro, izay vao avy nandraisantsika an'ireo fitopolo herinandron'i Daniela. Ary Kristy dia naminany nandritry ny telo taona sy tapany, fa mbola misy telo taona sy tapany voatendry. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary ity andriana ity amin'io fotoana io dia tsy maintsy hanao fanekena iray amin'ny vahoakan'i Daniela, dia ireo Jiosy.

Izany dia rehefa nesorina ny Ampakarina ankehitriny. Tsy hahita an'izany Izy.

342 Mariho, amin'ny tapany farany an'ny herinandron'i Daniela, dia manao fanekena iray ilay vahoaka. Manao fanekena iray amin'i Roma ity andriana ity, manao fanekena iray amin'izy ireo, tsy isalasalana fa nohon'ny harena, satria ny Katolika sy ny Jiosy no mihazona ny harenan'izao tontolo izao.

343 Tany Vatican aho. Hitako ilay satroboninahitra telo sosona. Natao hahazo fifampiresahana iray tamin'ilay papa aho; Baron von Blomberg no nahazo an'izany ho ahy, teo amin'ny. . . ho an'ny Alarobia tolakandro iray tamin'ny telo ora.

344 Ary rehefa nitondra ahy nankeo amin'ilay mpanjaka izy ireo, dia ningain'izy ireo ny morotongotry ny patalohako. Mety tsara izany. Niteny tamiko tsy hanatodika ny lamosiko mihitsy, rehefa miala eo aminy aho. Mety tsara izany.

Fa hoy aho hoe, "Inona no tokony hataoko eo anoloan'io zalahy io?"

345 Hoy izy, "Eny, miditra fotsiny ianao ka mandohalika amin'ny lohalika iray ary manoroka ny rantsan-tànany."

346 Hoy aho hoe, "Tsy izy izany. Tsy izy izany. Tsia, tompoko." Hoy aho hoe, "Izaho dia—hiantso lehilahy iray ho rahalahy aho izay te-ho rahalahy iray. Hiantso azy reverà aho, raha tiany ny hahazo an'izany titra izany. Fa, ny hanompo lehilahy iray, an'i Jesosy Kristy izany rehetra izany." Hitanareo? Tsia. Tsia, tompoko. Tsy hanoroka tànan-dehilahy tahaka an'izany aho. Tsia, tokoa. Noho izany, tsy nanao an'izany aho.

347 Fa afaka nandeha nitety ny Vatican rehetra aho. Nahoana, tsy afaka mividy an'izany amin'ny zato lavitrisa lavitrisa dolara ianareo. Eny, ianareo dia. . . Ary eritrereto fotsiny, "Ny

harenan'izao tontolo izao," hoy ny Baiboly, "dia hita tao aminy." Oh, eritrereto fotsiny ireo toerana lehibe, an-davitrisany . . .

348 Nahoana no nitsangana tany Rosia ny kominisma? Mankarary ny kiboko fotsiny ilay izy, ny mandre mpitory teny maro mihiakiaka mikasika ny kominisma, nefa tsy fantatr'izy ireo akory aza izay ihorakorahany. Marina izany. Tsinontsinona ny kominisma. Fitaovana iray eo an-tànan'Andriamanitra izy, mba hanao valifaty eto ambonin'ny tany, nohon'ny ràn'ireo olo-masina. Marina izany.

349 Ary aorian'ny hitondrana an'ilay Fiangonana, Roma sy—sy ireo Jiosy dia hifanao fanekena. Ny Baiboly no nilaza fa hanao izy ireo, miaraka amin'ilay vahoaka masina. Ary mariho ankehitriny, hanao an'izany izy ireo satria (nahoana?) ho vita tanteraka ity firenena ity. Ary ny sisa amin'izao tontolo izao izay miankina amin'ny lanja ara-bolamena dia vita tanteraka. Fantatrareo izany. Raha miaina amin'ireo hetra isika, ireo faktiora haloa, mandritry ny efapolo taona manomboka izao, dia aiza no misy antsika?

350 Zavatra anankiray ihany no mety hitranga, izany dia, misintona ny vola mihodina ary mandoa an'ireo taratasin-trosa. Fa tsy afaka manao an'izany isika. Wall Street no tompon'izy ireo, ary Wall Street dia fehezin'ireo Jiosy. Ny sisa amin'izany dia ao Vatican. Ary ireo Jiosy no nanana ny sisa amin'izany ao Wall Street, miaraka amin'ny varotra an'izao tontolo izao. Tsy afaka misintona an'izany isika.

351 Ary raha afaka nanao an'izany izy ireo, dia mihevitra ve ianareo. . .Ireo zalahin'ny whisky ireo ary—ary ireo olon'ny paraky rehetra ireo, izay, an-davitrisa lavitrisa dolara isan-taona, ka manoratra an'ireo hetra miditra ho an'ireo horonan-tsary ratsy sy ireo zavatra tahaka an'izany. Ary mandeha any Arizona any, ka mividy tany an-tapitrisany ara, na an'arivony, ka mangady an'ireo fantsakana goavana ireo, ary dimy alina dolara, ka mandoa an'izany avy amin'ny hetra miditra. Nefa hametraka anareo ao am-ponja izy ireo raha tsy mandoa ny anareo ianareo. Fa manoratra an'izany izy ireo, ary manao fantsakana, sy mandefa bilidozera. Ary inona no ataon'izy ireo? Mametraka tetik'asa fanaovan-trano izy ireo any, amin'ilay fepetra manaraka, miaraka amin'ny volany izay azon'izy ireo. Mandeha manao fampiasam-bola izy ireo. Ary mametraka trano, tetik'asa, any, ary mivarotra azy ireny an-tapitrisany dolara. Mihevitra ve ianareo fa hanao marimaritra iraisana ireo zalahy ireo, hanova ny vola mihodina?

352 Tahaka an'ity lehilahy eto ity tao. . .Iza moa no anarany? Nataon'i Castro. Nanao an'ilay zavatra hendry fotsiny izay hany nataony izy, tamin'izay, rehefa namotika an'ireo taratasin-trosa, nandoa azy ireo ary namotika an'izany.

353 Mariho, fa tsy afaka manao an'izany isika. Tsy hamela an'izany ireo zalahy ireo. Ireo mpivarotra manan-karena eto antany no mihazona an'izany.

354 Ary noho izany dia zavatra anankiray ihany no atao. Ny fiangonana Katolika no afaka mandoa an'izany. Izy no hany tokana izay manana ny vola. Ary izy no afaka manao an'izany, ary hataony izany. Ary eo am-panaovana an'io, mba hahavitana an'izany, dia hanao marimaritra iraisana amin'ireo Jiosy izy, hanao fanekena iray. Ary rehefa manao an'io fanekena miaraka amin'ireo Jiosy io izy . . . Ankehitriny, tsarovy, maka an'izany avy ao amin'ny Soratra aho. Ary ankehitriny, rehefa manao an'io izy, ary manao an'io fanekena io, mahamarika isika, ao amin'ny Daniela 8:23 sy 25 hoe, "hanao ny hafetsena ho hambinina izy," ary ny hafetsena dia *manao ozinina,* "eo an-tànany." Ary manao an'io fanekena io miaraka amin'ireo Jiosy izy.

355 Ary, eo afovoan'io, telo taona sy tapany, dia tapahany ny fanekeny, vantany vao voalaminy ilay zavatra, ary voafatony ny volan'ireo Jiosy. Ary rehefa manao an'izany izy . . . Oh, oadray! Oh, oadray!

356 Antsoina hoe ny antikristy izy hatramin'ny faran'ilay taompiangonana, satria izy no . . . izy sy ireo zanany dia manohitra an'i Kristy sy ny Teny. Io lehilahy io dia antsoina hoe ny antikristy.

357 Ankehitriny, dia hihazona ny vola izy. Ary eo no heveriko fa hidirany. Iray minitra fotsiny, fa milaza an'ity aho, avy eo aho dia te-hiverina amin'izany afaka iray minitra.

358 Antsoina hoe ny antikristy izy, ary ho antsoina hoe ny antikristy, eo imason'Andriamanitra, hatramin'ny andro farany. Ankehitriny, fa amin'io fotoana io izy dia hantsoina zavatra hafa iray.

359 Ankehitriny, rehefa azony eo ambanin'ny fifehezana ny vola rehetra, "Amin'izay fotoana izay dia ho tapahany io fanekena niaraka tamin'ireo Jiosy io," araka ny nolazain'i Daniela eto fa hataony izany, "eo afovoan'ilay tapany farany an'ny fitopolo herinandro," an'i Daniela. Ary amin'izay fotoana izay, rahalahy, dia inona no hataony? Izy no hanana ny fifanakalozana sy ny varotra rehetra maneran-tany, fifanekena iray miaraka amin'izao tontolo izao, satria izy no hihazona ny harenan'izao tontolo izao, manontolo. Ary mandritr'io fotoana io, dia hiditra eo amin'ny sehatra ireo mpaminany roa ireo ka hiantso an'ilay efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Amin'izay fotoana izay dia inona no hiseho? Amin'izay fotoana izay ny mariky ny bibidia, an'ny Apokalypsy 13, no hapetraka, satria izy no mihazona ny varotra rehetra, fifanakalozana, ary ny zavatra rehetra an'izao tontolo izao. Ary inona no hiseho amin'izay fotoana izay? Hiditra ny mariky ny bibidia, hoe, "Tsy misy olona afaka mividy na mivarotra, raha tsy manana an'ilay mariky

ny bibidia izy." [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

360 Isaorana Andriamanitra, hifaly amin'ny telo taona sy tapany lehibe iray any amin'ny Voninahitra ilay Fiangonana, tsy hila handalo amin'izany.

361 Mariho ankehitriny, amin'ny andro farany, amin'ny fiafaran'ireo taom-piangonana ankehitriny, izy dia antsoina . . . Izy sy ireo zanany dia antsoina hoe ny antikristy, satria ny zavatra rehetra izay manohitra an'i Kristy dia anti-Kristy. Ary ny zavatra rehetra izay manohitra ny Teny dia manohitra an'i Kristy, satria Kristy no Teny. Ankehitriny dia antikristy izy.

362 Avy eo, ao amin'ny Apokalypsy 12:7-9, rehefa voaroaka i Satana, ilay mpiampanga. Raiso naoty izany, satria tiako ianareo hamaky an'izany. Tsy manam-potoana isika ankehitriny; izao dia efa saiky, amin'ny folo latsaka roapolo na dimy ambin'ny folo, hitanareo. Fa ao amin'ny Apokalypsy 12:7-9, "Satana," ilay fanahy, "ny devoly," izay any ambony any ankehitriny dia, "mpiampanga ny rahalahintsika." Eny àry.

363 Akarina ilay Fiangonana, ary voaroaka i Satana. Rehefa miakatra ilay Fiangonana, dia midina i Satana, avy eo dia manatsofoka ny tenany ao amin'ilay antikristy i Satana ary dia antsoina hoe "ny bibidia." Avy eo, Apokalypsy 13, dia mametraka an'ilay marika izy. Hitanareo?

364 "Rehefa Ilay mihazona," ankehitriny fotsiny, raha navela eto an-tany ao amin'ny fahadiovany ny Kristianisma, dia noho, "Ilay mihazona."

365 Tsarovy eto ao amin'ny Tesaloniana hoe, "Mipetraka eo an-tempolin'Andriamanitra, miantso ny tenany ho Andriamanitra, mamela an'ireo fahotana eto an-tany." Ary hitohy izany, "ary hitombo ny heloka," sy ny sisa. Satria, tsy ho fantatra izany, tsy mbola, raha tsy maneno ny ora hahavoambara azy.

366 Ary amin'izay fotoana izay dia hakarina ilay Fiangonana. Ary rehefa tafakatra Izy, amin'izay fotoana izay dia manova ny tenany izy avy amin'ny antikristy iray ankehitriny, oh, oadray, "ilay fiangonana, ilay fiangonana lehibe sy io," ankehitriny izy dia lasa "ny bibidia." Ah-hah! Maniry aho ny hahafahako manao ny olona hahita an'izany.

367 Tsarovy ankehitriny, ilay antikristy sy ilay bibidia dia fanahy iray ihany. Io ilay trinite. Eny, tompoko. Izany dia dingana telo an'ilay herin-devoly iray ihany. Tsarovy, Nikolaita, hitanareo, tsy maintsy tafatsofoka izy alohan'ny ahafahany ho voaisy satroboninahitra. Hitanareo? Mariho ity ankehitriny, dingana telo. Ny dingana voalohany, dia antsoina hoe antikristy izy; ny dingana faharoa, dia antsoina hoe mpaminany sandoka izy; ny dingana fahatelo, dia antsoina hoe ny bibidia izy.

368 Mariho, Nikolaita, ny fampianaran'ny antikristy izay nanomboka tamin'ny andron'i Paoly, dia nanohitra ny Tenin'Andriamanitra, antikristy.

369 Avy eo izy dia antsoina, indray, hoe ny mpaminany sandoka. Izany hoe, rehefa lasa lehilahy iray ilay fampianarana, dia mpaminany iray izy ho an'ny fampianaran'ilay laharam-boninahitra, an'ilay—ilay laharam-boninahitry ny fiangonana Katolika. Ilay papa no mpaminany ho an'ilay teny sandoka, ary izany no nanao azy ho mpaminany sandoka iray.

370 Ny dingana fahatelo dia bibidia iray, lehilahy iray izay voaisy satroboninahitra amin'ny andro farany, miaraka amin'ny fahefana rehetra izay hany nananan'i Roma mpanompo sampy. Satria, ilay bibidia nanana loha fito, dragona, dia voaroaka avy tany an-danitra, ary lasa tafatsofoka tao anatin'ny mpaminany sandoka iray. Izay ilay izy, nanana satroboninahitra fito izy, ary voaroaka sy natsipy teto an-tany sy tany amin'ny ranomasina. Eny àry.

371 Inona no lazaintsika? Iza ity mpitaingina ity, ity mpitaingina soavaly ity? Fantatrareo ve hoe inona izy? Izy no olomben'i Satana.

372 Nandeha aho indray hariva, ireo rahalahy roa izay mipetraka ato amin'ity fiangonana ity ankehitriny; Rahalahy Norman, iry aoriana iry, sy, mino aho, sy Rahalahy Fred. Tany izahay mba hihaino lehilahy iray nampianatra mikasika ny antikristy. Lehilahy iray fantatra tsara, iray amin'ny tsara indrindra izay nananan'ny Assemblées de Dieu, ary ny fandikany ny antikristy dia, hoe, "Hisintona karazana vitamina iray izy ireo, avy amin'ny—ny lehilahy iray, ka hamindra an'io fiainana avy amin'io lehilahy io ao anatin'ny sarivongana lehibe iray izay hametraka . . . hitety andian-tanàna iray amin'ny indray mandingana. Ary izany dia . . . " Azonareo eritreretina ve ny lehilahy iray feno ny Fanahy Masina, eo ambanin'ny fahadisoan-kevitra tahaka an'izany, na mihambo ho?

373 Nefa, ity ny Baiboly, milaza hoe iza ilay antikristy. Izany dia tsy . . . Lehilahy iray izany. Mariho, ity mpitaingina ity dia tsy inona fa olomben'i Satana, ny devoly tafatsofoka. Tapi-pahaizana nianatra iray izy. Ankehitriny, manantena aho fa manana ny sofinareo misokatra ianareo. Nitsapa ny iray tamin'ireo zanany izy ireo, vao tsy ela akory izay, teo amin'ny fandaharan'ny televiziona iray, mba hahita raha tsy manan-tsaina kokoa noho ilay lehilahy manaraka izy, mba hirotsaka ho Filoha. Hitanareo? Fa, na ahoana na ahoana, dia manana fahendrena betsaka izy; toy izany koa i Satana. Manandrana mivarotra an'izany izy. Nivarotra an'izany tamin'i Eva izy. Nivarotra an'izany tamintsika izy. Nila olombe iray isika. Manana azy isika. Eny àry. Izao tontolo izao manontolo dia mila olombe iray. Hahazo an'izany izy ireo. Miandrasa

fotsiny mandra-piakatr'ilay Fiangonana, ka voaroaka i Satana; hitsofoka izy. Marina izany. Mila olona iray izay afaka manao an'ilay asa marina tokoa izy ireo. Hataony izany.

374 Nianatra! Io dia ny . . . Olomben'i Satana, miaraka amin'ny fianarana, miaraka amin'ny fahendrena, miaraka amin'ny teolojiam-piangonana avy amin'ny teniny manokana, avy amin'ny ataony manokana. Ary mitaingina ny soavaly fotsin'ny anaram-piangonany izy, mba hamitaka ny olona. Ary handresy ny fivavahana rehetra an'izao tontolo izao izy, satria izy rehetra dia hiditra ao amin'ilay fiombonamben'ny—an'ny . . . ireo fiangonana, sy ny fiombonambe maneran-tanin'ny fiangonana. Ary efa manana ny tranobeny voaorina izy ireo, ary ny zavatra rehetra voapetraka ao amin'ny laharana. Tsy misy zavatra anankiray tavela. Ny anaram-piangonana rehetra dia miraikitra ao anatin'izany, ilay federasion'ny fiangonana. Ary inona no ao ambadik'izany? Roma. Ary miantsoantso ilay papa ankehitriny hoe, "Iray isika rehetra. Ndao isika ho tonga miaraka ary handeha miaraka."

375 Ary ireo olona ireo, na dia ny sasany aminareo olon'ny Full Gospel aza, dia mandà, tsy maintsy handà ny fampianaranareo ara-pilazantsara, mba hanao dingana tahaka an'io. Inona no nataonareo? Tena jamba, tamin'io zavatra ara-anaram-piangonana io, ka nandà ny Fahamarinana ianareo. Ary napetraka teo anoloan'izy ireo ny Fahamarinana, fa izy ireo—nanalavitra an'Izany izy ireo, ary nandao an'Izany. Ary ankehitriny izy ireo dia "nampanaterana fahaverezan-kevitra lehibe, mba hino ny lainga ary ho voaheloka amin'izany." Izany marina tokoa ilay izy.

376 Ary ny antikristy no maka azy rehetra. Ary ny Baiboly no nilaza, fa, "Hamitaka ny rehetra izy," r-e-h-e-t-r-a, "rehetra eo ambonin'ny tavan'ny tany, ireo manana anarana tsy voasoratra eo ambanin'ireo Tombokase ireo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." [Mitehaka ny tànany indray mandeha miaraka Rahalahy Branham—Mpand.] Ham! Ankehitriny, raha ny Baiboly no nilaza fa nataony izany, dia nataony izany.

377 Hoy izy ireo hoe, "Eny, izaho dia mikambana . . . " Eo ianareo izao. Hia. Tena marina tokoa izany. Izany ilay toeran'ny mpivarotena iray ihany. Izany ilay rafitra iray ihany izay nanomboka tany amin'ny voalohany, dia ny antikristy, hatrany.

378 Handre avy amin'izany aho, saingy izany no . . . Izany no Fahamarinana. Miandry aho. Amena.

379 Ankehitriny, mariho, handresy izy. Ary efa saiky manana ny famaharany mihitsy izao ankehitriny izao, raha mbola antikristy foana izy, alohan'ny hahalasa azy ho bibidia. Miresaka ny amin'ny fanasaziana tsy mifaditrovana ve ianareo? Miandrasa fotsiny. [Mandondòna in-efatra ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Diniho izay tsy maintsy hiaretan'ireo

izay tavela eto an-tany. Ah-hah. “Hisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikotroha-nify. Satria ilay dragona, Roma, dia namoaka rano avy amin’ny vavany, mba hanao ady amin’ilay sisa nanamborana avy amin’ny taranaky ny vehivavy, izay tavela eto an-tany rehefa avy nofantenana ny Ampakarina ka nesorina. Ary ilay dragona dia nanao ady tamin’ilay sisa nanamborana, izay tsy te-hiditra, ka henjehina.”

380 Ary ilay tena Fiangonana dia handalo amin’izany raha azo natao; saingy, hitanareo, eo ambanin’io Rà io izy ireo, nohon’ny fahasoavan’i Kristy, ka tsy afaka handalo amin’ny Fahoriambe. Tsy manana vanim-potoan’ny Fahoriambe izy ireo. Ny zavatra manaraka ho an’ilay Fiangonana dia ny Fampakarana. Amena, ary amena! Deraina Andriamanitra. Oh, toy ny ahoana no itiavako an’izany!

381 Mamelà ahy hiteny aminareo. Miteny an’izay hataon’ny mpandresy iray isika, ary tena handresy marina tokoa izy. Efa nataony izany. Efa voalamina tanteraka izany, izay ihany; handamina an’izany, miaraka amin’ny vola, tombontsoa maloto. Marina tokoa izany. Tia vola mihoatra an’Andriamanitra izy ireo. Ny zavatra rehetra izay eritreretin’izy ireo ankehitriny dia, “Ohatrinona ny vola ananany?” Inona izany?

382 Fantatrareo, efa voalaza izany, imbetsaka hoe, “Omeo ho an’ny fiangonana ny vola, dia hanova tanteraka an’izao tontolo izao izy. Omeo ho an’ny fiangonana ny vola, dia handefa evanjelista manerana an’izao tontolo izao izy. Ary inona no hataony? Handresy an’izao tontolo izao ho an’i Kristy izy.”

383 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, ry sakaizako mahantra, jamba. Tsy azo amin’ny alàlan’ny vola izao tontolo izao, fa amin’ny alàlan’ny Ràn’i Jesosy Kristy. Omeo lehilahy izay lehilahy mahery fo Andriamanitra, izay hitsangana eo amin’ity Teny ity, velona na maty; izany no handresy. Ah-hah. Zavatra tokana ihany no afaka handresy, dia ireo izay manana ny anarany ao amin’ny Bokin’ny Fiainan’ny Zanak’ondry talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao. Izany ihany no zavatra tokana hihaino an’Izany. Tsy misy idiran’ny vola amin’izany; hampiditra azy ireo lavitra kokoa ao anatin’ireo fombafomba ara-anaram-piangonan’izy ireo izany.

384 Ndao jerentsika. Eny, miaraka amin’ireo tapi-pahaizana ara-pianarana, no hahatongavany. Ho manan-tsaina izy. Oadray, oadray, oadray! Ary ireo zanany rehetra manodidina azy dia ho manan-tsaina, Ph.D., LL.D., L. roa D., Q.S.D., A.B.C.D.E.F. mitohy hatrany amin’ny Z. Hanana an’izany rehetra izany izy, manan-tsaina. Nahoana? Araka ny lamin’i Satana izany. Ny fitapitaky ny hafetsena rehetra manohitra ny Baiboly dia avy amin’i Satana.

385 Tamin'izany marina tokoa no nahazoany an'i Eva. Hoy i Eva hoe, "Oh, voasoratra hoe, Andriamanitra no niteny taminay tsy hanao an'io."

386 Hoy izy hoe, "Saingy, andraso. Azo antoka tokoa fa tsy hanao an'izany Andriamanitra. Fa hanokatra ny masonao aho ka hanome anao fahendrena iray." Azony izany.

387 Nila azy isika. Isika dia nahazo an'izany, ihany koa, ity firenena ity. Mariho, handresy an'izao tontolo rehetra izao mpivavaka izy. Handresy izy, hanao fanekena amin'ny vahoakan'i Daniela. Indro izy, ao amin'ny Jentilisa sy ao amin'ny vahoakan'i Daniela, ireo Jiosy ho an'ireo herinandro farany. Ary eo isika izao, nanao sary an'izany teo amin'ny tabilao mihitsy aza. Ary hitanareo izany, tanteraka tokoa, izay no mahaizy azy. Isaorana Andriamanitra. Io izy. Ilay rafitra ara-rafipandaminana dia avy amin'ny devoly. Ary tsy misy totohondry sintonina eo amin'izany, na izany aza. Hitanareo? Marina tokoa. Izany no fakan'ny devoly. Izany no . . .

388 Ankehitriny, tsy ireo olona, tsy ireo olona ao anatiny ao. Olon'Andriamanitra izy ireo, ny maro amin'izy ireo. Saingy, mba fantatrareo moa, rehefa tonga eto isika, mandrapahatongantsika eo amin'ireto Trompetra izay mitsoka ireto; ary, amin'ny fotoana manaraka izay handalovako, ireto Trompetra izay mitsoka ireto. Tsarovy, rehefa izy ireo, ny an'ilay anjely farany . . . Mandalo io Anjely fahatelo io hoe, "Mivoaha avy ao aminy, ry Oloko!" Rehefa manidina io Anjely io, dia izany ilay fotoana iray ihany izay itondran'io Hafatra io eto ny Trompetra farany, ny Hafatr'ilay anjely farany, ny Tombokase farany misokatra. Ny rehetra dia mitranga amin'ny fotoana iray ihany. Eny, tompoko. Miakatra ireo hazon'ny vodin-tsambo rehetra ary miditra ao amin'ny Mandrakizay.

389 Ankehitriny dia inona? Amin'ny fotoana iray ihany izay andresen'io zalahy io . . . Avy eo dia hamarana aho. Andriamanitra amin'izay fotoana izay dia hanao zavatra iray, ihany koa. Ndao isika tsy hanome an'i Satana fotsiny ny laza rehetra eto, hitanareo. Ndao isika tsy hiresaka ny aminy, manontolo. Hitanareo? Raha mbola mandeha io zavatra lehibe io any, miditra ao amin'ireto rafi-pandaminana ireto io rafitra lehibe io, ao amin'ny firaisana iray, mba ahafahan'izy ireo manambatra ny tenan'izy ireo miaraka ka mijoro hanohitra ny kominisma, nefa tsy mahafantatra fa Andriamanitra no nanangana ny kominisma handresy azy ireo. Azo antoka.

390 Inona—inona—inona no nanao ny kominisma hipoitra tany Rosia? Nohon'ny tsi-fahadiovan'ilay fiangonana Romana sy ny sisa amin'izany. Nalain'izy ireo ny vola rehetra izay nisy tany Rosia, ary nataony matin'ny hanoanana ny vahoaka, ka tsy nomeny na inona na inona izy ireo, ary raha tokony, ary niaina fotsiny tahaka ny sisa tamin'izao tontolo izao.

391 Tany Mexico aho, vao tsy ela akory izay, ary nahita an'ireo ankizy kely mahantra. Ny firenena Katolika iray dia tsy mahavita tena akory aza. Tsy nisy anankiray tamin'izy ireo. Anontanio aho hoe aiza. Asehoy amiko hoe aiza izy ireo. Ny firenena iray fehezin'ny Katolika dia tsy afaka mahavita ny tenany manokana akory aza. France, Italie, ary izy rehetra, Mexico, na aiza na aiza alehanareo, dia tsy mahavita tena izy ireo. Nahoana? Ilay fiangonana no naka ny zavatra rehetra izay ananan'izy ireo. Izany no antony nandroahan'i Rosia azy. Dihino izay niseho.

392 Fantatro izany, ny tenako. Nitsangana tany aho. Ary nihevitra ianareo fa niseho ny jobily volamena, mandre an'ireo lakolosy maneno ianareo. Ary indro ny vehivavy mahantra kely iray, nandeha teny an-dàlambe, nitaritarika ny tongony. Ary ray iray nitondra zazakely iray; ary roa na telo tamin'izy ireo, nitomany. Nanao fivalozana ho an'ny vehivavy iray maty izy tany. Nanana ny. . . Nihevitra fa ho lasa any An-danitra izy, amin'ny alàlan'izany. Oh, zavatra iray mampalahelo toy ny inona!

393 Avy eo aho dia nahita, nitsangana tany, indro tonga. . . Mahantra tanteraka ny fifandanjan'ny toe-karen'izy ireo! Ilay fiangonana no maka ny zavatra rehetra izay ananan'izy ireo. Indro, Pancho kely iray, angamba—angamba Pancho dia midika hoe Frank. Tonga izy, ary mpanao rafi-trano biriky izy, ary mahazo izy—mahazo roapolo pesos isan-kerinandro izy. Fa hila an'ilay roapolo pesos manontolo izany, mba hividianana kiraro ho azy. Izany no toe-karen'izy ireo. Fa ankehitriny, eo, ahoana moa raha—raha izy, satria mpanao rafi-trano iray sy mpametraka biriky, no mahazo roapolo pesos isan-kerinandro, mba hilazana fotsiny. Tsy fantatro izay azony, fa atao hoe izany karazana rafitra ara-toe-karena iray izany no ifandanjany. Mariho, ankehitriny, raha mahazo roapolo pesos isan-kerinandro izy.

394 Indro tonga i Chico, hitanareo, izay midika hoe "madinika iray," ary miasa izy any eo amin'ny dimy pesos isan-kerinandro. Ary manana ankizy folo izy ho fahanana, saingy misy olona iray mandondòna eo am-baravarany, [Mandondòna imbetsaka eo amin'ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] mba haka eo amin'ny dimy pesos, na efatra amin'izy ireo, na ahoana na ahoana, mba handoavana jaboran-dabozia iray hirehitra eo ambonin'ny alitara iray tapitrisa dolara, volamena ho an'ny fahotany. Eo ianareo izao. Izany ilay fifandanjan'ny toe-karena. Tahaka an'izany ireo firenen'izy ireo.

395 Ilay zavatra no maka azy rehetra. Ilay fiangonana no maka azy rehetra. Manana azy eny an-tànany fotsiny izy. Izay ihany. Ary izy, miaraka amin'ny volan'ireo Jiosy, ao amin'io fanekena io, araka ny nolazain'ny Baiboly, halain'izy ireo ilay zavatra manontolo.

396 Ary amin'izay fotoana izay dia lasa bibidia iray izy. Tapahany ny fanekeny, ary mamiravira izy. Rovitiny ny sisa amin'io taranaky ny vehivavy io, tahaka an'izany. Ary mamoaka rano avy ao amin'ny vavany izy; manao ady. Ary hisy fitomaniana, sy fidradradradrana, ary fikitroha-nify.

397 Ary eo am-panaovana fanambadiana ny Ampakarina, any amin'ny Voninahitra, hitanareo, amin'ilay fotoana iray ihany. Aza diso an'izany, ry sakaiza. Andriamanitra anie hanampy ahy! Izaho—te-ho any aho. Tsy ahoako izay vidiny. Izaho—te-ho any aho.

398 Ankehitriny, mariho, amin'ny fotoana iray ihany izay hisehoan'io, alohan'ny hisehoan'io mihitsy, raha ny marina, eto an-tany, dia nampanantena Andriamanitra . . . Mandritr'ireo fisavoritahan'ny anaram-piangonana rehetra ireo, miady hevitra ny amin'ireo fahasamihafany mikasika ny foto-pampianarany, dia nampanantena Andriamanitra fa handefa ho antsika mpaminany marina iray an'ny Teny marina Izy, miaraka amin'ny Hafatra iray; mba hiverina amin'ny Tenin'Andriamanitra tany am-piandohana, sy "ny Finoan'ireo ray," mba hampidina ny Herin'ny Fanahy Masina eo anivon'ny olona, miaraka amin'ny hery iray izay hampakatra azy any ambonin'ireo zavatra ireo ka hampiditra azy, amin'ilay fotoana iray ihany. Eny. Teny iray ihany izay voamarina, an'i Jesosy Kristy, hoe Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay! "Indro, Izaho momba anareo isan'andro, hatramin'ny fahafonganana mihitsy aza. Ary ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa. Homba anareo mihitsy Aho. Vetivety foana, dia tsy hahita Ahy intsony izy ireo," satria handrafitra ny tenany izy ireo ka ho diso làlana. "Fa ianareo no hahita Ahy, satria homba anareo Aho. Ho ao anatinareo mihitsy aza Aho, hatramin'ny fahafonganana." Eo, no Nilazany fa hiraraka ny fahasosorana aorian'ny fahafonganana. Eo ianareo izao. O Andriamanitra!

399 Iza io mpitaingina soavaly fotsy io? Tsy jamba ianareo. Hitanareo hoe iza izany. Izany io antikristy io, ary io fanahy mamitaka io izay mandroso ankehitriny ary mitsofoka. Nanao . . . Ary, noho izany, hitanareo, manohy mamerina an'ilay izy fotsiny Andriamanitra. Asehony toy ny hoe lehilahy iray miaraka amin'ny soavaly fotsy iray izany, ary miaraka amin'ny tsipìkany nefa tsy misy zana-tsipìka. Famitahana iray izy. Tsy manana hery izy. Hoy ianareo, "Ilay herin'ny fiangonana!" Aiza izany? Inona no ataon'izy ireo? Hoy izy ireo hoe, "Izahay no fiangonana tany am-boalohany." Ilay fiangonana tany am-boalohany dia nandroaka devoly, nanasitrana ny marary, sy nanangana ny maty, nahita fahitana, sy ny zavatra hafa rehetra. Aiza izany ankehitriny? Hitanareo? Famitahana iray izy, tsipìka tsy misy zana-tsipìka. Hah! Marina izany.

400 Fa, hitanareo, rehefa tonga Kristy, dia Sabatra iray no nivoaka avy teo amin'ny Vavany, tahaka ny tselatry ny tselatra.

Nivoaka Izany ka nandevona an'ireo Fahavalony, ary nanipy lavitra an'ilay devoly. Manaisotra ny zavatra hafa rehetra Izany. Ary tonga Izy, ny Fitafiany dia nilona tao anatin'ny rà, ary teo amin'ny Feny dia voasoratra hoe, "Ny Tenin'Andriamanitra." Amena. Indro tonga Izy, miaraka amin'ny Tafiny, tonga avy any An-danitra.

401 Efa teto an-tany foana io mpitaingina soavaly fotsy io hatramin'izay. Hiova izy avy amin'ny antikristy. Ataony izany, ary lasa mpaminany sandoka iray izy. Hitanareo, izy dia nanomboka aloha, antikristy iray, ilay fanahy; avy eo dia lasa mpaminany sandoka iray izy; avy eo, aty aoriana, rehefa voaroaka ny devoly, dia nitsofoka niaraka tamin'ny devoly izy avy eo. Dingana telo! Ny voalohany, dia devoly iray izy, eo am-panombohana, fanahin'ny devoly iray; avy eo dia lasa mpaminany sandoka iray izy, mpampianatra foto-pampianarana sandoka iray; ny zavatra manaraka, dia tonga amin'ny maha-tena devoly tenany izy, nitsofoka. Hitanareo? Io izy.

402 Ary amin'ny fotoana iray ihany izay ianjeran'ity devoly ity avy any An-danitra ka lasa tafatsofoka ao anatin'ny olona iray, dia miakatra ny Fanahy Masina ka midina ao anatin'ny olona nofo. Amena. Oh, oadray! Fotoana iray toy ny inona!

Rahampitso hariva, raha sitrak'Andriamanitra, ny Tombokase Faharoa.

403 Tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena." Miato Rahalahy Branham—Mpand.] Ankehitriny, mino an'Izany ve ianareo? ["Amena."]

404 Vao avy nampijanona an'ilay horonam-peo aho. Ankehitriny dia handre avy amin'Izany aho. Fantatrareo izany, hitanareo. Fa miandry ny handre aho.

405 Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo, rahalahy. Vao izao mihitsy aho no mahafantatra, ho an'ny indray mandeha ao amin'ny fiainako, hoe nahoana no nampitandrina ahy hanohitra azy ireo foana io Fanahy io, io rafi-pandaminana io. Mankasitraka ny Tompo Andriamanitra aho nohon'ny fanehoana amiko an'ireo zavatra ireo. Fantatro fa Izany no Fahamarinana. Io ilay izy, voambara eo mihitsy. Indro izy mitaingina manerana an'ilay taona, ary tonga eto mihitsy ka mampiseho ny tenany eto mihitsy, tanteraka mihitsy arak'izay mety maha-izy azy. Hitanareo, izy io. Ankehitriny dia tsy voafitaka eo amin'izany isika. Manana ny masonareo misokatra ianareo ankehitriny. Mialà lavitra an'io karazan-javatra io. Ary tiavo amin'ny fonareo rehetra ny Tompo, ary mijanòna tsara miaraka Aminy. Eny, tompoko. Mivoaha avy ao Babylona!

406 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Zavatra telo: voaporofon'ny Teny, nasehon'ny sary iray, voasehon'ireo asan'ny Fanahy, manamarina fa Izany no Teny.

407 Aoka ny Teny ho eto ambonin'ireto mosara ireto, Tompo. Sitrano ny marary. Sitrano ny olona marary tsirairay izay manatrika, Tompo, ary ireo any ivelany any izay manoratra sy miantso.

408 Ray, amin'ity ora ity, dia misy fanasitranana hafa iray izay tokony ho vita izao ankehitriny izao, ka manohy eo amin'ny asam-panasitranana izahay. Fa, Tompo, izany dia io fanahy io, mila an'izany milamina izahay, Tompo. Ary tsy maintsy tonga ireo zavatra ireo.

409 Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Handraisanao an'ireo teny izay voalaza ireo ankehitriny, ka hanao azy ireo ho tena misy amin'ny olona. Aoka izy ireo hahita an'Izany, Tompo. Satria noteren'ny fotoana, ary, Fantatrao, Ray, noho izany dia mivavaka aho mba ho ampy izay efa voalaza mba handraisan'ny Fanahy Masina an'Izany ka hanambarana an'Izany ao anatin'ireo fo. Ireo izay mandray naoty ny Soratra, enga anie izy ireo hianatra Azy ireo. Ireo izay manao horonam-peo na—na—na mihaino ny horonam-peo, dia enga anie izy ireo hianatra an'Izany; tsy hametraka ny fandikany manokana eo amin'Izany ankehitriny, fa hianatra ny Teny fotsiny. Ekeo izany, Ray. Amin'ny Anaran'i Jesosy, no ametrahako an'izany rehetra izany Aminao, sy ho an'ny Voninahitrao. Amena.

410 [Maminany ny rahalahy iray. Mifaly ny fiangonana—Mpand.] Amena. Oh, misaotra Anao! [Mitohy mifaly ny fiangonana.] Oh!

411 Raha misy olona iray ato izay tsy mahafantatra Azy, ao amin'ny famelàna, dia ataovy izany ankehitriny. Henoy io fananarana mahitsy, mahery io. Raha mba manantena ny hanatona akaiky ianareo, dia ataovy izany ankehitriny, mandritr'ireo andro aorian'ity.

412 Ahoana moa raha izany no famahana an'io Tombokase io? Ahoana moa raha izany ilay Anjely izay nirahina tany, izay nanapoaka (saiky) ahy niala tamin'ny tany, indray andro, nitsangana tany, rehefa nitsangana akaiky ireo vavolombelona telo. Fa niteny taminareo aho talohan'ny nandehanako hoe, "Hisy fipoahana iray izay saiky hanipy ahy ambony." Ary nakarin'ny Anjely fito aho, ary tonga tany atsinanana. Toy ny nandona ahy niala tamin'ny tany ilay zavatra.

413 Marina ve izany, Rahalahy Norman, Rahalahy Fred Sothmann, izay nitsangana niaraka tamiko rehefa nitranga izany, tany ambonin'i Tucson? Ary ilay—ilay . . . Nipetraka, nanendaka an'ireo tsipolitra tamin'ireo akanjoko, arak'izay nolazain'ilay fahitana marina tokoa. Ary izany dia tany atsimon'ny . . . nankany Tucson. Raha marina izany, dia atsangano ny tànanareo, Rahalahy Fred, Rahalahy Norman. Ireo izy ireo. Mitsangàna amin'ny tongotrareo, mba ahafahan'ny olona mahita fa tany ianareo, vavolombelona iray. Tsy mbola

nandre zavatra tahaka an'izany mihitsy aho, teo amin'ny fiainako.

414 Ary, avy hatrany, dia tsy nihaza izy ireo, ny sisa tamin'ilay andro. Niangavy an'i Fred aho, ny ampitso maraina. Tsy mahafantatra an'izany izy. Niangavy azy aho handeha hihaza, nanohy nilaza hoe, "Ataovy izany. Ataovy izany."

415 Fa nilaza Izy, niteny tamiko Izy tany hoe, "Tsy hanao an'izany izy. Mandehana ianao mankany Atsinanana, izao ankehitriny izao."

416 Ary ireo Anjely fito ireo! Ny fipoahana voalohany, dia nisokatra izy. Hia. Ahoana moa raha izany ilay izy? Eo amin'ny ora farany isika izao. Hitanareo?

Tiako . . .

Ndao isika hanompo Azy.

Tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy

Ndao isika hitsangana.

Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

417 Ndao isika hanadio ny fontsika ankehitriny, ry rahalahy, raha manondrika ny lohantsika isika. Ry anabaviko, niresaka masiaka taminareo aho, saingy nataoko tamin'ny fitiavana masina izany. Nataoko izany satria tiako ianareo; mikasika ny fanaovana volo lava, sy miakanjo ary mihetsika tsara. Nataoko izany nohon'ny fitiavana masina. Ndao isika hanadio ny fieritreretantsika ankehitriny raha mbola—raha mbola ilay Clorox an'Andriamanitra.

418 Amin'ny maraina, dia mety efa tara loatra. Mety mandroso Izy. Tonga tahaka an'izany ireo zavatra ireo, rahalahy, mety ho ny fiafaran'ny asam-panelanelanana. Efa mba nieritreritra an'izany ve ianareo? Eny, tsy fantatro raha izany ilay izy. Tsy milaza aho hoe izany ilay izy. Fa ahoana moa raha izany ilay izy? Ahoana moa raha izany ilay izy? Ahoana ny amin'izany? Tsy misy fanavotana intsony; vita ilay izy, amin'izay fotoana izay. Manantena aho fa tsy izany ilay izy, fa mety ho izany ilay izy.

Tiako Izy, izaho . . .

Diovy izahay, Tompo. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

. . . tiako Izy
Satria nitia ahy mialoha Izy
Ka nividy ny famonjeko
Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

419 Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Voninahitra ho an'Andriamanitra! Tiako izany fihetseham-po mamy izany. Tsy tsapanareo ve Izany? Ny Fanahy Masina fotsiny, toy ny hoe, mandro manodidina anareo, mandeha manodidina miaraka

amin'Izany. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana! Oh, eritrereto ny Famindrampony!

> Tiako Izy, tiako Izy
> Satria nitia ahy mialoha Izy
> Ka nividy ny famonjeko
> Teo amin'ny hazon'i Kalvary.

420 Aza adino Izany, ry sakaiza. Aza adino Izany. Ento any antrano miaraka aminareo Izany. Mijanòna miaraka amin'Izany. Hazòny eo ambonin'ny ondanareo Izany. Aza adino Izany. Mijanòna miaraka amin'Izany. Andriamanitra hitahy anareo ankehitriny.

Rahalahy Neville, ny pasiteranareo.

*Ny Tombokase Voalohany* MAG63-0318

(The First Seal)

Andian'Ny Fanambarana An'Ireo Tombokase Fito

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alatsinainy hariva, 18 Marsa, 1963, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2019 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org